

Ny Maritioran'i Houssayn (as)



Cheikh al-Mofid



Ny Maritioran'i Houssayn (as)
Cheikh al-Mofid

Ny Maritioran'i Houssayn (as)

Mpanoratra : Cheikh al-Mofid (336-413 A.H.)

Mpandika teny : Ny ekipa Booky

Tranokala : www.houssayn.fr

Mpitany : Éditions Booky

Fanontana voalohany, Jona 2019

Endrika : 11 x 18 cm

ISBN : 978-2-37657-011-0

Fitsarana ara-dalàna :

Éditions Booky

Antananarivo - Madagascar

Tel : +261 32 86 651 31

Email : contact@editionsbooky.com

الحمد لله رب العالمين
والصلاة والسلام على
سيدنا محمد وآله الطيبين
الطاهرين



HOUSSAYN.FR

*Fa tsy nalefanay ianao, raha tsy ho
famindram-po ho an'izao to ntolo izao.*

Ny boky masina Kor'any, 21:107

FIZAHAN-TAKELAKA

SASINTENIN'NY MPAMOAKA BOKY.....	9
SASINTENIN'NY MPANDIKA TENY	10
FIZARANA VOALOHANY : TANTARAN'ILAY IMAM IZAY NANDIMBY AN'NY IMAM HASSAN B. 'ALI (AS)	17
FIZARANA FAHAROA : NY FIAFARAN'ILAY FANEKEM- PILAMINANA NIARAKA TAMIN'NY FAHAFATESAN'I MO'AWIYAH SY NY FIANTSOAN'NY IMAM HOUSSAYN (AS) HANAQ DJIHAD.....	25
FIZARANA FAHATELO : FAMINTINANA IREO TANTARA MIKASIKA NY ANTSON'I HOUSSAYN (AS)	29
TOKO VOALOHANY : HOUSSAYN (AS) TAO MADINA	30
TOKO FAHAROA : HOUSSAYN (AS) TAO LAMEKA	38
TOKO FAHATELO : MOUSLIM B. 'AQIL TAO KOUFA	48
TOKO FAHAEFATRA : FIAINGAN'I HOUSSAYN (AS) NIALA TAO LAMEKA	105
TOKO FAHADIMY : IREO TOERAM-PIJANONANA TENY AN- DALANA MANKANY KOUFA	112
TOKO FAHAENINA : IBN SA'D TONGA NIHAONA TAMIN'I HOUSSAYN	145
TOKO FAHAFITO : 'OMAR B. SA'D NANAFIKA NY TOBIN'I HOUSSAYN (AS).....	157
TOKO FAHAVALO : IREO ZAVA-NITRANGA ANDRO IRAY NIALOHAN'NY "ASHOURA"	161

TOKO FAHASIVY : NY MARAINAN'NY "ASHOURA"	171
TOKO FAHAFOLO : NY ADY	184
TOKO FAHARAICA AMBIN'NY FOLO : NY NAHAFATY MARITIORA AN'NY IMAM HOUSSAYN (AS).....	205
TOKO FAHAROA AMBIN'NY FOLO : IREO BABO TAORIAN'NY NAHAMARITIORA AN'NY IMAM HOUSSAYN (AS)	214
FIZARANA FAHAEFATRA : NY ANARAN'IREO MARITIORA AMIN'NY FIANAKAVIAN'I HOUSSAYN (AS). NY HATSARAM- PANAHY SY IREO HATSARAN-TOETRA'NY HOUSSAYN (AS), IREO HASIN'NY FAMANGIANA AZY SY NY FILAZALAZANA AN'IREO ZANANY	237
FIZAHAN-TAKELAKA AMIN'NY ANTSIPIRIANY.....	252

SASINTENIN'NY MPAMOAKA BOKY

Ny lozam-pahoriana nanjo an'i Houssayn (as), ilay zafin'ny Mpaminanin'ny islam, dia anaovana fombafombam-pahatsiarovana izay fantatra amin'ilay anarana hoe : Ashoura. Izany dia tranga sy famantarana iray manamarika ny tantaran'ny islam, indrindra moa fa ho an'ireo shiita maneran-tany.

Porofon'ny maro samihafa no manamarina ny anjara toerana tsy hay tohaina ananan'ilay boky natolotra fa ny tena misongadina amin'izany dia noho ilay tompon'ireo asa soratra ireo, izay anisan'ny olona ambony iray fanta-daza eo amin'ny shiisma : dia ny Cheikh al-Mofid.

Ary koa ilay mpandika teny izay nilofo nanatanteraka ny asa am-pahamendrehana sy am-panajana teo am-panolorana ho an'ny olona mampiasa teny malagasy ny dikan-teny mivantana miainga avy amin'ny fiteny voalohany nanoratana ny lahatsoratra (dia ny fiteny arabo).

Ity boky navoaka ity dia natao noho ny faniriana mba hiantefan'izany any amin'ny mpamaky malagasy rehetra izay mangetaheta te-hanatevina ireo fahalalany ara-tantara mikasika ny zava-niseho tao Karbala. Arak'izany, ity boky ity dia manamafy orina ny tetik'asan'ny *houssayn.fr* mba ho entina handinganana ireo sakana ara-kolontsaina sy fiteny.

Famoaham-boky Booky
contact@editionsbooky.com

SASINTENIN'NY MPANDIKA TENY

Ny nahamaritioran'ny zafin'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) dia manana anjara toerana lehibe eo amin'ny tantaran'ny finoana islam. Manana ny lanjany mavesatra tokoa izany eo amin'ny fiainan'ireo mpino silamo. Betsaka amin'ireo fikorontanana ara-politika, ara-pinoana sy ara-tsosialy no mifototra amin'ireo hevitra maro samihafa nalaina avy tamin'io zava-doza nahatsiravina io. Arak'izany, i Houssayn Ibn 'Ali (as) dia nampisongadina ny andraikitra ny Imam (mpitarika), masina ary tsy manao fahadisoana, sy fakan-tahaka iray ambony dia ambony ho an'ireo mpino silamo shiita.

Vokatr'izany, ny tantaran'ny naha maty maritiora azy dia voarakitra ao amin'ireo boky maro mikasika ny tantara islamika, ka anisan'izany ny boky *al-Irshad* nosoratan'i Cheikh al-Mofid.

NY BOKY AL-IRSHAD

Ny al-Irshad fi ma'rifathojaj Allah 'ala al-'ibad (Tari-dālana mba hahafantarana an'ireo

Vavolombelon'i Allah eo amin'ireo mpanompony) no tena lohaten'ilay boky nangonina sy nosoratan'i Cheikh al-Mofid, iray amin'ireo manam-pahaizana ambony sy mpahay lalàna shiita tamin'ny taonjato fahaefatry ny Hijra.

Ny *al-Irshad* dia mirakitra ny tantaram-piainan'ireo Imam mpitarika an'ireo silamo shiita, ireo hatsaran-toetran'izy ireo sy ireo tranga samihafa niseho teo amin'ny fiainan'izy ireo. Ity boky ity izay nosoratana tamin'ny taona faha-411H, izany hoe roa taona nialohan'ny nahafaty an'ilay mpanoratra, dia anisan'ny iray amin'ireo boky lehibe maneho ny momban'ny tantaram-piainan'ireo Imam, noho ny antony fifanakaikezana teo amin'ny vanim-potoanan'izy ireo.

Ny boky, tamin'ny dikan-teny Arabo tany ampiandohana, dia natonta ankapobeny ho boky roa : ilay boky voalohany na ilay antsasaky ny boky, dia ahitana ireo tantaram-piainan'ny Imam 'Ali Ibn Abi Talib (as), fa ilay faharoa kosa miresaka ny tantara mikasika an'ireo Imam hafa miisa iraisa ambin'ny folo [11] avy amin'ny taranaky ny Mpaminanin'i Allah.

FAMPAHAFANTARANA AN'NY CHEIKH AL-MOFID

Amin'ireo olona malaza amin'ny islam shiita mpanaraka an'ireo Imam miisa roa ambin'ny folo, dia anisan'izy ireo i Mohammad zanak'i Mohammad zanak'i No'man, fantatra amin'ny anarana hoe Cheikh al-Mofid. Izy dia teraka tamin'ny taona 336H, tao amin'ireo faritra manodidina an'i Baghdad, ao Irak, avy amin'ny fianakaviana mpivavaka ary araka ny tantara dia mpanaraka ny antokom-pinoan'ireo Ahl al-Bayt. Taorian'ny nahavitany ireo fianarana fanomanana, dia nonina tao Baghdad izy ary nandranto fianarana ambony, tamin'ireo manam-pahaizana lehibe shiita toa an'Ibn Qawlawayh al-Qommi, i Abou Ghalib al-Zorari, Ibn Jonayd al-Iskafi.

Cheikh al-Toussi dia nitantara mikasika an'ilay mpampianany : « Tamin'ny fotoan'androny, dia izy no karazany fandrefy faratampony fakan-kevitra ho an'ireo shiita. Ihoarany avokoa ireo manam-pahaizana hafa eo amin'ny lafiny ara-lalàna sy ny ara-teolojia islamika ary tena mahagaga ny fananany fitadidiana sy ny faharanitan-tsaina. »

Manam-pahaizana lehibe shiita maro no nianatra teo anatrehan'ity lehilahy malaza ity, ka anisan'ireo mpianany ny Sayyid Mortadha 'Alam

al-Hoda, ny Sayyid Radhi al-Sharif, ny Cheikh al-Toussi, i Najashi, na koa i Abou al-Fath al-Karajaki.

Izy dia niaina teo anivon'ny tontolon'ny fivavahana, ireo fahalalana sy ireo asa fanasoavana an'ireo mpino silamo. Cheikh al-Mofid dia nodimandry ny taona 413H tamin'ny faha-76 taonany.

NY FANDIKAN-TENIN'ILAY BOKY

Ity asa soratra ity dia fandikana ny iray amin'ireo fizaran'ilay boky al-Irshad, izay ahitana [indrindra] ireo tantaram-piainan'ny Imam Houssayn (as) mitondra ny lohateny hoe : « Ny tantaran'ny Imam Houssayn (as) sy ny toetrany : Ny nahaterahan'ny Imam Houssayn (as), ny nahamaritiora azy sy ireo hatsaran-toetra izay nananany manokana. »

Ny faniriana dia ny hahazoan'ireo “mpampiasa ny teny Malagasy” ity lahatsoratra ity, mba hitondrana avo ny momban'ny arapahalalana sy ny ara-tantara avy amin'ny lahatsoratra fototra. Arak'izany, ny fandikantenany dia notanterahina manontolo sy mivantana avy amin'ny teny arabo, izay teny voalohany nanoratana ilay lahatsoratra sy niavian'ireo tantara. Ny boky natao fakan-kevitra dia ny *al-Irshad*, navoakan'ny MoassassatAhl al-Bayt :

voalohany natonta tamin'ny 1413H, natonta tao Qom (Iran) ho boky roa.

FANAMARIHANA VITSIVITSY :

- Ho fiarovana ny lahatsoratra ny tompon'ny boky sy hanavahana ny lahatsoratra fototra amin'ireo hevitra nampiana : ireo fanazavana nentina mba hahazoana tsara kokoa ny tantara dia natao ao anatin'ny fonosana [].
- Ireo lohatenin'ireo toko dia nisy nanampiana mba hanomezana endrika tsara kokoa sy ho fahazoana tsara ny lahatsoratra.
- Ireo teny Ibn (zanakalahin'i) sy ny Bint (zanakavavin'i) dia nahohezina ka nosoloina ho (b.) fotsiny. Ohatra : 'Ali b. Houssayn dia midika hoe 'Ali zanak'i Houssayn.
- Ny fanafohezan-teny (as) dia manambara ireo fehezanteny hoe « 'alayhisalam », « 'alayhasalam » na « 'alayhimsalam » izay midika amin'ny teny malagasy hoe « fiadanana anie ho azy (lehilahy) », « fiadanana anie ho azy (vehivavy) » na « fiadanana anie ho azy ireo » ; ny fanafohezan-teny ihany no natao na dia voasoratra ao amin'ny lahatsoratra fototra aza izany.

- Ny fanafohezan-teny (ra) dia manambara ireo fehezanteny hoe « rahmat Allah 'alayhi / 'alayha / 'alayhim » na « ridhwan Allah 'alayhi / 'alayha / 'alayhim » izay midika amin'ny teny malagasy hoe «ny famindrampon'i Allah anie ho azy [lehilahy]/ho azy (vehivavy)/ho azy ireo» na «ny fifalian'n'i Allah anie ho azy [lehilahy]/ho azy (vehivavy)/ho azy ireo» ; ny fanafohezan-teny ihany no natao na dia voasoratra ao amin'ny lahatsoratra fototra aza izany.
- Ny fanoratana ireo anarana sy ireo voambolana arabo amin'ny teny latinina dia tsy mifanaraka amin'ireo fampianarana mahazatra. Ny tsara kokoa dia ny miverina amin'ny fomba fanoratana amin'ny teny malagasy malalaka mba hisorohana ny mpamaky teny malagasy amin'ny tsy fanajana loatra ny fanononana ny teny arabo. Marihina fa ilay famantarana (') misoratra eo alohan'ny teny arabo iray dia maneho ny fanononana ilay litera 'ayne (ع).

FISAORANA

Izaho dia maneho ny fankasitrahako ho an'izay olona rehetra nandray anjara mivantana na ankolaka tamin'ny fanatontosana an'ity boky

ity. Tsy misy isalasalana, fa vokatry ny ezaka niombonana izy ity noho ny Fahasoavany.

Ho ankasitrahan'i ALLAH anie ity asa ity !

Ny ekipa Booky

Zoma 7 Jona 2019

Antananarivo (Madagasikara)

**FIZARANA VOALOHANY :
TANTARAN'ILAY IMAM IZAY
NANDIMBY AN'NY IMAM
HASSAN B. 'ALI (AS)**

NY DATY NAHATERAHANY, IREO
POROFON'NY IMAMAT FITARIHANY, NY
TAONANY, NY FAHARETAN'NY KHILAFAT
FITONDRANY, NY DATY SY NY ANTONY
NAHAFATESANY, NY TOERANA MISY NY
FASANY, NY ISAN'IREO ZANANY SY NY
SASANTSASANY AMIN'IREO ZAVATRA
HAFA MOMBA AZY.

Ny Imam izay nandimby an'ny Imam Hassan b.'Ali (as) dia ny rahalahiny, Houssayn b. 'Ali, ilay zanakalahin'i Fatima izay zanakavavin'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany). Tamin'ny alalan'ny fomba mazava [no sady tsy misy mampisalasala] no nanendren'ny rainy sy ny raibeny azy, ary koa tamin'ny alalan'ny farahafatr'i Hassan rahalahiny.

Ny anaram-bositra iantsoana azy dia i Abou 'Abdillah ary izy moa dia teraka tao Madina, ny faha-05 ny volana Sha'ban taona faha-4 ny Hijra. Ny reniny, i Fatima (as) dia nitondra azy teo amin'ny raibeny, ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) izay ravoravo fatratra ka nanome ny anarany hoe Houssayn. Izy dia nanao sorona ondrilahy iray ho an'ny fahaterahany.

Araka ny fanambaran'ilay Iraka (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany), izy sy ny rahalahiny no lehiben'ireo tanora ao amin'ny Paradisa. Iarahan'ny rehetra mahalala sady tsy misy fisalasalana fa izy roalahy ireo no zafin'ilay Mpaminanin'ny Famindram-po.

Hassan b. 'Alî dia mitovy amin'ilay Mpaminany (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) manomboka eo amin'ny loha ka hatreo amin'ny tratra, fa i Houssayn kosa no mitovy aminy manomboka eo amin'ny tratra ka hatreo amin'ny tongotra. Ao amin'ny fianakaviana sy ireo zanaka, dia izy roa ireo no [tena] tian'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany).

Zadane dia nitantara tamin'i Salman (fifalian'i Allah anie ho aminy) niteny hoe : « Izaho dia naheno an'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) izay nilaza mikasika an'i Hassan sy Houssayn nanao hoe : "Allah ô, marina dia marina fa izaho dia mitia azy roa ireo, koa mba tiavo izy ireo ary tiavo izay rehetra mitia azy ireo". »

Izy (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) dia niteny hoe : « Izay mitia an'i Hassan sy Houssayn dia tiako, ary izay tiako dia tian'i Allah, ka izay tian'i Allah, Ilay Tsitoha sy Avo Indrindra, dia ho ampidiriny ao am-Paradisa. [Mifanohitra amin'izany kosa] izay mankahala azy roa ireo dia halako, ary izay halako dia halan'i Allâh, ka izay halan'i Allah dia

ho ampidiriny mandrakizay ao amin'ny Afobe [Gehena]. »

Izy (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) dia niteny hoe : « Marina dia marina fa ireto zanako roa ireto no voninkazoko kiranjay [zava-maniry mamerovero manitra izay manome hasambarana ary mampisinda ny alahelo] eto an-tany. »

Zirr b. Hobaysh dia nitantara an'Ibn Mas'oud niteny hoe : « Rehefa teo am-panatanterahana ny fanompoam-pivavahany ilay Iraka (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany), dia tonga i Hassan sy i Houssayn ary niakatra teo an-damosiny. Nony nampitraka ny lohany [avy tamin'ny fiankohofana] izy, dia nandray azy ireo tamim-pitiavana [ka nametraka azy ireo teo amin'ny tany], nefa rehefa niankohoka indray izy dia niverina niakatra indray izy ireo [teo an-damosiny]. Taorian'ny nahavitany izany [fanompoam-pivavahany izany], dia napetrany ny anankiray teo ambony feny iray ary ny anankiray kosa teo amin'ny feny ilany, avy eo dia hoy izy hoe : "Izay mitia ahy dia aoka izy hitia an'izy roa ireto." »

Izy ireo [izy roa ireo] dia porofon'i Allah, Ilay Avo Indrindra, ho an'ilay Irany (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) tamin'ny [andron'ny] Moubahala

(fifanozonana), fa taorian'ny [naha maritioran'ny] rain'izy ireo, ilay Filohan'ireo mpino (as), izy ireo dia porofon'i Allah eo amin'ny oumma [fiarahamonina] mikasika [ireo raharahan'] ny finoana, ny islam sy ny fampianarana.

Mohammad b. Abi 'Omayr dia nitantara an'ireo olony izay nitantara an'i Abou 'Abdillah (as) niteny hoe : « Hassan b. 'Ali (as) dia nilaza tamin'ireo namany hoe : “Allah, Ilay Avo Indrindra, dia manana tanàn-dehibe anankiroa : ny anankiray dia any Atsinanana ary ny iray any Andrefana. Any no ahitana ireo zava-boaharin'i Allah, Ilay Tsitoha, Ilay Be Voninahitra, izay tsy nieritreritra mihitsy ny hanohitra Azy. Ifantàna amin'i Allah, fa tsy ho hita mihitsy ao amin'ireo tanàn-dehibe anankiroa ireo, na eo anelanelan'izy ireo, ny porofon'i Allah mikasika ny Voahariny ankoatr'ilay rahalahiko Houssayn sy izaho.” »

Tantara iray hafa mitovy amin'izany no nisy nitantara araka ny voalazan'i Houssayn (as) rehefa izy niresaka tamin'ireo sakaizan'Ibn Ziyad : « Nahoana ianareo no mifanampy hiady amiko ? Eny, ifantàna amin'i Allah, fa raha ianareo no mamono ahy, dia hamono ny porofon'i Allah ianareo, izay nirahiny ho anareo. Tsia, ifantana amin'i Allah, fa tsy misy eo

anelanelan'i Jabalqa sy i Jabarsa na dia zanak'ilay Irak' [i Allah] iray aza, afa-tsy izaho, tamin'ny alalany, i Allah no nitondra ny Porofony teo anatrehanareo. »

Ny tiany hambara amin'i Jabalqa sy Jabarsa dia ireo tanàn-dehibe anankiroa izay avy nolazain'i Hassan (as) rahalahiny [teo aloha].

Anisan'ireo porofon'ny fahalavorarian'izy ireo sy ny voninahitra manokana izay nomen'i Allah azy, ankoatr'ireo izay efa nolazaintsika mikasika ny fifanozonana teo amin'ilay Irak'i Allah niaraka tamin'izy roa ireo, dia nisy ny fanekem-pankatoavana izay nataon'ilay Irak'i Allah tamin'izy ireo kanefa izy dia toa tsy mbola nanao an'izany tamin'ny ankizy afa-tsy izy roa ireo ihany. Misy koa ny fanambaran'[ireo andinin'] ny Kor'any izay milaza fa izy ireo dia mendrika tanteraka ny hahazo ny valisoan'ny Paradisa noho ny asan'izy ireo kanefa izy ireo tamin'izay dia mbola ankizy. Tsy misy na dia andininy iray aza, no nampidinina mba [ho famalian-tsoa] ho an'ny olon-kafa mitovy taona amin'izy ireo noho ny asan'izy ireo.

Allah, voninahitra anie ho an'ny Anarany, dia nilaza ao amin'ny toko « Hal Ata » manao hoe :

« Ary manome sakafo ho an'ny mahantra, ny kamboty sy ny gadra izy ireo, na dia eo aza ny fitiavan'izy ireo izany. Mba ho fifalian'i Allah Irery ihany no anomezanay sakafo anareo ; tsy mila valisoa na fisaorana avy aminareo izahay. Eny, matahotra ilay andro mahatsiravina sy feno loza avy amin'ny Tomponay izahay. Fa i Allah no hiaro azy ireo amin'ny ratsy amin'io andro io. Ary ataony mifanojo ny hatsarana sy ny hafaliana. Izy no hamaly izay niaretan'izy ireo, amin'ny fanomezana ny Paradisa sy ny akanjo lasoa. »¹

Io fanambarana io dia manondro azy ireo (as), sy ny Ray aman-dRenin'izy ireo ihany koa. Ity tantara [ao amin'ny Kor'any] ity dia ahitana ny teny noresahin'izy ireo sy mitantara ny toepanahin'izy ireo ; izany dia maneho ny voninahitra sy ny fahafoizan-tenan'izy ireo ary maneho fa izy ireo dia tena porofo goavana [an'i Allah] eo amin'ireo zavaboahariny.

Izany tokoa satria tahaka ny tantara [ao amin'ny Kor'any] izay mitantara ireo teny nolazain'ny Mesia (as) teo amin'ny fandrian-jazakely, ilay porofon' [i Allah] tamin'ny alalan'ny faminiany. Tantara izay milaza ireo fahagagana izay nomen'i Allah ho azy manokana

¹ Toko « al-Insane », andininy 8-12

sy maneho ny haben'ny voninahiny sy ireo fahamendrehany eo anatrehany.

Ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) dia nanambara mazava tsara ny maha-Imam azy sy ilay rahalahiny teo alohany, nanao hoe : « Ireto zanako anankiroa ireto, dia Imam anankiroa foana na mitsangana izy ireo na mipetraka. »

Ny fara-hafatr'i Hassan (as) ho azy [Houssayn (as)] dia manaporofy ny maha-Imam azy tahaka ny fara-hafatr'ilay Filohan'ireo mpino (as) ho an'i Hassan ihany koa, izay manaporofy ny maha-Imam an'ity farany, ary mbola mitovy koa amin'ny fara-hafatr'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany), izay nanaporofy ny maha-Imam an'ilay Filohan'ireo mpino avy taoriany.

**FIZARANA FAHAROA :
NY FIAFARAN'ILAY FANEKEM-
PILAMINANA NIARAKA
TAMIN'NY FAHAFATESAN'I
MO'AWIYAH SY NY
FIANTSOAN'NY IMAM
HOUSSAYN (AS) HANAO
DJIHAD**

Taorian'izay rehetra voalaza teo aloha izay, ny imamat fitarihan'i Houssayn (as) dia tafapetraka taorian'ny fahafatesan'ilay rahalahiny. Ny fankatoavana azy dia antery ho an'ireo zavaboahary rehetra, na dia tsy niantso azy ireo aza izy mba hanaraka azy (as) noho ny antony fiafenana ho fiarovan-tena (taqiyyah) izay tsy maintsy najainy, sady koa noho ny antony ilay fanekem-pilaminana nisy teo aminy sy i Mo'awiyah b. Abi Soufyan, izay notandrovin'ny tsara.

Izy dia nanaraka ny toe-piainana tahaka andrainy, ilay Filohan'ireo mpino, izay ny imamat fitarihany dia tafapetraka taorian'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) na dia teo aza ny fahanginany. [Niseho ihany koa] ny fitazoman-tena sy ny fahanginan'ny rahalahiny Hassan nandritra ny imamat fitarihany, noho ilay fanekem-pilaminana. Arak'izany, izy ireo rehetra dia nanaraka ny "sonna", tari-dàlan'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany), na dia natao fahirano tao an-dohasaha na rehefa voatery handeha aza izy, hifindra-monina hiala ao Lameka, ka niafina tao anaty lavabato mba tsy ho hitan'ireo fahavalony.

Rehefa maty i Mo'awiyah, dia tapitra hatreo ny fe-potoana izay nanakana an'i Houssayn (as) mba hiantso ireo vahoaka hanaraka azy. Notakiany ampahibemaso ny zony [hanampahefana] arak'izay azo atao ary isaky ny misy fotoana izy dia nanararaotra nanazava izany tamin'ireo izay tsy mahalala, mandra-piharihary izany, ary ireo mpiara-dia aminy dia nivory nanodidina azy. Izy (as), dia niantso azy ireo hanao djihad sy hanao fiomanana amin'ny ady.

Niaraka tamin'ireo zanany sy ny fianakaviany, no nandaozany ny toerana masina an'i Allah sy ilay Irany nankany Iraq, mba hiaraka amin'ireo mpiara-dia aminy izay niangavy azy ho tonga ka hiady amin'ireo fahavalo.

Nalefany nialoha azy ilay rahalahiny arapihavanana, i Mouslim b. 'Aqil (ra) mba hiantso ireo vahoaka ho amin'i Allah sy mba hanaovan'izy ireo ny fanekem-pankatoavana hanao djihad. Ireo vahoakan'i Koufa noho izany dia nanao fanekem-pankatoavana taminy hanatanteraka izany adidy izany, nampanantena azy sy nanome toky hiaro azy sady tsy misy fitaka. Nifamepetra izy ireo sy nanome antoka azy tamin'izany, nefa tsy naharitra akory izany dia notapahin'izy ireo ny fanekena nataon'izy ireo, nofitahin'izy ireo izy ka natolotr'izy ireo

[tamin'ny fahavalo]. Izy dia novonoina teo anatrehan'izy ireo fa tsy mba narovan'izy ireo akory. [Avy eo,] izy ireo dia nitsangana nanohitra an'i Houssayn (as), nanao fahirano azy, nanakana azy mba handeha arak'izay tiany amin'ireo tanin'i Allah nialohan'ny nanerena azy mba hijanona amin'ny toerana iray izay tsy hahitany fanampiana na fanavotana na dia iray aza. Izy ireo dia nanao sakana teo aminy sy ilay ranon'i Eofrata, hatramin'ny nanararaotan'izy ireo niakatra teo amboniny sy namonoan'izy ireo azy.

Arak'izany, i Houssayn (as) dia maty an'ady, tao anatin'ny hetaheta, fiaretana, fahatsorana sy tsindrihazolena. Ireo faneke-mpankatoavana izay nomena azy dia rava, nolotoina ny voninahiny, nivadihana ireo fampanantenana ary ireo fifanekena dia nodikaina. Izy dia maty maritiora sahala amin'ny rainy sy ny rahalahiny (ireo tso-drano tsara indrindra, ireo famindram-po sy ireo firarian-tsoa anie ho amin'izy ireo).

**FIZARANA FAHATELO :
FAMINTINANA IREO
TANTARA MIKASIKA NY
ANTSON'I HOUSSAYN (AS)**

**FIFANEKENY NIARAKA TAMIN'IREO
VAHOAKA MBA HANAO DJIHAD,
SASANTSASANY AMIN'IREO TANTARA
MIKASIKA NY FITOLOMANY SY NY
NAHAMARITIORA AZY, IZAY
NOTANTARAIN'I AL-KALBI SY I MADAĪNI
ARY IREO Hafa mPAHAY TANTARA. IZY
IREO DIA NITANTARA HOE :**

TOKO VOALOHANY : HOUSSAYN (AS) TAO MADINA

NY NAHAFATESAN'I MO'AWIYAH

Rehefa nodimandry i Hassan b. 'Ali, dia nikomy ireo mpanara-dia (shiita) tao Iraq no sady nanoratra tamin'i Houssayn (as), mba hiangavy aminy hampiato ny fifanekena niarahana tamin'i Mo'awiyah sy hanapaka ilay fanekep-pankatoavana. Nefa dia nandà azy ireo izy, tamin'ny filazana fa teo amin'i Mo'awiyah sy izy, dia nisy fifanekena sy fifanarahana izay tsy nanomezany azy alalana hanapaka izany raha mbola tsy tontosa hatramin'ny farany izy ireo ; fa rehefa maty i Mo'awiyah, vao hieritreritra momba izany izy.

Nony maty i Mo'awiyah tamin'ny fisasahan'ny volana Rajab faha enim-polo taonan'ny Hijra, dia nanoratra tamin'i Walid b. 'Otbah b. Abi Soufyan izay governoran'i Mo'awiyah tao Madina i Yazid. Niangavy azy izy [Yazid] mba hahazo ny fanekep-pankatoavana avy amin'i Houssayn (as) tsy misy hatak'andro. Notanterahin'i Walid izany tamin'ny alina [iny ihany] ka nampanantsoiny i Houssayn (as).

Taorian'ny nahafantarany ny fanirian'i Walid, dia namory vondrona iray mpanara-dia azy i Houssayn (as) sy niangavy azy ireo mba hitondra

ny fitaovam-piadian'izy ireo, avy eo dia nilaza tamin'izy ireo hoe : « Walid dia niantso ahy vao vetivety teo. Matahotra aho sao dia anankinany raharaha izay tsy azoko hotanterahina ampitiavana. Ary noho izy tsy mendrika itokisana, dia aoka ianareo hanaraka ahy. Rehefa miditra [ao an-dapany] aho, dia ianareo no mijanona eo amin'ny fidirana, ary raha maheno ny feoko miakatra ianareo, amin'izay fotoana izay dia midira ao ianareo ka arovinareo aminy aho. »

HOUSSAYN (AS) TAO AMIN'I WALID SY NY FIFANDIRANA NISY TEO AMINY SY I MARWAN

Houssayn (as) nandeha tao amin'i Walid ary nahita an'i Marwan b. Hakam teo anilany. Nambaran'i Walid taminy ny fahafatesan'i Mo'awiyah, izay nahatonga an'i Houssayn (as) niteny hoe : « Marina dia marina fa isika dia an'i Allah, ary any Aminy no mbola hiverenantsika. » Avy eo dia novakiany taminy ilay taratasin'i Yazid, anisan'izany ilay andàlana izay misy ny nandidian'ity farany mba handray ny fanekep-pankatoavan'i Houssayn (as).

Houssayn (as) dia namaly azy hoe : « Tsy hitako akory ianao ho afa-po amin'ny fanekep-pankatoavana ataoko amin'ny mangingina, raha toa ka mbola tsy nanambara izany

ampahibemaso aho mba hahafantaran'ireo vahoaka izany. »

Hoy i Walid taminy hoe : « Eny [marina izany]. »

Niteny i Houssayn (as) hoe : « Miandrasa àry mandra-pahatonga ny maraina hahafahako mieritreritra ny didinao. »

Hoy i Walid hoe : « Amin'ny Anaran'i Allah, 'ndao àry fa miverena eto aminay ianao amin'ny fotoana famoriam-bahoaka. »

Nanandra-peo i Marwan niteny hoe : « Ifantana amin'i Allah, fa raha mandao ity toerana ity amin'izao izy nefa tsy nanao fanekem-pankatoavana akory, dia tsy ahita fotoana tahak'izao intsony ianao raha tsy hoe angaha hisy rà mandriaka eo aminy sy ianao. Sambory izy ary aoka tsy hivoaka eto raha tsy efa nanao ny fanekem-pankatoavana, raha tsy izany dia vonoy izy. »

Tamin'izay fotoana izay, i Houssayn (as) dia nitsamboatra teo amin'ny toerany ka niteny hoe : « Ry zanak'i Zarqa, ianao ve no hamono ahy sa izy!? Ifantàna amin'i Allah, fa milaza fahadisoana ianao no sady manao fahotana. » Avy eo izy dia lasa, nandeha teo afovoan'ireo sakaizany mandra-pahatongavany teny aminy.

FANOMEZAN'I MARWAN TSINY AN'I WALID

Marwan niteny tamin'i Walid hoe : « Ianao tsy nankato ahy. Ifantàna amin'i Allah, fa ianao dia tsy hanana mihitsy fotoana mitovy amin'iny mba hifehezana azy. »

Namaly i Walid hoe : « Loza ho an'ny hafa ankoatra anao, ry Marwan ! Ianao no misolo ahy mandray ny fanapahan-kevitra amin'ny zavatra izay hanimba ny finoako. Ifantàna amin'i Allah, fa laviko ireo harena rehetra eto an-tany raha izany no andraisako andraikitra amin'ny famonoana an'i Houssayn. Allah ô, Ilay Tompon'ny Fahadiovana, moa va izaho tsy maintsy hamono an'i Houssayn noho izy niteny fotsiny hoe : “Izaho tsy hanao fanekem-pankatoavana” ? Ifantàna amin'i Allah, izaho dia mihevitra fa izay olona tompon'andraikitra amin'ny fandatsahan-dràn'i Houssayn dia ho maivan-danja ireo asany eo anatrehan'i Allah amin'ny andro fitsarana. »

Namaly an-katezerana i Marwan hoe : « Raha izany no fihevitrao, dia rariny tokoa ny nataonao. » Nilaza izany taminy izy fa tsy nisy fiderana ny heviny akory.

NY FIALAN'I HOUSSAYN (AS) TAO MADINA

Houssayn (as) dia nijanona tao aminy ny alin'io, ny Zoma alina, telo andro nialohan'ny fahataperan'ny volana Rajab faha-60 taonan'ny Hijra. Walid b. 'Otbah, etsy an-daniny dia nikarakara mba hahazo ny fanekep-pankatoavan'Ibn Zobayr ho fanohanana an'i Yazid nefa noho ny fanoherany, Ibn Zobayr dia nandao an'i Madina tamin'io alina io ihany nankany Lamaka. Ny maraina, i Walid dia nanafaingana ireo miaramila hisambotra azy. Arak'izany, dia miaramila an-tsoavaly miisa 80 no nirahiny hitady azy, notarihin'ny miaramila an-tsoavaly iray avy amin'ny havan'ireo Bani Omayyah. Izy ireo dia nanenjika azy kanefa dia niverina [tao Madina] maina.

Sabotsy tolak'andro, i Walid no nandefa ireo olony nankany amin'i Houssayn b. 'Ali (as) mba handray ny fanekep-pankatoavany ho fanohanana an'i Yazid b. Mo'awiyah.

Hoy i Houssayn tamin'izy ireo hoe :
« Miverena ianareo rahampitso maraina fa hanapa-kevitra ny amin'izany isika. »

Namela azy ampilaminana izy ireo tamin'ny alina fa tsy nanery azy.

Houssayn dia nandao an'i Madina nandritra io alina io, andro Sabotsy hariva, fotoana izay tsy misy afa-tsy roa andro no sisa tavela amin'ny volana Rajab [izany hoe ny faha-29 Rajab]. Nitodi-doha nankany Lameka izy niaraka tamin'ireo ankizy, ireo rahalahiny, ireo zana-drahalahiny sy ny ankamaroan'ireo fianakaviany, afa-tsy i Mohammad b. Hanafiyyah (ra).

NY ANJARA TOERAN'I MOHAMMAD B. HANAFIYYAH

Ity farany, taorian'ny nahafatarany ny fanapahan-kevitry i Houssayn (as) handao an'i Madina na dia tsy hainy aza aiza no halehany, dia hoy izy taminy hoe : « Ry rahalahiko, ianao no olona tena tiako sy tena sitrako. Tsy misy afa-tsy ianao no manan-jo indrindra hahazo ny torohevitro. Aoka ianao tsy hanao fanekem-pankatoavana an'i Yazid b. Mo'awiyah ary mitoera lavitra an'ireo tanàn-dehibe arak'izay azo atao. Avy eo, dia mandefasa ianao hafatra any amin'ireo vahoaka mba hiantso azy ireo hanohana anao. Raha izy ireo no manao fanekem-pankatoavana aminao, dia aoka ianao hidera an'i Allah. Fa raha izy ireo no mivondrona miaraka amin'ny olon-kafa ankoatra anao, dia tsy ataon'i Allah hampihena ny finoanao sy ireo fahaizanao akory izany ary tsy hampisy

fiantraikany na amin'ny lazanao na amin'ny fahamendrehanao izany. Ny atahorako dia sao ianao ho tonga ao amin'ny tanàn-dehibe iray ka ho tojo vahoaka tsy mifanaraka amin'ny hevitrao ianao, ny sasany manohana anao fa ny hafa kosa dia manohitra. Ho raikitr'ady izy ireo ary ianao no ho lasibatr'izy ireo voalohany amin'izany. Vokatr'izany, ny ràn'ilay olona mendrika indrindra amin'ity firenena ity, dia ilay zanaky ny ray sy ny reny mendrika indrindra, no ho raraka fahantany ary ny fianakaviany dia halaimbaraka. »

Namaly i Houssayn (as) hoe : « Aiza àry no tokony halehako, ry rahalahiko ? »

Hoy i Mohammad b. Hanafiyyah hoe : « Mandehana any Lameka. Raha hahazoanao fandriam-pahalemana io toerana io, dia vaomaika tsara. Fa raha miteraka olana ho anao kosa izany, dia mandosira any amin'ireo tany efitra manodidina any na any amin'ny tampon'ireo tendrombohitra, ka mifindrafindrà ianao avy amin'ny toerana iray mankany amin'ny toeran-kafa mandra-pahafantaranao ny fihevitr'ireo vahoaka. Hanana izay hevitrao manokana ihany anefa ianao, fa amin'izay ny fanapahan-kevitrao ho tena marina kokoa sy mahomby amin'ny asa ataonao rehefa hatrika ireo zava-tsarotra ianao. »

Namaly azy i Houssayn (as) hoe : « Ry rahalahiko, ianao dia tena nanome ahy ampitiavana torohevitra mahaso. Antenaiko fa io hevitrao io no marina sy mendrika. »

TOKO FAHAROA : HOUSSAYN (AS) TAO LAMEKA

NY FAHATONGAVAN'NY IMAM HOUSSAYN (AS) TAO LAMEKA

Houssayn (as) dia niainga nitodi-doha ho any Lameka. [Tamin'izy nandao an'i Madina,] dia namaky ilay andinin'ny Kor'any manao hoe : « {Nivoaka tao izy, matahotra sady mijerijery ny manodidina azy. Hoy izy : "Tompo ô, avoty amin'ireo vahoaka mpanao ny tsy rariny aho !" }¹ »

[Teny an-dàlana mankany Lameka,] dia nanaraka hatrany ny lalan-dehibe izy. Iray amin'ny fianakaviany no nanome hevitra azy hoe : « Nahoana ianao no tsy mba miala amin'ny lalan-dehibe, toy ny nataon'Ibn Zobayr, amin'izay ireo mpanenjika dia tsy afaka hahatratra anao ? »

Namaly izy hoe : « Ifantàna amin'i Allah, fa izaho dia tsy hamela izany raha mbola tsy manome ny heviny i Allah arak'izay sitrany. »

Tonga tao Lameka i Houssayn (as) mialohan'ny harivan'ny Zoma [Alakamisy hariva] faha-3 Sha'ban. [Teo ampidirana ny tanàna] izy dia namaky ilay andininy manao

¹ Ny boky masina Kor'any, 28:21

hoe : « {Ary rehefa nandeha nankany Madyan izy, dia niteny hoe : “Mirary ny mba ho tarihin’ny Tompoko amin’ny lâlana mahitsy aho.”}¹ »

Taorian’ny nahatafatoetra azy tao, ireo vahoakan’i Lameka dia tonga mitsidika azy toy izany koa ireo avy any lavitra sy ireo izay tonga hanatanteraka ny ‘omrah.

Ibn Zobayr dia nitoetra teo akaikin’ny Ka’aba, izay hanatanterahany ireo fanompoampivavahany sy ireo fihodikodinana eo aminy (tawaf). Izy dia anisan’ireo izay nitsidika an’i Houssayn (as). Indraindray, izy dia mankany aminy mandritra ny roa andro mifanarakaraka ary indraindray, dia indray mandeha isaky ny roa andro. Ny fisian’i Houssayn (as) tao Lameka dia nanahirana an’Ibn Zobayr satria fantany fa ny vahoakan’i Hijaz dia tsy hanao fanekep-pankatoavana azy, raha mbola eo amin’izy ireo i Houssayn (as). Izany moa dia noho i Houssayn (as) izay mendrika ny hankatoavin’ny vahoaka kokoa noho izy [Ibn Zobayr].

¹ Ny boky masina Kor’any, 28:22

IREO TARATASIN'IREO MPONINA TAO KOUFA

Ireo mponina tao Koufa rehefa nahare ny vaovao mikasika ny fahafatesan'i Mo'awiyyah, dia natahotra an'i Yazid. Naheno ihany koa izy ireo ny vaovao mikasika an'i Houssayn (as), ny fandavany tsy hanao fanekem-pankatoavana, ny toerana misy an'Ibn Zobayr eo anatrehan'izany zava-misy izany ary ny fandehanan'izy ireo nankany Lameka.

Tao Koufa, ireo shiita dia niangona tao an-tranon'i Solayman b. Sorad. Tao izy ireo no miresaka momba ny fahafatesan'i Mo'awiyyah, sy midera an'i Allah noho izany vaovao izany nialohan'ny nandraisan'i Solayman fitenenana nilaza hoe : « Mo'awiyah dia tena maty tokoa ary i Houssayn (as) dia mandà ny hanao fanekem-pankatoavana ka lasa nankany Lameka. Ianareo no mpanara-diany sy mpanara-dian'ny rainy. Raha matoky ianareo amin'ny fahafahana hiaro azy sy hiady amin'ireo fahavalony, dia aoka ianareo hampahafantatra izany aminy. Nefa kosa, raha miahiahy ianareo na matahotra ny faharesena, dia aoka ianareo mba tsy hamitaka azy fa sao hampidi-doza amin'ny ainy. »

Namaly izy ireo hoe : « Tsia ! Izahay dia hiady tsy ampisalasalana ireo fahavalony ary hataonay sorona ho azy ny fiainanay. »

Tamin'izay, izy ireo dia nanoratra taratasy toy izao :

« (Amin'ny anaran'i Allah, Ilay Be Fiantrana, Ilay be Indrafo).

Ho an'i Houssayn b. 'Ali avy tamin'i Solayman b. Sorad, i Moussayyab b. Najabah, i Rifa'ah b. Shaddad, i Habib b. Mozahir sy ireo mpino mpanara-diany ary ireo silamon'i Koufa.

Fiadanana anie ho anao. Izahay dia manao ny fiderana an'i Allah eo akaikinao, fa ankoatr'Azy dia tsy misy Andriamanitra hafa. Dera ho an'i Allah izay namotika ny fahavalonao, ilay mpanageja mafy loha izay nanjakazaka teo amin'ny vahoaka, izay nandray an-keriny ny fahefany, izay naka tsy an-drariny ireo harena nobaboiny sy nandray ny fitondrana tsy tamimpaneken'ireo vahoaka akory. Avy eo, izy dia namono ireo tsara fa niaro ny ratsy. Izy dia nanaparitaka ireo harenan'i Allah tamin'ireo mpanjakazaka sy ireo mpanan-karena. Ny ozona anie ho aminy sahala amin'ny nanjo ny vahoakan'i Thamoud !

Izahay dia tsy manana Imam na iray aza. Noho izany, dia tongava ianao, angamba amin'ny alalanao, no hampivondronan'i Allah anay eo ambany fanevan'ny fahamarinana. Izahay dia tsy hanaraka an'i No'man b. Bashir

[mitoetra ao amin'ny lapan'ny governora] eo amin'ny fanompoam-pivavahana amin'ny andro Zoma sy amin'ireo Aïd. Vantany vao fantatray fa ianao dia manaiky ny ho avy aty aminay, dia horoahinay mankany Syria izy, raha sitrak'i Allah. »

Avy eo izy ireo dia nampitondra io taratasy io an'i 'Abdallah b. Misma'a al-Hamdani sy i 'Abdallah b. Wal. Izy ireo dia niangavy azy ireto mba handeha haingana. Arak'izany, ireto roalahy ireto dia nanafaingana ny dia mandrapahatongavan'izy ireo teo amin'i Houssayn (as) tao Lameka, ny faha-10 Ramadhan.

Roa andro taty aoriana, ireo vahoakan'i Koufa dia naniraka ho any amin'i Houssayn (as) an'i Qays b. Mouss-hir al-Saydawi sy i 'Abd al-Rahman b. 'Abdallah al-Arhabi ary i 'Omarah b. 'Abd al-Salouli. Izy ireo dia nitondra taratasy miisa 150 eo ho eo, ny tsirairay amin'izany dia nosoratan'ny olona iray na vondron'olona roa na olona efatra.

Roa andro taorian'izany, izy ireo dia nampitondra ho azy [Houssayn] taratasy iray hafa an'i Hani b. Hani al-Sabi'i sy Sa'id b. 'Abdallah al-Hanafi izay misoratra toy izao :

« (Amin'ny anaran'i Allah, Ilay Be Fiantrana, Ilay be Indrafo).

Ho an'i Houssayn b. 'Ali avy tamin'ireo mpanara-diany amin'ireo mpino sy silamo. Tongava haingana ianao hiaraka aminay, ireo vahoaka dia miandry anao sady tsy vonona handray olon-kafa ankoatra anao. Haingana ianao ! Haingana ianao ! Ny fiadanana anie ho aminao. »

Shabath b. Rib'i, i Hajjar b. Abjar, i Yazid b. al-Harith b. Rowaym, i 'Orwah b. Qays, i 'Amr b. Hajjaj al-Zobaydi sy i Mohammad b. 'Amr al-Taymi dia nanoratra toy izao :

« Ireo zaridaina dia maitso ary ireo voankazo dia mihamasaka. Raha tianao izany, dia avia hiaraka amin'ny tafika vonona sy tsara fiomanana. Ny fiadanana anie ho aminao. »

NY VALINTENIN'NY IMAM HOUSSAYN (AS) TAMIN'IREO VAHOAKAN'I KOUFA

Ireo iraka ireo dia tafahaona avokoa teo akaikin'i Houssayn (as) izay namaky ireo taratasy sy nanontany azy ireo mikasika ny toetra [sy ny fipetrak'] ireo vahoaka. Avy eo, izy namaly tamin'ny alalan'i Hani b. Hani sy i Sa'id b. 'Abdallah, izay farany tamin'ireo iraka [tonga] toy izao :

« (Amin'ny anaran'i Allah, Ilay Be Fiantrana, Ilay be Indrafo).

Avy amin'i Houssayn b. 'Ali ho an'ireo loholona amin'ireo mpino sy ireo silamo.

Hani sy i Sa'id dia nitondra ho ahy tokoa ireo taratasinareo ary izy ireo no iraka roa farany avy taminareo tonga tamiko. Azoko avokoa izay rehetra nosoratanareo sy nolazainareo. Ny ankamaroan'ireo taratasy dia milaza manokana hoe : "Tsy misy Imam eo aminay, avia ianao, amin'izay noho ny fisiana, i Allah dia hampivondrona anay ao anatin'ny fahitsiana sy ny fahamarinana."

Alefako ho anareo ny rahalahiko sady zanaky ny rahalahin-draiko (i Mouslim b. 'Aqil), izay olona ananako fahatokisana amin'ireo havako akaiky.

Raha izy no mampilaza amiko fa ireo loholona eo aminareo sy ireo tsara fanahy ary ireo manampahalalana no miombon-kevitra araka ny voalazan'ireo iraka nalefanareo ireo sy arak'izay novakian'ny tenako mihitsy tao amin'ireo taratasinareo ireo, dia ho avy aty aminareo haingana aho, raha sitrak'i Allah. Mianiana aho fa ny Imam dia izay afaka mitondra arak'ilay Boky [Kor'any], manao ny ara-drariny, mitory ny finoana marina sy mahafoy ny tenany ho an'i Allah. Ny fiadanana anie ho aminareo ! »

NY FANDEHANAN'I MOUSLIM B. 'AQIL NANKANY KOUFA

Houssayn b. 'Ali (as) dia niantso an'i Mouslim b. 'Aqil b. Abi Talib (ra) ka nandefa azy niaraka tamin'i Qays b. Mouss-hir al-Saydawi sy i 'Omarah b. 'Abd al-Salouli ary i 'Abd al-Rahman b. 'Abdallah al-Arhabi [ho any amin'ireo vahoakan'i Koufa] niaraka tamin'ireo torohevitra mba hanana fitiavam-bavaka, mba hitandrina sy ho mailo ary mba handray ireo vahoaka am-pahendrena sy am-pitiavana. Nanafatra an'ilay irany izy mba hilaza vaovao avy hatrany aorian'ny fahatsapana fa ireo vahoaka dia miray hina tokoa [amin'ny teny nolazain'izy ireo sy ny fanohanana azy].

Niainga i Mouslim ka tonga tao Madina, izay nanaovany fanompoam-pivavahana tao amin'ny Mosken'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) no sady nanaovany veloma tamin'ireo havany malalany akaiky avy amin'ny fianakaviany. Avy eo, naka mpitari-dàlana anankiroa avy amin'ireo fokon'i Qays ary dia niainga izy ireo. Ireo mpitari-dàlana roa ireo anefa dia tafavily amin'ny làlana tsy tokony hizorana ka dia very làlana. Tratan'ny hetaheta mafy avokoa izy roa. Tsy afaka nanohy ny dia intsony ireo mpitari-dàlana anankiroa, ka

nanambara tamin'i Mouslim ny fomba hahitana ny lalana tokony hizarana. Inty farany moa dia nanohy ny dia araka ireo toromarika nambara taminy raha toa kosa ka maty noho ny hetaheta ireo mpitari-dàlana anankiroa ireo.

NY TARATASIN'I MOUSLIM HO AN'NY IMAM (AS) MIKASIKA NY LALANA NIZORANY HATRAMIN'NY NIAINGANY

Mouslim b. 'Aqil (ra) dia nanoratra sy nampitondra taratasy iray ho an'i Houssayn (as) an'i Qays b. Mouss-hir nanomboka teo amin'ny toerana antsoina hoe Madhiq :

« Izaho dia nandao an'i Madina niaraka tamin'ireo mpitari-dàlana anankiroa kanefa izy ireo dia diso lalana nizarana koa dia very lalana. Izahay dia niharan'ny hetaheta ka izany no nahafaty an'ireo mpitari-dàlana anankiroa ireo. Nanohy ny dianay izahay mandra-pahitanay toerana misy rano. Avotra tamin'ilay fahafatesana izay efa nanangasanga izahay. Ity toerana misy rano ity dia antsoina hoe Madhiq ao amin'ny lohasahan'i Khabt. Noraisiko ho fambara ratsy izany. Raha voadinikao tsara izany, dia azonao atao ny manaisotra amiko ity fanirahana ity sy mandefa olon-kafa hisolo ahy. Ny fiadanana anie ho aminao ! »

NY VALINTENIN'NY IMAM (AS) TAMIN'I MOUSLIM B. 'AQIL

Houssayn b.'Ali (as) dia namaly azy nanao hoe :

« Manahy aho sao dia ny faniriana mangataka amiko ny hamotsorako anao amin'ity fanirahana, izay efa nanendreko anao ity, dia noho ny antony tsy fahampian'ny herim-po fotsiny. Tohizo ilay iraka izay nankiniko taminao. Ny fiadanana anie ho amina ! »

Rehefa avy namaky ilay taratasy i Mouslim dia niteny nanao hoe : « Tsy mba ny aiko akory no atahorako. » Lasa nanohy ny fandehanany izy mandra-pahatongavany teo amin'ny loharanon'ireo fokon'i Taïy izay toerana nialany sasatra. Avy eo, izy dia nanohy ny lalany ary tamin'izay, no nahitany lehilahy iray mihaza sy mamono osivavy dia iray, ka hoy i Mouslim hoe : « Izahay dia hamono ireo fahavalonay [tahak'izao], raha sitrak'i Allah. »

TOKO FAHATELO : MOUSLIM B. 'AQIL TAO KOUFA

MOUSLIM B. 'AQIL TONGA TAO KOUFA

Nanohy ny diany i Mouslim mandrapahatongavany tao Koufa. Nivantana tao an-tranon'i Moukhtar b. Abi 'Obayd [al-Thaqafi] izy, izay lasa fananan'i Salm b. Mossayab amin'izao andro iainantsika izao. Ireo shiita dia tonga hatrany mitsidika an'i Mouslim ary isaky ny misy vondrona iray amin'izy ireo tafavory eo aminy, dia ampamakiany azy ireo ilay taratasy avy amin'i Houssayn b. 'Ali (as), izay nahatonga azy ireo latsa-dranomaso.

Ireo vahoaka dia nanao fanekem-pankatoavana taminy ka nahatratra valo arivo sy iray alina olona no nanao izany. Arak'izany i Mouslim dia nanoratra ho an'i Houssayn (as), nanambara taminy ny fanaovan'ireo olona miisa valo arivo sy iray alina fanekem-pankatoavana sady niangavy azy mba ho tonga [ao Koufa].

Ireo shiita dia nanohy hatrany ny fitsidihana an'i Mouslim b. 'Aqil (ra) ka nahatonga ny toerana nisy azy ho fantatry ny rehetra. Izany vaovao izany dia tonga tany amin'i No'man b. Bashir izay governoran'i Koufa, notendren'i Mo'awiyah sy natokisan'i Yazid.

NY HAFATR'I NO'MAN B. BASHIR

[Teo ampandrenesana izany,] i No'man dia niakatra teo amin'ny polpitra ary rehefa avy nidera sy nanome voninahitra an'i Allah izy, dia nilaza hoe : « Ry mpanompon'i Allah, aoka mba hanam-pinoana. Aza haingana mamorona korontana sy fifanoherana fa izany no fototry ny fahapotehan'ireo olona, ny rà mandriaka sy fandrobam-pananana. Mazava ho azy fa izaho dia tsy mba hiady amin'izay tsy miady amiko, tsy hanafika izay tsy manafika ahy, izaho dia tsy hihantsy na hiahiahy anareo. Izaho dia tsy hanameloka momba ny fanendrikendrehana sy ny fiahiahiana na ireo fiampangana diso. Nefa kosa raha maneho ny tena endrikareo amiko ianareo, raha ianareo no mandà ny fanaovana fenekem-pankatoavana sy manohitra an'ny imam [Yazid], ianiavana amin'i Allah - izay ankoatr'Azy dia tsy misy Andriamanitra hafa - dia ho kapohiko amin'ny sabatro ianareo mandra-pialan'ilay tahon-tsabatra eny antanako, eny fa na dia tsy hisy olona hanampy ahy aza. Manantena aho fa izay mandala ny fahamarinana no maro eo aminareo fa tsy ireo izay mirona mankany amin'ny fahadisoana. »

'Abdallah b. Mouslim b. Rabi'ah al-Hadhrami, izay mpiandany amin'ireo Bani Omayyah, no nitsangana ary niteny hoe : « Ity olana ity dia tsy

voavaha raha tsy amin'ny alalan'ny herisetra sy ny famoretana. Io toriteny izay nambaranao io mba hamahàna izany olana izay misy eo aminao sy ireo fahavalonao izany dia toritenin'olona malemy. »

Namaly i No'man b. Bashir hoe : « Aleoko heverina fa malemy ao anatin'ny fankatoavana an'i Allah toy izay heverina fa matanjaka ao anatin'ny fanoherana Azy. » Nidina teo amin'ny polpitra izy avy eo.

YAZID NAMPITANDRINA NY TOE-DRAHARAH NISY TAO KOUFA

'Abdallah b. Mouslim dia niala teo amin'ny fivoriana ka lasa nanoratra taratasy ho an'i Yazid b. Mo'awiyah toy izao :

« Mouslim b. 'Aqil dia tonga tao Koufa ary ireo shiita dia nanao fanekem-pankatoavana azy ho an'i Houssayn b. 'Ali. Raha ianao te hanohy ny fifehezana an'i Koufa, dia maniraha olona matanjaka ianao ho any mba hanatanteraka ireo baikonao sy hanao toy ny ataonao manoloana ny fahavalonao. Ny zava-misy manko dia olona malemy i No'man b. Bashir na mody miseho ho malemy. »

Avy eo, i 'Omarah b. 'Oqbah dia nanoratra zavatra tahak'izany, narahin'i 'Omar b. Sa'd b. Abi Waqqas.

NY DIA LAVITR'I 'OBAYDOLLAH B. ZIYAD AVY TAO BASSORAH NANKANY KOUFA

Rehefa nahavoaray taratasy maro i Yazid, dia nampanantsoiny i Sarjoun, ilay mpanaramason'ny sakafon'i Mo'awiyah, ka nanontaniany nanao hoe : « Ahoana ireo hevitrao ? Houssayn mizotra manakany Koufa amin'ny fotoana ahazoan'i Mouslim b. 'Aqil fanekempankatoavana ho azy. Nisy nitantara tamiko fa i No'man b. Bashir dia malemy sy manao toriteny tsy mahomby. Ahoana no mba hevitrao ? Iza no afaka hotendreko ho governoran'i Koufa ? »

Tao anatin'ny fankahalan'i Yazid an'i 'Obaydollah b. Ziyad, no nitenenan'i Sarjoun hoe : « Raha mitsangana amin'ny maty i Mo'awiyah, dia ho raisinao ve ireo toroheviny ? » Namaly izany am-panekena izy.

Nasehon'i Sarjoun azy ilay taratasy [avy tamin'i Mo'awiyah] mikasika ny fanendrena an'i 'Obaydollah b. Ziyad ho governoran'i Koufa, avy eo izy dia niteny hoe : « Indro ny hevitr'i Mo'awiyah, izy dia maty nefa niangavy mba hampiharana an'ity taratasy ity. Izy dia nanambatra ireo tanàna anankiroa mba ho eo ambany fifehezan'i 'Obaydollah b. Ziyad. »

Namaly i Yazid hoe : « Tanteraho izany. Alefaso ilay taratasy any amin'i 'Obaydollah b. Ziyad. »

Avy eo dia nampanantsoiny i Mouslim b. 'Amr al-Bahili ka nirahiny [nankany Bassorah] ho any amin'i 'Obaydollah b. Ziyad miaraka amin'ilay taratasim-panendrena ary nanoratra ho azy toy izao : « Ireo mpiandany amiko, vahoakan'i Koufa, dia nanoratra tamiko, tamin'ny fanambarana ho ahy fa Ibn 'Aqil dia mamory [manodidina azy] ireo olona mba handrava ny firaisankinan'ireo silamo. Mankanesa any Koufa ianao raha vao maharay ny taratasiko ary karohy Ibn 'Aqil toy ny fikarohanao ny vatosoa, mandra-pahitanao azy. Avy eo dia fatory izy, vonoy na roahy izy. Fiadanana anie ho anao ! »

Nomeny an'i Mouslim b. 'Amr ilay taratasim-panendrena ho governoran'i Koufa, izay ho hateriny any amin'i 'Obaydollah any Bassorah. Inty farany moa dia nanentana [ireo olony] amin'ny fiomanana mba hiainga ho any Koufa ny rahampitson'iny.

IBN ZIYAD NIDITRA TAO KOUFA

Ary dia nandao an'i Bassorah izy taorian'ny nanendreny an'i Othman rahalahiny hisolo ny toerany, ary nankany Koufa izy niaraka tamin'i

Mouslim b. 'Amr al-Bahili, i Sharik b. A'war al-Harithi, ary ireo olona nanodidina azy sy ireo fianakaviany. Nony niditra an'i Koufa Ibn Ziyad, dia nitafy fehiloa mainty sady nosaromany ny tarehiny. Ireo vahoaka izay naheno ny vaovao amin'ny hahatongavan'i Houssayn (as) ao Koufa dia niandry an'inty farany ary nihevitra azy ho izy tokoa tamin'ny nahatongavan'i 'Obaydollah. Rehefa ity farany nandalo teo anatrehan'ireo vahoaka, dia hoy izy ireo niarahaba azy nanao hoe : « Tongasoa ianao, ry zanak'ilay Irak'i Allah ! Ny fahatongavanao dia fahasoavana ! »

Nanahirana an'i 'Obaydollah ny fifaliana nasehon'ireo vahoaka taminy, noho ny fiheveran'izy ireo azy ho i Houssayn (as). Teo ampahitana ireo vahoaka vao mainka nitangorona i Mouslim b. 'Amr al-Bahili dia nanambara nanao hoe : « Mihemora ! Fa izy no governora, 'Obaydollah b. Ziyad. »

Nanohy ny lalany izy mandra-pahatongavany teo amin'ilay lapa tamin'ny takariva. Nanodidina azy [i 'Obaydollah], dia nahitana andian'olona izay tsy isalasalana fa olon-kafa ankoatr'i Houssayn (as), no niaraka taminy. Tamin'izay indrindra no nahidin'i No'man b. Bashir ireo varavaran'ny lapa, mba hisakanana azy sy ireo namany hiditra ao. Ireo sasany izay niara-dia tamin'i 'Obaydollah dia niangavy azy mba

hanokatra ireo varavarana. No'man, izay nihevitra azy ho i Houssayn (as), dia niseho taminy ary niteny nanao hoe : « Ianianana amin'i Allah, miangavy anao aho mba hiala amin'ity faritra ity. Mianiana amin'i Allah aho fa tsy hanome anao izao andraikitra izay nankinina tamiko izao. Izaho koa dia tsy te hiady aminao. »

'Obaydollah dia tsy nilaza na inona na inona, teo am-panatonana hatrany, fa i No'man kosa dia mitazana azy avy eo ambony lavarangana. 'Obaydollah niteny [amim-pahamalinana] taminy nanao hoe : « Sokafo ny varavarana. Aoka anie i Allah tsy hanokatra ho anao ireo varavaram-pahasoavana. Lava loatra manko ny alina. »

Lehilahy iray izay taoriany [i 'Obaydollah], dia naheno azy nialohan'ny nihemorany nankany amin'ireo nanaraka azy avy amin'ireo vahoakan'i Koufa izay nihevitra fa i Houssayn (as) izao tonga izao. Avy eo izy dia nilaza tamin'izy ireo hoe : « Ry vahoaka, ianianana amin'Ilay tsy misy Andriamanitra hafa ankoatra Azy, fa ilay tonga io dia ny zanak'i Marjanah. »

Avy eo, nosokafan'i No'man ho azy ireo varavaran'ny lapa, niditra tao i 'Obaydollah, nialohan'ny nanidiany izany indray fa tsy nahatsikaritra akory ny niparitahan'ireo vahoaka.

TORITENY NATAON'IBN ZIYAD TEO AM-PAHATONGAVANY TAO KOUFA

Nony maraina, dia natao ny antso ho an'ny vavaka iombonana. Vory ireo vahoaka ary izy [i 'Obaydollah b. Ziyad] dia tonga niseho teo anatrehan'izy ireo ka nanomboka nanao fiderana sy nanome voninahitra an'i Allah, avy eo dia niteny hoe :

« Ilay Lehiben'ireo mpino dia nanankina tamiko ny tanànaireo, [ny fiarovana] ny sisin-tany sy ny volam-panjakana. Nomeny andraikitra aho mba hampihatra ny rariny ho an'ireo voageja sy hanome ho an'ireo mahantra, ho tsara fanahy amin'ireo mpankato sy ireo mpanara-dalàna. Izaho dia ho tahaka ny ray tsara fanahy sy be fitiavana amin'ireo olon-tsara sy mpankato, fa kosa hanatsoaka ny karavasiko sy ny sabatro ho an'ireo izay tsy manaraka ireo didiko sy izay manohitra ny fahefako. Koa aoka ny tsirairay mba samy hitandrin-tena ! Ny fahamarinana no hiaro [ny fiainanareo] fa tsy ny fiarovan-tena. »

Nidina [teo amin'ny polpitra] izy ary nitazona an'ireo 'arif sy ireo vahoaka tamin'ny fihetsika maherihery ka niteny hoe : « Sorato ho ahy ireo olona vao tonga, ireo izay voatarik'ilay Lehiben'ireo mpino, ireo izay mpanaraka an'ireo Harouriyah sy ireo mpitarika ny fihetsika izay miteraka ny tsy fifanarahana sy fikorontanana.

Na iza na iza miverina miaraka aminay dia hafahana madiodio amin'izay rehetra efa nataony. Fa ireo izay tsy hanoratra dia tsy maintsy manome antoka ho anay manoloana ny 'arif eo amin'izy ireo fa tsy hisy amin'izy ireo ny hanohitra na hikomy aminay. Na iza na iza mandà hanao izany, dia ho very ny zony amin'ny fiarovana ny ainy sy ireo fananany [sady tsy hisy dikany eo imasonay]. Ny 'arif rehetra izay manao tsirambina amin'ny fiampangana ny mpanohitra an'ilay Lehiben'ireo mpino, izay eo ambany fiahiany, dia hohomboana eo amin'ny varavaran'ny tranony. Hofoanako ireo volampanjakana nomena manokana ho an'izany 'arif izany. »

MOUSLIM B. 'AQIL NIALA TAO AN-TRANON'I MOKHTAR KA NIFINDRA TAO AMIN'I HANI

Rehefa nahavoaray vaovao i Mouslim b. 'Aqil mikasika ny fahatongavan'i 'Obaydollah, ny toriteny izay nolazainy sy ny fitaomana mampihorohoro nataony tamin'ireo 'arif sy ireo vahoaka, dia niala tao an-tranon'i Mokhtar izy ka nifindra tao amin'i Hani b. 'Orwah. Nitoetra tao izy nialohan'ny nifaneraseran'ireo shiita taminy amim-pahamalinana tao an-tranon'i Hani. Izy ireo dia niafina an'i 'Obaydollah sy mifamporisika mba samy ho malina.

MA'QIL, ILAY SYRIANA, MITSIKILO AN'I MOUSLIM

Ibn Ziyad nampiantso an'i Ma'qil mpanompony ary nilaza taminy nanao hoe : « Mandraisa telo arivo dirhams ka mandehana tadiavo i Moslim b. 'Aqil sy ireo namany. Rehefa mahita ny iray amin'izy ireo na vondron'izy ireo ianao dia omeo azy ireo ity telo arivo dirhams ity ka milazà amin'izy ireo hoe : "[Ity vola] ity dia hanampy anareo amin'ny tolona hanoheranareo ny fahavalonareo." Ampahafantaro azy ireo fa ianao dia miaraka amin'izy ireo. Noho ny fanomezanao ho azy ireo ilay vola, dia hanana fo madio sy hatoky anao izy ireo, ka tsy hanafina aminao ireo zavatra mikasika azy ireo. Ny maraina ianao no mandeha mihaona amin'izy ireo. Aza miverina ianao raha tsy efa mahafantatra ny toeram-pialofan'i Mouslim b. 'Aqil sy avy nihaona taminy ! »

Notanterahin'i Ma'qil ireo baiko ireo. Lasa izy nanatona an'i Mouslim b. 'Awsajah al-Assadi izay nivavaka tao amin'ilay Moske lehibe. Izy [i Ma'qil] dia nahare avy tamin'ny filazan'ireo olona fa io lehilahy io dia nanao fanekep-pankatoavana ho an'i Houssayn (as).

Nanakaiky azy izy, nipetraka, niandry ny fahavitan'ny fivavahany, avy eo hoy izy taminy : « Ry mpanompon'i Allah, izaho dia andevo avy

any Syria. Allah dia nanome ahy fitiavana an'ity fianakavian'[ny Mpaminany] ity sy ny fitiavana an'izay mitia azy ireo. »

Mody nitomany izy, avy eo nanohy ny teniny hoe : « Ity misy telo arivo dirhams tiako homena ny olona ao amin'ity fianakaviana ity izay nisy nilaza tamiko fa tonga eto Koufa izy mba handray ireo fanekem-pankatoavana ho an'ilay zanaky ny Irak'i Allah. Te hihaona aminy aho nefa tsy mahita olona mba afaka hitarika ahy mankany aminy. Tsy fantatro rahateo koa moa ny toerana izay misy azy. Tamin'ny fipetrahako tao amin'ny Moske, no nandrenesako avy tamin'ny vondron'olona mpino iray nilaza fa io lehilahy io dia mahalala ny fianakavian'[ny Mpaminany]. Izany no nanatonako anao mba hanome anao ity vola ity sy hikarakara ahy mba hihaona amin'ny lehibenao. Hevero ho tahak'ireo rahalahinao aho sy olona hatokisana. Raha tianao, dia afaka manao fanekem-pankatoavana azy aho mialohan'ny hihaonana aminy. »

Namaly i Mouslim b. 'Awsajah (ra) hoe : « Isaorako i Allah nampihaona antsika ; mahafaly ahy ny mahalala fa ianao dia afaka hahazo izay irinao. Allah dia hanampy ny fianakavian'ilay Mpaminany [sas] amin'ny alalanao. Na izany aza anefa, ny fananan'ireo olona fahalalana mikasika ahy momba ity raharaha ity mialohan'ny

hitrangany, dia mampatahotra ahy noho ny fisian'ity mpanageja ity sy ny hasiahany. »

Niteny taminy i Ma'qil hoe : « Hizotra tsara ny zava-drehetra. Raiso fotsiny ny fanekep-pankatoavako. »

Nanao ny fanekep-pankatoavana izy nialohan'ny niainga sy nanamafy ny teny napetrany izay noprofoiny tamin'ny alalan'ny fahatsorany sy ny fahamalinany. Nanome ireo antoka rehetra ho azy izy sady nanao ireo fampanantenana rehetra tsy maintsy ilaina ho fandresen-dahatra azy.

Hoy i Mouslim b. 'Awsajah taminy hoe : « Mipetraha any amiko mandritra ny andro vitsivitsy ianao, dia hahazo fahazoan-dàlana ho anao aho mba hihaona amin'ny lehibenao. »

Nahazoany alalana izy [mba hihaona amin'i Mouslim b. 'Aqil] ary dia nanomboka nitsidika azy izy niaraka tamin'ireo olona [hafa]. Noraisin'i Mouslim b. 'Aqil (ra) ny fanekep-pankatoavany ary niangaviany i Abou Thamamah al-Saïdi mba handray ilay vola izay nentiny [nentin'i Ma'qil]. Abou Thamamah dia tompo'andraikitra amin'ny fanangonana vola, amin'ny fanampiana ireo namana samihafa sy mividy ireo fitaovampiadiana ho azy ireo. Izy dia feno fahalalana, iray amin'ireo miaramila mpitaingin-tsoavaly

matanjaka teo amin'ireo arabo ary olona iray anisan'ireo shiita.

[Nanomboka tamin'io fotoana io,] ity lehilahy [Ma'qil] ity dia tonga tsy tapaka mitsidika azy ireo. Izy no olona tonga voalohany sy miala farany. Mazava aminy tsara ny zava-drehetra tian'Ibn Ziyad ho fantatra mikasika azy ireo ka ampitainy tsikelikely any aminy ireo vaovao rehetra.

Hani b. 'Orwah dia natahotra ny ainy amin'i 'Obaydollah b. Ziyad. Nanapa-kevitra ny tsy ho tonga izy tamin'ny fivoriana nataony ary dia mody nanao ho marary.

IBN ZIYAD NANONTANY MOMBA AN'I HANI

Ibn Ziyad nanontany ny nanodidina azy hoe :
« Nahoana i Hani no tsy tonga nijery anay ? »

Nisy namaly azy hoe : « Marary izy. »

Hoy izy : « Raha nahafantatra izany aho dia mba namangy azy. »

Avy eo izy niantso an'i Mohammad b. Ash'ath [b. Qays al-Kindi], i Asma b. Kharijah, i 'Amr b. Hajjaj al-Zobaydi. [Tsara ho fantatra fa] i Rowayha, zanakavavin'i 'Amr [b. Hajjaj], dia nanambady an'i Hani b. 'Orwah ary izy no renin'i Yahya b. Hani.

Nanontany azy ireo i 'Obaydollah hoe :
« Inona no nanakana an'i Hani b. 'Orwah mba
hijery anay ? »

Namaly izy ireo hoe : « Tsy fantatray. Misy
milaza fa marary hono izy. »

Hoy izy : « Misy milaza amiko fa efa sitrana
izy ary nipetraka teo atokonam-baravaran'ny
tranony. Mandehana ianareo mamangy azy ka
lazao aminy fa tsy maintsy manatontosa ny
adidiny [eo anatrehanay] izy satria tsy tiako raha
ny fifandraisako amin'ireo arabo fanta-daza
tahak'azy, no simba. »

HANI NAMPANANTSOINA HO ANY AMIN'IBN ZIYAD

Lasa izy ireo nihaona tamin'i Hani tamin'ny
takariva ary tamin'izay fotoana izay izy dia
nipetraka teo atokonam-baravaran'ny tranony,
no tonga izy ireo nanontany azy nanao hoe :
« Inona no nanakana anao mba hitsidika ny
governora ? Niresaka momba anao izy ka nilaza
hoe : “Raha fantatro fa narary izy, dia mba
novangiako.” »

Niteny i Hani hoe : « Ny fahoriana no
nanakana ahy. »

Hoy izy ireo hoe : « Nisy nitantara taminy fa
isaky ny hariva ianao dia mipetraka eo

atokonam-baravaran'ny tranonao, arak'izany ny fahitany anao dia tsy miraharaha. [Fantaro fa] ireo mpanjaka dia tsy mandefitra ny fahalaindainana sy ny tsy fihontsinana [eo anatrehan'izy ireo]. Noho izany dia miangavy anao izahay mba handeha hiaraka aminay. »

Naniraka olona izy mba haka ireo lambany, ary dia nitafy izy. Avy eo niangaviany mbaentina eo aminy ny ramolevaviny ka izany no notaingenany mandra-pahatongavany teo akaiky ny lapa, izay nahatsapany fa hisy zavatra hitranga.

Nanontany an'i Hassaane b. Asma b. Kharijah izy hoe : « Ry zana-drahalahiko, ifantàna amin'i Allah fa, izaho dia matahotra an'io olona io ! Koa ahoana ny hevitrao amin'izany ? »

Namaly i Hassaane hoe : « Ry rahalahindraiko, ifantàna amin'i Allah fa, tsy misy na inona na inona atahorako ny momba anao ! Tsy nisy zavatra nataonao ka hahatonga anao hanana fahatahorana ! » kanefa izy dia tsy nahalala akory ny antony nampanantsoin'i 'Obaydollah an'i Hani.

HANI TAO AMIN'IBN ZIYAD

Hani, niaraka tamin'ireto andian'olona ireto, dia tonga tao an-dapa ary niditra tao amin'Ibn

Ziyad. Ity farany dia nampitràka ny lohany sady niteny hoe : « Ireo tongony ihany no hitondra azy any amin'ny fahafatesana ! »

Hani raha nanatona an'Ibn Ziyad, izay nipetraka teo anilany ilay mpitsara Shorayh, Ibn Ziyad dia nitodika tany aminy [tamin'i Hani] sy namaky ireto andalana tononkalo manaraka ireto :

« Izaho dia maniry ny hamalisoa azy na dia te hamono ahy aza izy.

Iza no hamela ny helokao ho an'ny namananao avy amin'ny fokon'ireo Morad ? »

Tamin'ny voalohany [nahatongavany tao Koufa], Ibn Ziyad dia nanaja sy nitia azy.

Hoy i Hani taminy hoe : « Amin'inona no anaovanao fanoharana, ry governora ? »

Namaly Ibn Ziyad hoe : « Eny, ry Hani b. 'Orwah ! Inona daholo ireto teti-dratsy izay entinao hanoherana an-kafetsena ny governora sy ny ankamaroan'ireo silamo ireto nanomboka tao an-tranonao ?! Ianao no nitondra an'i Mouslim b. 'Aqil ary mbola ianao no nanome fialofana azy tao an-tranonao. Ianao dia nanangona fitaovam-piadiana sy vatan-dehilahy ho azy nanomboka tamin'ireo trano nanodidina.

Mihevitra ve ianao fa ireny rehetra ireny dia hiafina eo amiko ? »

Hoy i Hani hoe : « Tsy mba nanao izany akory aho ary i Mouslim dia tsy ao amiko. »

Hoy Ibn Ziyad : « Marina fa nanao izany ianao ! »

Rehefa nihamafy ny disadisa teo amin'izy roa ary hitany fa mitady ny handà sy hampandainga azy hatrany i Hani, dia nantsoin'Ibn Ziyad i Ma'qil, ilay mpitsikilo, izay tonga niseho teo anatrehany.

Nanontany azy Ibn Ziyad hoe : « Fantatrao va ity lehilahy ity ? »

Namaly izany tamin'ny fanekena izy.

Avy hatrany dia tsapan'i Hani fa i Ma'qil dia olona nirahina mba hitsikilo azy ireo ary izy no nitantara taminy [tamin'i 'Obaydollah] ireo vaovao mikasika azy ireo. Nahasosotra azy vetivety izany, fa niverina tamin'ny tenany ihany izy ka niteny hoe : « Henoy moa aho ary mba minoa re ny teniko. Ifantàna amin'i Allah fa izaho dia tsy handainga aminao. Ifantàna amin'i Allah fa tsy nampandroso azy tao an-tranoko aho sady tsy nahalala akory ny iraka ho tanterahiny hatramin'izy nangataka fampiatranoana tamiko, izay nananako hena-maso ny handà izany. Izany

no nahatonga ahy nanaiky ny hanome azy ny fiarovako. Noraisiko tao amiko izy ka nomeko trano itoerana sy ialofana. Hita àry izao fa ny fihetsiny dia mifanaraka amin'ny vaovao izay nampitaina taminao. Raha tianao dia afaka manao velirano sarobidy ho anao sy izay rehetra hanananao fahatokisana, fa izaho dia tsy nikasa ny hanao ratsy na maniry ny hampidi-doza aminao. Hapetrako eo amin'ny tananao ny tanako. Raha tianao dia ametrahako antoka ianao mba hanananao fahatokisana fa mbola hiverina aminao aho. Ary handeha hijery azy aho sy handidy azy hiala ao an-tranoko mba ho any amin'izay hitany fa mety aminy ka amin'izay fotoana izay aho dia afaka adidy tamin'ny fanomezako azy ny fialofana sy fiarovana. »

Ibn Ziyad niteny taminy hoe : « Ifantàna amin'i Allah fa tsia ! Tsy miala eto mihitsy ianao raha tsy hoe handeha hitondra azy ho aty amiko angamba. »

Namaly i Hani hoe : « Tsia, ifantàna amin'i Allah ! Tsy entiko aty aminao mihitsy izy ! Mihevitra ve ianao fa asaiko ho tonga eto anatrehanao ny vahiniko mba hovanoinao ?! »

Ibn Ziyad : « Ifantàna amin'i Allah fa ho entinao eto amiko izy. »

Hani : « Ifantàna amin'i Allah, fa tsy ho entiko eto aminao izy. »

Teo ampahitana ny feo niakatra teo amin'izy roa, i Mouslim b. 'Amr al-Bahili, izay ankoatr'azy dia tsy nisy syriana sy bassoriana na iray aza tao Koufa, dia nitsangana ka niteny hoe : « Allah anie hanome fanambinana ho an'ny governora ! Omeo fotoana irery aho mba ahafahako miresaka aminy samirery. »

Nitsangana izy ary lasa izy roa nankany amin'ny zorony nanalavitra an'Ibn Ziyad, saingy nijanona eo amin'ny toerana tazan'ny masony amin'izay raha mampiaka-peo izy roa, dia afaka henoiny ny resak'izy roa.

Mouslim niteny tamin'i Hani hoe : « Ry Hani ! Miangavy anao aho amin'ny Anaran'i Allah, mba tsy hihatsy ny fahafatesanao na ny loza ho an'ny fokonao. Ifantàna amin'i Allah ! Miaro anao loatra aho noho ny fahitana anao manao izay hahafaty ny tenanao. Izany olona izany, [i Mouslim b. 'Aqil] dia zanak'olona mpirahalaky amin'ireto vahoaka ireto [ireo Omeyyades], noho izany, izy ireo dia tsy hamono azy na hanao ratsy aminy akory. Arak'izany, dia ento aminy [amin'Ibn Ziyad] izy fa izany dia tsy heverina ho henatra na ho fahafaham-baraka satria ianao no nanolotra azy amin'ireo manam-pahefana. »

Namaly i Hani hoe : « Ifantàna amin'i Allah, tena marina fa izany dia ho henatra sy fahafaham-baraka. Ianao dia miangavy mba hanolorako ny olona izay eo ambany fiarovako sady vahiniko, kanefa izaho dia mbola velona, salama tsara, afaka mahita sy mahare, ary izaho dia manana namana maro, matanjaka sy mahery ?! Ifantàna amin'i Allah, eny fa na dia irery aza aho sady tsy manana mpiaro, dia tsy atolotro izy, aleoko maty ho fiarovana azy. »

Tamin'izay izy dia nitalaho tamin'ny Anaran'i Allah sy niteny mafy nanao hoe : « Tsia, ifantàna amin'i Allah, tsy hanolotra azy aminy mihitsy aho ! »

Ibn Ziyad nahare izany dia nanome baiko hoe : « Ampanatony ahy izy. » Ary dia nanatona azy izy roa.

Hoy izy tamin'i Hani : « Ifantàna amin'i Allah, ento aty amiko izy fa raha tsy izany dia hotapahiko ny tendanao. »

Namaly i Hani hoe : « Amin'izay fotoana izay, dia hisy varatra lehibe iray handrava ny tranonao [Kapoka lehibe amin'ny alalan'ireo sabatra no hifamely amin'ity toerana ity]. »

Ibn Ziyad namaly hoe : « Hanenenanao izany ! Ianao ve mitady hampahatahotra ahy amin'ny alalan'ireo kapoka amin-tsabatra ?!»

[Tamin'io fotoana io,] i Hani dia nihevitra fa naheno azy ireo vahoakany.

Avy eo dia hoy izy : « Ampanatony amiko akaiky kokoa izy. »

Nampanatonina akaiky izy, avy eo [Ibn Ziyad] dia nitoraka tehina teo amin'ny tarehiny sy nikapoka azy teo amin'ny orony, teo amin'ny handriny ary teo amin'ireo takolany ka nahavaky ny orony sy nampifiritsika ny rà niraraka teo amin'ny lambany. Ny nofon'ireo takolany sy ny handriny dia niendaka ka niraviravy teo amin'ny somotrany [volom-bavany] ary izany moa dia nitohy foana mandra-pahatapatapak'ilay tehina !

Hani dia nikasa ny hifarombaka ny sabatry ny iray tamin'ireo mpiambina nanatrika teo, fa saingy teo ampandraisany ilay tahon-tsabatra indrindra no voasinton'ilay mpiambina haingana izany ka tsy navelany ho azony.

'Obaydollah dia niantso mafy nanao hoe : « Ianao ve lasa Kharijite ankehitriny ? Ianao ihany no manome alalana ho anay mba hamonoana anao. Ento izy ary ampidiro any amin'ireo efity ny lapa, hidio ny varavarana ka ametraho mpiambina. » Notanterahina avy hatrany izany.

Nitsangana i Hassaane b. Asma ary nanohitra nanao hoe : « Moa ve isika lasa iraka mpamitaka

ankehitriny ? Ianao dia naniraka anay mba hitondra azy eo aminao [mba hihaona] kanefa raha vao nentinay izy ary natolotray anao, dia noratrainao ny tarehiny, nararakao eo amin'ny somotrany ny ràny ary ampihorohoroinao ho faty izy ! »

‘Obaydollah namaly hoe : « Ianareo angaha mbola ao ? » Nodidiany mba ho kapohina izy sy atositosika, ary apetraka eo amin'ny zoron-trano.

Mohammad b. Ash'ath nanambara hoe : « Izahay dia afa-po amin'ny didin'ny governora, na mahasoana anay izany na tsy mahasoana anay, satria ny governora dia tsy mitady afa-tsy ny fanarahana ny fitsipi-pifehezana. »

‘Amr b. Hajjaj no naheno fa i Hani dia novonoina. Tamin'izay, dia tonga izy niaraka tamin'ireo andian'olona avy amin'ny fokon'ireo Maz-hij ka nodidinin'izy ireo ilay lapa. Avy eo dia niantso mafy izy nanao hoe : « Izaho no ‘Amr b. Hajjaj ary indreto ireo miaramila an-tsoavaly sy ireo loholona avy amin'ireo Maz-hij izay tsy nanao fahadisoana tamin'ny fankatoavan'izy ireo na izay tsy nikomy nanohitra ny mpitondra ! Izy ireo dia naheno, fa ny iray amin'ireo naman'izy ireo novonoina ary izany dia tena raharaha sarotra ! »

‘Obaydollah b. Ziyad dia nampahafantarina ny zava-niseho : « Indro ireo Maz-hij eo ambavahady ! »

Nomeny baiko i Shorayh ilay mpitsara nanao hoe : « Mandehana jereo ilay olon’izy ireo, tazano izy, avy eo ianao mivoaka ka milaza amin’izy ireo fa velona izy ary tsy maty. »

Notanterahin’i Shorayh izany ka lasa izy nijery azy.

Teo ampahitana azy, na dia mikoriana eo amin’ny somotrany aza ny rà, dia niantso mafy i Hani hoe : « Ry Allah ! Ry silamo ! Moa ve rava ny vahoakako ? Aiza ireo olona mpandala ny finoana ? Aiza ireo olona manam-pahalalana ? » Raha naheno ny feom-baravarana’ireo lapa izy, dia niteny hoe : « Noheveriko fa mba feon’ireo Maz-hij sy ireo silamo mpiandany amiko izany. Raha olona folo no tafiditra eto, dia afaka hahavotra ahy izy ireo. »

Rehefa naheno ny feon’izy ireo i Shorayh, dia nandeha nijery azy ireo ary niteny tamin’izy ireo hoe : « Raha naheno ny fahatongavanareo ny governora sy nahalala ny ahiahinareo mikasika ilay olona namanareo, dia naniraka ahy mba hijery azy sy hanambara aminareo ny fahasalamany. Avy nijery azy aho teo ka milaza aminareo fa velona soa aman-tsara izy. Ny

vaovao voarainareo mikasika ny fahafatesany dia diso. »

Hoy i ‘Amr b. Hajjaj sy ireo namany hoe : « Koa satria tsy maty akory izy, dia Fisaorana anie ho an’i Allah », avy eo dia samy lasa niparitaka izy ireo.

LAHATENY NATAON’IBN ZIYAD TAORIAN’NY FIAHAZONANA AN’I HANI

‘Obaydollah b. Ziyad notronin’ireo loholona, sy ny polisy ary ny manodidina azy, dia nivoaka, niakatra teo amin’ny polpitra ka taorian’ny niderany sy nanomezany voninahitra an’i Allah, dia hoy izy : « Ry vahoaka, sorohy ny ratsy eo am-pankatoavana an’i Allah sy ireo filohanareo. Aza mitaona ho any amin’ny fisarahana na fizarazarana ianareo fa raha tsy izany ianareo dia ho rava, haetry, ho faty, ho potiky ny fahoriana sy ho resy. Ilay olona izay milaza ny fahamarinana aminareo dia rahalahinareo, Ilay nampitandrina anareo dia nahavita ny adidiny. »

Avy eo, rehefa niomana ny hidina teo amin’ny polpitra izy fa nialohan’ny nanaovany izany, ny vahoaka nanatrika teo dia niditra tampoka tao amin’ilay moske teo amin’ny varavaran’ireo mpivarotra antrendry sady nilaza hoe : « Iny Ibn ‘Aqil ! Iny Ibn ‘Aqil ! »

‘Obaydollah dia vaky nandositra nanao tongotra an-katoka nankany amin’ny lapa nialohan’ny nihidiny aman-trano tao.

MOUSLIM B. ‘AQIL MIKOMY

‘Abdallah b. Hazim dia nitantara hoe :
« Ifantàna amin’i Allah, fa izaho dia nirahin’Ibn ‘Aqil nankany amin’ny lapa mba hamantatra izay zava-nanjo an’i Hani. Rehefa izy [i Hani] nokapohina sy nahiboka, dia nitaingina ny soavaliko aho ary izaho no voalohany tamin’ireo vahoaka tao an-trano nanambara tamin’i Mouslim b. ‘Aqil. Koa tamin’izay, ireo vehivavy avy amin’ny fokon’ireo Morad dia nivory sy niantsoantso hoe : “Ry fokonay ô ! Indrisy anie izao loza izao !”

Ny toe-java-misy dia nambarako tamin’i Mouslim b. ‘Aqil, izay nandidy ahy mba hamory ireo mpiandany aminy. Ireo trano manodidina moa dia feno ireo olona mpiandany aminy. Nahatratra efatr’arivo ny isan’ireo lehilahy tao amin’ireo trano manodidina. Niantso mafy aho hoe “Ya Mansour Amit”. Ireo vahoakan’i Koufa dia namerina ity tarigetra ity sady nivory niodidina azy [Mouslim]. »

Nankinin'i Mouslim b. 'Aqil ny fibaikoana tamin'ireo lehiben'ny fokon'i Kindah, i Maz-hij, i Assad, i Tamim sy i Hamdan. Ireo vahoaka, afa-tsy ireo vitsy an'isa, dia nihetsika avokoa sy nivory nialohan'izy ireo nikomy niditra tao amin'ny moske sy teny an-tsena. Henika azy ireo [ny tanàna] mandra-pahatongavan'ny hariva.

Sarotra tokoa ny toerana nisy an'i 'Obaydollah tamin'izay fotoana izay, ka tsy nisy zavatra afaka nataony afa-tsy nihidy aman-trano tao amin'ny lapany. Tsy nisy olona niaraka taminy afa-tsy lehilahy miisa telopolo tamin'ireo mpiambina azy ary lehilahy miisa roapolo tamin'ireo loholona, ny fianakaviany sy ireo havany akaiky.

NY FITANGORONAN'IREO LOHOLONA NANODIDINA AN'IBN ZIYAD

Ireo loholona [dia tonga tao an-dapa sy] niditra tao amin'Ibn Ziyad tamin'ny alalan'ny varavarana mifanila amin'ny tranon'ireo "Byzantins". Ireo izay tao an-dapa niaraka tamin'Ibn Ziyad dia nanara-maso tsara [avy teny ambonin'ireo lavarangana, ireo mpiandany amin'Ibn 'Aqil], tamin'ny fotoana izay nanaovan'ireto farany fitoraham-bato, naniratsira azy ireo ary niteny ratsy an'i 'Obaydollah sy ny rainy.

Ibn Ziyad dia niantso an'i Kathir b. Shihab ka naniraka azy hiaraka amin'ireo olon'ny foko Maz-hij izay nankato azy, ka hitety ny tanànan'i Koufa mba handresy lahatra ireo vahoaka handao an'Ibn 'Aqil, mba hampihorohoro azy ireo amin'ny alalan'ny ady sy handrahona azy ireo amin'ny alalan'ny sazy iray mangirifiry avy amin'ireo manam-pahefana.

Torak'izany koa, i Mohammad b. Ash'ath dia nirahina hiaraka amin'ireo olon'ny foko Kindah sy Hadhramawt ka hanangan-tsain'ny fandriampahalemana [eran'ireo araben'i Koufa] ho toy ny antoka, toky sy fiarovana ho an'ireo izay manara-dia azy ireo.

Andraikitra mitovy amin'izany no nankinina tamin'i Qa'qaà al-Zohli, i Shabath b. Rib'i al-Tamimi, i Hajjar b. Abjar Al-Ijli, sy i Shimr b. Zil-Jawshan al-'Amiri.

Ireo sasany hafa kosa dia notazominy teo akaikiny, mba hahatonga azy tsy hanirery, noho ny havitsian'ireo olona niaraka taminy.

**NIVOAKA IREO LOHOLONA NIARAKA
TAMIN'NY FANEVAN'NY
FANDRIAMPAHALEMANA AMIN'IZAY
IREO VAHOAKA MANDAO AN'I
MOUSLIM**

Kathir b. Shihab dia nandeha nandresy lahatra ireo vahoaka mba handao an'Ibn 'Aqil. Mohammad b. Ash'ath dia nivoaka sy nandeha hatrany amin'ireo tranon'ireo Bani 'Omarah. Tamin'io fotoana io, avy tao amin'ny moske, i Mouslim b. 'Aqil dia nandefa an'i 'Abd al-Rahman b. Shorayh al-Shabami [mba hanohitra an'i Mohammad b. Ash'ath]. Rehefa ity farany nahatazana ny hamaroan'ireo olona izay nizotra nankany aminy, dia niala tamin'izany toerana izany izy.

Mohammad b. Ash'ath, i Kathir b. Shihab, i Qa'qaà b. Shawr al-Zohli sy i Shabath b. Rib'i dia niezaka nanakana ireo vahoaka tamin'ny fandrahonana amin'ny alalan'ny herin'ireo manam-pahefana, mba tsy hiandany amin'i Mouslim. Izy ireo dia nahavita namory olona maro avy amin'ireo fokon'izy ireo sy ireo hafa, nanodidina azy ireo. Niverina tany amin'Ibn Ziyad izy ireo niaraka tamin'ireo olona ireo ka niditra teo amin'ny varavarana mifanila amin'ny tranon'ireo "Byzantins".

Nilaza i Kathir b. Shihab hoe : « Allah anie hanasoa ny governora ! Ankehitriny ianao dia manana olona maro manodidina anao ato amin'ny lapa ary anisan'izany, ireo loholona, ireo mpitandro filaminana, ny havana aman-

tsakaizanao. Aoka ianao hiady amin'izy ireo, miaraka aminay rehetra ireto ! »

‘Obaydollah dia nitsipaka izany hevitra izany. Natolony an'i Shabath b. Rib'i ny faneva [sy ny fibaikoana] nialohan'ny nanirahany azy [ho any amin'Ibn 'Aqil].

Ireo vahoaka dia nanohy nivory maro nanodidina an'Ibn 'Aqil mandra-pahariva ny andro, na dia teo aza ny fahasahiranana izay nitranga tamin'izy ireo. ‘Obaydollah izay namory ireo loholona nanodidina azy, dia nandefa azy ireo teo anatrehan'ireo vahoaka mba hampanantena fampiakarana ireo fanampiana sy fanajana ihany koa ho an'ireo izay mankato, ary handrahona amin'ny fanesorana sy famaizana ireo izay tsy mankato, miaraka amin'ny fampitahorana azy ireo amin'ny alalan'ny fahatongavan'ny tafika avy any Syria izay hiady amin'izy ireo.

Kathir b. Shihab dia nanao lahateny lava hatramin'ny filentehan'ny masoandro nanao hoe : « Ry vahoaka ! Miverena any amin'ny fianakavianareo fa aza mirona mankany amin'ny ratsy. Aza mitono tena amin'ny fahafatesana ianareo, satria ny tafiky ny Lehiben'ireo mpino, i Yazid, dia ho avy ! Ny governora dia nametra-teny tamin'i Allah fa tsy hanome ireo fanampiana ho an'ireo zanakareo raha toa ianareo ka mbola

manohy amin'ny fanoherana azy na raha mbola tsy miparitaka ianareo mandra-pilatsahan'ny alina. Izy no hanapatapaka ireo miaramilanareo amin'ny fanafihan'ny miaramilan'i Syria. Ireo olona tsy manan-tsiny dia hotazominy ho tompon'andraikitra amin'ireo [asan'ireo] olo-meloka ary ireo izay nanatrika teo no ho tompon'andraikitra amin'ireo izay tsy teo, hatramin'ny tsy hisian'ny mpamporisika na dia iray aza ka tsy hijinja ireo voka-dratsin'izay novolen'ny tanany izy ireo. »

Ireo loholona dia nanao izany lahateny izany ihany koa.

Rehefa naheno izany lahateny izany ireo vahoaka ireo, dia nanomboka niparitaka izy ireo. Ireo vehivavy dia nanatona an'ireo zanany lahy sy ireo anadahiny ka nilaza hoe : « Mialà ianareo ! Ireo olon-kafa ireo dia efa ampy. » Ireo ray dia tonga tamin'ireo zanany lahy sy ireo rahalahiny, ary nilaza hoe : « Ny tafika syriana dia ho avy eto rahampitso. Koa inona moa no ho vitanareo eo anatrehan'ity ady sy loza ity ?! Mialà ianareo ! » Ary lasa izy ireo niala niaraka tamin'izy ireo.

MOUSLIM B. 'AQIL NILAOZANA

Nanohy niparitaka hatrany ireo vahoaka sady nanavotr'aina, ka mandra-paharivan'ny andro, Ibn 'Aqil dia tsy nisy afa-tsy lehilahy miisa

telopolo ihany no nijanona teo aminy tao amin'ny moske, tamin'izy nanao ny fanompoampivavahana hariva. Rehefa nampiseho ity toe-javatra ity izy, dia nanapa-kevitra ny hizotra mankany amin'ireo vavahadin'i Kindah fa nony tonga teo izy dia tsy nisy afa-tsy folo ihany no niaraka taminy. Rehefa nandalo teo ambavahady izy, dia tsy nisy olona intsony niaraka taminy. Niherikerika nanodidina azy izy ary dia tsy nahatsikaritra ny fisian'ny olona na dia iray mba afaka hanoro lâlana azy na hanatitra azy handroso amin'ny trano iray, na hiaro azy raha sendra misy ny fanafihan'ny fahavalo ! Nirenireny eran'ireo araben'i Koufa izy, tsy nahalala ny toerana aleha, mandra-pihoarany ireo tranon'ireo Bani Jabalah fokon'ireo Kindah ary nanohy nandeha hatreo amin'ny varavaran'ny tranon'ny vehivavy iray antsoina hoe Taw'ah, Oumm Walad. Taloha izy dia andevovavin'i Ash'ath b. Qays, fa nomeny fahafahana taty aoriana. Avy eo izy dia nanambady an'i Ossayd al-Hadhrami izay nahazoany zanaka lahy, i Bilal. Nivoaka niaraka tamin'ireo lehilahy i Bilal ary dia niandry azy ny reniny. Ibn 'Aqil dia niarahaba an'ilay vehivavy izay namaly ny fiarahabany.

Hoy izy taminy : « Ry mpanompon'i Allah ! Mba omeo rano aho. »

Lasa izy niditra tao an-trano sy naka rano ho azy. Nipetraka izy, fa ilay vehivavy kosa avy eo nampirina ilay kaopin-drano tao an-trano ary nivoaka niverina teo aminy.

Hoy izy taminy : « Ry mpanompon'i Allah ! Moa tsy efa afaka hetaheta ve ianao ? »

Namaly izy hoe : « Eny tokoa. »

Niteny ilay vehivavy hoe : « 'Ndeha àry mody amin'izay ! » Avy eo niverina teo aminy indray ilay vehivavy no sady nilaza fanindroany ireo teny ireo.

Nitoetra tsy nahateny anefa izy.

Nilaza fanintelony taminy ilay vehivavy hoe : « Ifantàna amin'i Allah, Ilay Lafatra Indrindra, ô ry mpanompon'i Allah ! Modia any amin'ny fianakavianao, ianao i Allah anie hiaro anao. Tsy mety mihitsy ny fipetrahanao manoloana ny varavarako eto ary tsy mamela anao amin'izany aho. »

Nitsangana izy sady niteny hoe : « Ry mpanompon'i Allah, tsy manana trano na fianakaviana eto amin'ity tanàna ity aho ! Maniry ny hanao asa soa ve ianao, angamba afaka hanao tahak'izao aminao aho rahampitso ? »

Nanontany azy ilay vehivavy hoe : « Ry mpanompon'i Allah, fa iza ianao ? »

Namaly izy hoe : « Izaho no Mouslim b. 'Aqil, izay nandaingan'ireo vahoaka, fa izy ireo dia namitaka sy nandroaka ahy [tao an-tranon'izy ireo] ! »

Ampifaliana no nilazan'ilay vehivavy hoe : « Ianao ve i Mouslim ?! »

Namaly izy hoe : « Eny ! »

Hoy ilay vehivavy : « Mandroso ianao. »

Notarihin'ilay vehivavy tao an-tranony, ao amin'ny efitra iray hafa ankoatra ny nipetrahany izy. Namelarangy lamba karipeta tao ary notolorany sakafo hariva izy fa tsy mety nihinana mihitsy.

Fotoana fohy no lasa nialohan'ny nahatongavan'ilay zanany. Tsikariny ny fivezivezena tsy ankiato mankao an'efitra ataon'ilay reniny ka hoy izy hoe : « Ifantàna amin'i Allah, fa ianao dia mampiahiahy ahy noho ny fivezivezenao tsy ankijanona mankao amin'ity efitra ity amin'izao alina izao. Fa misy inona loatra ? »

Namaly ilay reniny hoe : « Ry zanako, aza ataonao mampiasa saina izany. »

Hoy hatrany anefa izy hoe : « Ifantàna amin'i Allah, hamaly ny fanontaniako ve ianao ? »

Niangavy azy ilay reniny hoe : « Ireo raharahanao no eritrereto fa aza manontany ahy intsony. »

Nefa nikiribiby hatrany izy ka nahatonga ilay reniny niaiky nanao hoe : « Ô ry zanako, aza lazainao mihitsy na amin'iza na amin'iza izao zavatra hambarako anao izao. »

Namaly izany am-panekena izy.

Nasain'ilay reniny nanao fanekep-pankatovana izy ary izy dia nampanantena izany taminy nialohan'ny fanambarany azy. Nandeha natory ilay zanaka tsy nilaza na inona na inona.

NY TOETRAN'IBN ZIYAD

Taorian'ny fisarahan'ireo vahoaka tamin'i Mouslim b. 'Aqil, dia toa ela teo amin'Ibn Ziyad ny fotoana, ary rehefa tsy naheno intsony ireo horakorak'ireo mpiandany amin'Ibn 'Aqil tsy toy ny nahenoany azy ireo teo aloha izy, dia niangavy ireo olony hoe : « Mivoaha ianareo ary mandehana jereo raha mbola mahatazana olona ianareo. » Nivoaka izy ireo fa tsy nahita olona intsony.

Avy eo izy dia nanome baiko azy ireo hoe : « Mandehana jereo tsara, angamba miafina izy ireo ka mitsikilo anareo ao amin'ny maizimaizina. »

Ireo dabolio tao amin'ny moske dia navadibadik'izy ireo ary nitsilovin'izy ireo tamin'ireo jiro mba hanamarinana [sao dia mbola misy olona mifaina ao anatin'ny haizina]. Ireo jiro dia mazava araka ny tokony ho izy indraindray, fa indraindray koa dia tsy ampy ny fahazavany na tsy mazava araka ny hitiavan'izy ireo azy. Arak'izany, dia naka fanilo izy ireo ary nampirehetin'izy ireo afo ireo karazan-kazo voafatotra tady mba hanazavana hatramin'ny zoron-toerana faran'izay mifaina sy ny karazan-toerana maizina rehetra (mikitroka, antonony sy malefaka). Nojeren'izy ireo avokoa hatrany amin'ny maizina ambanin'ny polpitra ary, nony nahazo antoka izy ireo fa tsy misy akory ny olona mamitsaka ao amin'ny maizina, dia nolazain'izy ireo tamin'Ibn Ziyad ny fandosirana sy ny fiparitahan'ireo vahoaka.

Taorian'izany, no nanokafana ny varavaran'i Souddah miditra mankany amin'ny moske, niditra tao izy niaraka tamin'ireo namany, ary niakatra teo amin'ny polpitra. Ny andro hariva, fotoana kely nialohan'ny vavaka 'Isha, dia nodidiany izy rehetra ireo mba hipetraka.

Niangaviany i 'Amr b. Nafi' mba hanambara [amin'ireo mponina ao Koufa] hoe : « Tsy homena antoka amin'ny fandriampahalemana ireo olona izay anisan'ireo polisy, ireo 'arif, ireo

mpiandany na miaramila sy izay tsy tonga mamonjy ny fanompoam-pivavahana alina ao amin'ny moske. »

Afaka fotoana fohy monja ny moske dia feno olona maro.

Avy eo, izy dia naniraka ny mpanao azhan mba hanao antso amin'ny fanompoam-pivavahana. Niangaviany ireo mpiambina mba hijanona eo aoriany mba hanakanana izay rehetra hamono azy, mialohan'ny hitarihany ny vavaka.

LAHATENY NATAON'IBN ZIYAD TAORIAN'NY NANDAOZANA AN'I MOUSLIM

Avy eo, Ibn Ziyad dia niakatra teo amin'ny polpitra, nidera sy nanome voninahitra an'i Allah izy. Avy eo izy niteny hoe : « Ibn 'Aqil, ilay tsy mahay na inona na inona sy ilay adala, no saika nampisara-bazana sy nikomy, araka ny efa fantatrareo rehetra. Izahay dia tsy ho tompon'andraikitra intsony amin'ny fiainan'ny olona tompon'izay trano hahitantsika azy. Fa kosa, izay mitondra azy aty aminay dia homena valisoa mitovy amin'ny sandan'ny ràny (diyyah).

Ry mpanompon'i Allah, matahora Azy ianareo ary hajao ny fampanantenana nataonareo amin'ny fankatoavana sy ny fanehem-

pankatoavana nataonareo. Aza mitono tena amin'ny loza ianareo.

Ry Houssayn b. Nomayr, ny reninao dia hitomany ny fatinao raha toa ka ny iray amin'ireo làlana fidirana eto Koufa no misy manokatra na izany lehilahy izany no afa-mandositra ka tsy mba nosamborinao ho ahy. Izaho dia manome anao fahefana amin'ireo tokantrano misy eto Koufa. Mandefasa ianao ireo mpitsikilo eny amin'ireo làlana sy ireo arabe. Rahampitso maraina, savao ireo trano ary jereo daholo ny loadoaka izay hita mandra-pahasamboranao ho ahy izany lehilahy izany ! »

Houssayn b. Nomayr, avy amin'ny fokon'ireo Bani Tamim, no lehiben'ireo mpitandro filaminana.

Avy eo, Ibn Ziyad niverina tao an-dapa. Natolony an'i 'Amr b. Horayth ny faneva sy ny fahefana teo amin'ireo vahoaka.

IBN ZIYAD NONY MARAINA NY ANDRO

Ny maraina, Ibn Ziyad naka toerana [tao amin'ny efitra fidirana tao an-dapa] ary nanome alalana ireo vahoaka mba ho tonga hihaona aminy. Mohammad b. Ash'ath tonga nanatona azy ka hoy Ibn Ziyad taminy hoe : « Tongaso amin'ilay olona izay tsy mba hananana ahiahy

amin'ny fisolokiana sy fitaka ! » Niangaviany izy mba hipetraka teo akaikiny.

Ny maraina, [i Bilal b. Ossayd,] zanak'ilay vehivavy efa be taona [izay nanome fialofana an'Ibn 'Aqil,] no nanambara tamin'i 'Abd al-Rahman b. Mohammad b. Ash'ath, fa i Mouslim b. 'Aqil dia ao an-tranon-dreniny. 'Abd al-Rahman nanatona an-drainy ka nanambara taminy am-pahamalinana kanefa izy dia niandany tamin'Ibn Ziyad. Fa ity farany dia nahalala izany tsiambaratelo izany. Nikapoka ny tehina teo akaikiny Ibn Ziyad ary nandidy azy hoe : « Mitsangana ianao ka ento aty amiko izao dieny izao izy. »

Mohammad b. Ash'ath nitsangana nandeha ary Ibn Ziyad nandefa ireo olony niaraka taminy satria fantany fa mahasosotra an'ireo olona avy amin'ireo foko hafa ny tsy maintsy hiadiana amin'ny olona iray toa an'i Mouslim b. 'Aqil. Nalefany haingana ihany koa ireo lehilahy hafa miisa fitopolo avy amin'ny fokon'ireo Qays teo ambany fibaikoan'i 'Obaydollah b. 'Abbas al-Solami.

Tonga teo amin'ilay trano misy an'i Mouslim b. 'Aqil (ra) izy ireo.

MOUSLIM IBN 'AQIL NOTAFIHAN'IBN ASH'ATH

Raha naheno ny fanenon'ny tongotr'ireo soavaly sy ny fitabataban'ireo lehilahy i Mouslim, dia fantany fa tonga manatona azy izy ireo. Rehefa nitangoronan'izy ireo ilay trano dia nivoaka niaraka tamin'ny sabany izy. Noveleziny tamin-kasahiana fatratra izy ireo izay nahatonga azy ireo tsy maintsy nanalavitra ilay trano. Saingy namely tamin'ny fanafihana izy ireo ary namaly tahak'izany koa i Mouslim.

Nifanehatra tamin'i Bakr b. Homran al-Ahmari izy izay namely azy teo amin'ny vava, ka tataka nihataka amin'ny molony ambony ny molony ambany no sady afaka ireo nifiny anankiroa teo anoloana. Valin'izany, i Mouslim dia tsy nihambahamba nikapoka azy amin'ny hery tsy fahita teo amin'ny lohany, avy eo dia namely fanindroany teo amin'ny taolam-panavy izay nahavao azy teo ho eo amin'ny vavony.

Rehefa nahita izany izy ireo dia nihodidina an'i Mouslim avy eny ambony trano, nitora-bato azy sy nampirehitra ireo fehezan-kazo ka nitorahan'izy ireo azy izany avy eny ambony trano.

Teo ampahitana izany, izy dia nivoaka teo amin'ny làlan-kely, nitazona ny sabatra mba hiady amin'izy ireo.

Mohammad b. Ash'ath [nanatona azy sy] nilaza taminy hoe : « Ianao dia afaka hahazo antoka amin'ny fiarovana ny fiainanao. Aza mihazakazaka mankany amin'ny fahafatesana ianao ! »

Nanohy niady tamin'izy ireo hatrany i Mouslim no sady nanonona ireto andalana tononkalo manaraka ireto :

« Mianiana aho fa tsy maintsy ho faty araka
ny maha-olona afaka ahy,

Na dia hitako fa mafy aza ny fahafatesana.

Ary ny hatsiaka hifangaro fatratra amin'ny
hafanana,

Miramirana ny fanahy aorian'ny
fahatahorana.

Ny olona tsirairay indray andro dia tsy
maintsy hiatrika ny haratsiana

Nefa matahotra ny ho voafitaka sy ho
voasoloky aho. »

MOUSLIM B. 'AQIL VOAFEHIN'NY FAMPANANTENANA SANDOKA

Mohammad b. Ash'ath niteny tamin'i Mouslim hoe : « Ianao dia tsy ho fitahina na ho solokina, arak'izany dia aza mampijaly tena ianao. Ireto vahoaka ireto dia rahalahinao, tsy hamono anao izy ireo no sady tsy hanao ratsy aminao ! »

Naratra noho ny tora-bato natao taminy i Mouslim no sady reraky ny ady, arak'izany dia niankina teo amin'izany trano izany izy.

Mohammad b. Ash'ath namerina ny teniny hoe : « Ny fiarovana ny fiainanao dia iantohana [koa manolara tena ianao]. »

Nanontany azy i Mouslim hoe : « Ny fiainako ve ho voaaro ? »

Tamin'izay indrindra, ireo lehilahy ireo no namaly hoe : « Eny, ny fiainanao dia harovana » afa-tsy i 'Obaydollah b. 'Abbass al-Solami izay nilaza hoe : « Tsy eo am-pelantanako izany [hiantoka anao amin'ny fiarovana anao izany] » alohan'ny nihemotra.

Ibn 'Aqil nanambara hoe : « Raha ianareo no tsy miantoka ny fiarovana ny fiainako, dia tsy hifandray tànana aminareo aho. »

Nisy nitondra ramolevavy ka napetraka teo akaikiny, tamin'izy ireo nanodidina azy sy nanaisotra teny aminy ny sabatrany. Tamin'io fotoana io indrindra, izy no nahatsapa ny fibosesehan'ny hakiviana. Tamin'ny ranomaso no nilazany tamin'ny tenany hoe : « Ity no voalohan'ny asa famitahana. »

Mohammad b. Ash'ath niteny hoe : « Manantena aho fa tsy misy loza hanjo anao intsony. »

Nanontany i Mouslim hoe : « Izany dia fanantenana fotsiny. Nanao ahoana ireo antoka nolazainao ? Isika dia an'i Allah ary any Aminy no hiverenantsika. » Avy eo dia nanomboka nitomany izy.

'Obaydollah b. 'Abass al-Solami dia nilaza hoe : « Izay olona nitady izay notadiavinao dia tsy tokony hitomany rehefa izy tojo toe-javatra sahala amin'ny nahazo anao ! »

Namaly i Mouslim hoe : « Ifantàna amin'i Allah ! Izaho dia tsy mitomany ho an'ny tenako, na malahelo amin'ny fahafatesako, na dia tsy te ho faty aza aho, fa izaho dia mitomany ho an'ireo havako izay eny an-dàlana mba hanaraka ahy sy mitomany ho an'i Houssayn (as) sy ny havany. »

NY TENY NAPETRAK'I MOUSLIM TAMIN'IBN ASH'ATH

Nanatona an'i Mohammad b. Ash'ath i Mouslim ka nilaza taminy hoe : « Ry mpanompon'i Allah, ifantàna amin'i Allah, fa hitako tsara ianao fa tsy afaka hanaja ny fiantoham-piarovana izay nomenao ahy. Nefa izaho dia mba mangataka fitia avy aminao. Afaka ve ianao handefa hafatra avy amiko ho an'i Houssayn ? Mino manko aho fa androany izy no niainga [tao Lameka] mba ho avy aty aminareo na koa izy sy ny fianakaviany hiainga [ao Lameka] rahampitso.

Koa aoka izay ho iraka hilaza aminy hoe : "Ibn 'Aqil naniraka ahy mba hilaza aminao fa izy dia nogadrain'ireo mpitandro filaminana ary mino izy fa tsy handalo akory ny alina dia hovanoina izy." Aoka izy hilaza hoe : "Hataoko sorona ho anao anie ny ray aman-dreniko. Mivilia làlana ianao miaraka amin'ny fianakavianao fa aza hofitahin'ireo vahoakan'i Koufa ! Izy ireo ihany koa no niandany tamin'ny Rainao, izay naniry ny hisaraka tamin'izy ireo tamin'ny alalan'ny famoizany ny ainy na ny fanekenany ho vonoina ! Izay nahita faisana tamin'ny lainga dia tsy manan-kolazaina intsony !" »

Ibn Ash'ath namaly hoe : « Ifantàna amin'i Allah, eny tokoa, ho tanterahiko izany ary

holazaiko ihany koa Ibn Ziyad fa izaho dia nandray andraikitra hiantohana ny fiarovana anao. »

MOUSLIM TAO AMIN'NY LAPAN'IBN ZIYAD

Mohammad b. Ash'ath dia nigadona niaraka tamin'Ibn 'Aqil teo am-baravaran'ny lapa. Nangata-dàlana mba hiditra i Mohammad b. Ash'ath. Izany moa dia nekena ary nentina i Mouslim hatreo amin'Ibn Ziyad. Ibn Ash'ath dia nanatona an'Ibn Ziyad sy nampahafantatra azy mikasika an'Ibn 'Aqil sy ny kapoka nataon'i Bakr taminy. Nampahafantariny ihany koa fa izy dia nanome fiantohana amin'ny fiarovana azy.

'Obaydollah dia nilaza ny fanoherana izany hoe : « Endrey izany fanomezanao ireo antoka hiarovana azy ! Sahala amin'ny hoe naniraka anao izahay mba hiaro azy. Izahay dia tsy nanome andraikitra anao afa-tsy ny hitondra azy fotsiny aty aminay aty. » 'Ngina tsy nahateny Ibn Ash'ath.

Tonga teo am-baravaran'ny lapa i Mohammad b. Ash'ath niaraka tamin'Ibn 'Aqil, tamin'ny fotoana nampangetaheta mafy an'ity farany. Teo am-baravaran'ny lapa, nipetraka niandry fahazoan-dàlana miditra ireo olona, toa an'i

‘Omarah b. ‘Oqbah b. Abi Mo’ayt, i ‘Amr b. Horayth, i Mouslim b. ‘Amr sy i Kathir b. Shihab.

Nahitana siny misy rano mangatsiatsiaka nipetraka teo. Nangataka izany i Mouslim hoe : « Moa ve ianareo afaka manala ny hetahetako avy amin’ity rano ity ? »

Namaly izany anefa i Mouslim b. ‘Amr nanao hoe : « Hitanao tsara akory ny fangatsiatsiahany ! Tsia ! Ifantàna amin’i Allah, fa ianao dia tsy hanandrana na dia indray mitete aza avy amin’ity rano ity mandra-panandramanao ny rano mangotraky ny afon’ny Gehena ! »

Niteny Ibn ‘Aqil hoe : « Loza ho anao ! Fa iza moa ianao ? »

Namaly izy hoe : « Izaho ilay mahalala ny marina raha ianao no nitsipaka izany, ilay itokisan’ny imam lehibeny raha ianao no nivadika taminy, ilay nankato azy raha ianao no nanohitra azy. Izaho no Mouslim b. ‘Amr al-Bahili. »

Namaly Ibn ‘Aqil hoe : « Aoka anie ny reninao hiory amin’ny vintan-dratsinao ! Izany halozanao sy ny tsy fangoraham-ponao ! Izany hamafin’ny fonao ! Ianao mihitsy, ry olon’ny [fokon’ireo] Bahilah, no mendrika noho izaho hisotro ny rano mangotraka sy hitoetra

mandrakizay ao amin'ny afon'ny Gehena ! » Avy eo izy dia nipetraka niankin-drindrana.

'Amr b. Horayth dia nanome baiko ny iray amin'ireo mpanompony mba hitondra sinindrano voarakotra lamba sy vera iray. Nanidina ny rano tao anatin'ilay vera izy ary natolony an'i Mouslim izany nialohan'ny nilazany hoe : « Sotroy. »

Nefa isaky ny mikasa ny hisotro izy, dia feno rà ilay vera ka manakana azy mba hisotro. Namerina izany fihetsika izany indray mandeha sy fanindroany hatrany izy fa nony tamin'ny fikasana farany, dia niraraka tao anatin'ilay vera ireo nifiny anankiroa teo anoloana. Hoy izy : « Dera ho an'i Allah ! Raha ity rano ity no natokana ho ahy, dia hosotroiko izany. »

Nivoaka ny irak'Ibn Ziyad ary nanome baiko mba hampidirana azy. Rehefa nentina teo anatrehan'Ibn Ziyad i Mouslim, dia tsy nanome haja an'ilay governora izy. Niteny taminy ny mpiambina hoe : « Tsy hajainao ve ny governora ? »

Namaly i Mouslim hoe : « Raha maniry ny hamono ahy izy, dia inona moa no antony ilàny ireo fiarahabako azy ? Fa raha tsy maniry ny hamono ahy kosa izy dia hiarahaba azy imbetsaka tokoa aho. »

Niteny Ibn Ziyad hoe : « Ifantàna amin'ny aiko, fa tena ho vonoina tokoa ianao. »

Hoy izy [Mouslim] hoe : « Tokoa ve izany ? »

Namaly izy [Ibn Ziyad] hoe : « Eny. »

Hoy izy [Mouslim] hoe : « Avelao àry aho hilaza ny farahafatro amin'ireo olona sasany manodidina ahy. »

Namaly izy [Ibn Ziyad] hoe : « Ataovy izany ! »

FARAHAFATR'I MOUSLIM TAMIN'I 'OMAR B. SA'D

Nalefan'i Mouslim tamin'ireo izay nipetraka teo akaikin'i 'Obaydollah ny fijeriny ary anisan'ireo nipetraka teo i 'Omar b. Sa'd b. Abi Waqqas. Niteny izy hoe : « Ry 'Omar ! Eo aminao sy amiko, dia misy fihavanana ! Mila anao aho. Tena ilaiko ianao mba hanatontosa ny fangatahako fa kosa tsy maintsy hatao amin'ny mangingina izany. » Nandà ny hihaino an'i Mouslim anefa i 'Omar !

Niteny taminy i 'Obaydollah hoe : « Nahoana ianao no mandà ny hihaino ireo faratenin'ny rahalahinao ? »

Tamin'izay, i 'Omar dia nitsangana niaraka taminy (Mouslim) ary nandeha nipetraka

tamin'ny toerana izay tazan'ny mason'Ibn Ziyad izy ireo. Niteny i Mouslim hoe : « Manana trosa aho ao Koufa mitentina fitojato dirham izay nindramiko tamin'ny fotoana nahatongavako teto Koufa. Mba aloavy ho ahy izany. Raha misy mamono ahy, dia raiso eo amin'Ibn Ziyad ny fatiko ka aleveno. Farany, dia mandefasa iraka ianao mankany amin'i Houssayn mba hiviliany lalana satria izaho dia efa nandefa taratasy nanambara taminy fa ireo vahoaka dia manohana azy. Inoako fa mizotra ho avy aty Koufa izy. »

'Omar b. Sa'd niresaka tamin'Ibn Ziyad hoe : « Ry governora ! Hainao ve ny resaka nolazainy tamiko ? Izy dia nanambara tamiko an'izao sy izao. »

Ibn Ziyad namaly hoe : « Ny olona marina dia tsy mamitaka ny fahatokisanao, nefa matetika ny mpamadika dia mety mendriky ny fahatokisana. Mikasika ireo fananany, dia ho anao ireo ka tsy hosakananay izay tianao hatao amin'izany. Mikasika ny tenany, dia tsy raharahanay izay hatao aminy aorian'ny fahafatesany. Ary mikasika an'i Houssayn (as), noho izy tsy mbola nanana fikasana ratsy teo anatrehanay, dia tsy hanao ratsy aminy izahay. »

MOUSLIM TEO ANATREHAN'IBN ZIYAD

Ibn Ziyad niteny tamin'i Mouslim nanao hoe :
« Ry Ibn 'Aqil ! Tamin'ny nahatongavanao, ireo vahoaka dia nivondrona sy niray hina fa ianao no nampizarazara azy ireo. Ianao no nandrava ny firaisan-kinan'izy ireo, ianao no nampifandrafy azy ireo. »

Hoy i Mouslim namaly hoe : « Tsia ! Tsy noho ny tenako no nahatongavako teto, fa ireo mponin'ity tanàna ity indrindra aza no nilaza fa ny rainao no namono ireo olona manan-kajan'izy ireo sy nampandriaka ny ràn'izy ireo. Izy dia nanao toy ny nataon'i Chosroés sy i César. Izany no antony nahatongavanay teto amin'izy ireo mba hanandratana ny rariny sy hitaomana an'ireo vahoaka mba hanao araka ny voalazan'ilay Boky. »

Ibn Ziyad dia niantso mafy hoe : « Inona no fifandraisana misy eo aminy sy ianao, ry mpimamo ?! Nahoana ianao no tsy nanao toy izao nandritra ny fotoana nisotronao divay tao Madina ? »

Namaly i Mouslim hoe : « Izaho ve no nisotro divay ? Ifantàna amin'i Allah, fa Izy no mahay fa ianao dia mandainga sy manao filazana tsy amim-pahalalana. Izaho dia tsy mba toy izany voalazanao izany. Izay mendrika noho izaho mba

hendrikendrehana ho mpisotro divay dia ilay mitsentsitra ny ràn'ireo silamo, ilay mamono olona izay voararan'i Allah mba tsy ho vonoina, izay mandatsaka ny rà masina noho ny hatezerana, ny fankahalana sy ny ahiahy mandritra ny fialany voly sy filalaovany toy ny tsy nanao na inona na inona ! »

Ibn Ziyad niteny an-katezerana nanao hoe : « Ry mpimamo ! Ny fanahinao dia hilaza aminao fa i Allah dia nanakana anao ny hahita [ny fahamarinana] satria hitany ianao fa tsy mendrika [ny hahita ny fahamarinana]. »

Nanontany i Mouslim hoe : « Iza indray àry no mendrika izany, raha tsy izahay izao ?! »

Namaly izy hoe : « Ilay lehiben'ireo mpino, i Yazid. »

Hoy i Mouslim hoe : « Dera ho an'i Allah amin'ny fotoana rehetra ! Izahay dia faly fa i Allah no Mpitsara eo aminareo sy izahay. »

Niteny mafy Ibn Ziyad hoe : « Aoka i Allah hamono ahy raha tsy izaho no hamono anao amin'ny fomba izay tsy mbola nisy olona novonoina toy izany ao amin'ny islam hatramin'izao. »

Mouslim namaly nanao hoe : « Mora aminao tokoa ny mamorona zavatra tsy nisy ao amin'ny

islam. Mazava tsara fa ianao dia tsy hiala mihitsy amin'ny famonoan'olona mahamenatra, amin'ireo fampijaliana mamirifiry, amin'ireo fomba maharikoriko sy amin'ny fanaparam-pahefana. »

Taorian'izany, Ibn Ziyad dia nanomboka nanevateva azy sy i Houssayn (as), i 'Ali (as) sy 'Aqil (Fiadanana sy Firarian-tsoa anie ho azy ireo !), fa i Mouslim kosa dia nangina tsy niteny.

NAHAMARITIORA AN'I MOUSLIM

Niteny Ibn Ziyad hoe : « Ento eny amin'ny tafon'ny lapa izy ary tapaho ny tendany, avy eo dia alatsaho ny vatany aorian'ny nanipazana ny lohany. »

Hoy i Mouslim b. 'Aqil (ra) hoe : « Raha nisy fihavanana tokoa teo amintsika, dia tsy namono ahy ianao. »

Ibn Ziyad nanohy ny teniny hoe : « Aiza ilay voakapok'Ibn 'Aqil teo amin'ny lohany ? » Nantsoina i Bakr b. Homran al-Ahmari.

Nomeny baiko izy hoe : « Miakara any ambony ary aoka ianao no hanapaka ny lohany. »

Niakatra tany ambony izy niaraka tamin'i Mouslim izay niteny hoe : « Allah no Lehibe », nangataka ny Famindrampony, nitso-drano an'ilay Irany ary nilaza hoe : « Ry Allah ! Tsarao

izahay sy ity vahoaka ity izay nivadika taminay, nandainga sy nanala baraka. »

Nentin'izy ireo izy tamin'ny toerana iray avoavon'ny toerana fanaovana kiraro tamin'ny vanim-potoananay. Notapahan-doha izy, avy eo dia nalatsaka any ambany ny vatany taorian'ny nandatsahana ny lohany.

NAHAMARITIORA AN'I HANI B. 'ORWAH

Taorian'izany, i Mohammad b. Ash'ath nitsangana mba handeha hiresaka amin'i 'Obaydollah b. Ziyad. Niresaka an'i Hani b. 'Orwah taminy izy ary nilaza hoe : « Tena hainao tsara fa i Hani dia manana ny anjara toerany ao an-tanàna, ary koa ny toeram-boninahitry ny tranony eo amin'ny fokony. Ny manodidina azy dia mahalala fa ny namako sy izaho no nitondra azy taty aminao. Amin'ny alalan'i Allah no italahoako aminao mba hamela azy amiko satria atahorako hankahala ahy ny tanàna sy ny fokony. »

Nampanantena azy izy fa hamela azy aminy kanefa niova hevitra indray izy ka nanome baiko mba hamonoana azy avy hatrany. Hoy izy hoe : « Ento eny an-tsena izy ary tapaho ny lohany ! »

Nentina i Hani, ny tànana aman-tongony tamin'izany dia nofatorana, mandra-

pahatongavan'izy ireo teo amin'ny toerana iray tao an-tsena famarotana ondry, izay toerana niantsoany mafy nanao hoe : « Ry Maz-hij ! Moa ve tsy misy olona avy amin'ny fokon'ireo Maz-hij ankehitriny mba hanavotra ahy ?! Ry Maz-hij ! Ry Maz-hij ! Aiza ireo Maz-hij mba hamonjy ahy ?! »

Tamin'ny fotoana nahatsapany fa tsy misy olona mba hamonjy azy, dia nahafaka ireo tanany tamin'ireo fatotra izy ary niteny hoe : « Moa ve tsy misy hazo, antsy, vato na taolana mba ahafahan'ny olona iray miaro tena ? »

Niantsambotra teo aminy izy ireo, namerina namatotra azy mafy sy niteny taminy hoe : « Atolory ny hatokao ! »

Namaly i Hani hoe : « Tsy maha-andriana sy mampahalala-tànana ahy ny amin'izany ary izaho dia tsy hanampy anareo amin'ny fanesorana ny aiko. »

Mpanompon'i 'Obaydollah b. Ziyad iray avy any Torkia, antsoina hoe Roshayd, no nikapoka azy tamin'ny sabatra fa tsy nahavao tsara.

Niantso mafy i Hani hoe : « Any amin'i Allah no hiverenana. Ô Allah, any amin'ny Famindramponao sy ny Paradisanao [no alehako]. »

Tamin'izay, dia nokapohin'i Roshayd fanindroany izy ary dia nahafaty azy.

TONONKALO MIKASIKA NY NAHAMARITIORA AN'I MOUSLIM SY I HANI

'Abdallah b. Zobayr al-Assadi dia nandrafitra tononkalo iray mikasika ny nahamaritiora an'i Mouslim b. 'Aqil (ra) sy i Hani b. 'Orwah (ra) mivaky toy izao :

« Raha ianao no tsy mahay ny atao hoe
fahafatesana, dia diniho

i Hani tao an-tsena toy izany koa Ibn 'Aqil
Ireo mahery fo, ny anankiray izay ny tarehiny
dia voafiran'ny sabatra

Ny anankiray hafa dia potipotika novonoina
avy eny ambony [ny lapa].

Izany moa dia didin'ny governora izay
nahatonga ny fahapotehan'izy ireo

Ary lasa lovan-tsofina ara-tantara izy ireo ho
an'ireo izay mandehandeha manerana ny
vazantany rehetra.

Hitanao ny vatana iray izay miova endrika
noho ny fahafatesana

Sy noho ny fahaverezan-drà betsaka.

Izy dia lehilahy tanora manana fahatsorana
lehibe, Mihoatra ny vehivavy tanora saro-
kenatra

Fa na izany aza, dia mahery fo mihoatra ny
lela maranitry ny sabatra.

Asma ve mitsangatsangana an-tsoavaly
mandeha Miadana am-pilaminana

Mandritra izany fotoana izany i Maz-hij
manenjika azy mba hitady valifaty ?

Ireo Morad rehetra dia niodidina azy

Mpanara-maso mpanontany izany foana na
anontaniana.

Raha ianareo no tsy mitady hamalifaty ireo
rahalahinareo anankiroa ireo

Dia mitoera àry ianareo ho vehivavy janga,
ataovy mahafa-po anareo izay zavatra kely. »

IREO LOHA TAPAKA NALEFA ANY AMIN'I YAZID

Taorian'ny nahafaty an'i Mouslim (ra) sy i
Hani (ra), dia nalefan'i 'Obaydollah b. Ziyad tany
amin'i Yazid b. Mo'awiyah ny lohan'izy ireo
niaraka tamin'i Hani b. Abi Hayyah al-Wadi'i sy
Zobayr b. Arwah al-Tamimi ary niangaviany ny
mpanoratrany mba hanoratra taratasy iray ho

an'i Yazid mikasika ny zava-nitranga tamin'i Mouslim sy i Hani.

Ilay mpanoratra, izay tsy iza fa i 'Amr b. Nafi', dia nanoratra taratasy lava. Izy no voalohany nanoratra taratasy lava indrindra. Nefa raha vao notopazan'i 'Obaydollah maso izany, dia tezitra izy ary nilaza hoe : « Izany halavany izany no sady tsinontsinona ! Aleo izao no soraty :

“Dera ho an'i Allah izay nanome ny fahefany ho an'ilay Lehiben'ireo mpino sy izay namonjy azy mba handresy ireo fahavalony. Izaho dia mampahafantatra an'ilay Lehiben'ireo mpino fa i Mouslm b. 'Aqil dia nialokaloka tao an-tranon'i Hani b. 'Orwah al-Moradi. Nandefa mpitsikilo sy mpanara-maso miafina aho mba ahafahako mahita azy ireo. Notahian'i Allah aho ka nahafehy azy ireo ary vokatr'izany dia nasaiko nosamborina izy ireo sy notapahan-doha. Alefako aty aminao ny lohan'izy ireo amin'ny alalan'i Hani b. Abi Hayyah sy Zobayr b. Arwah al-Tamimi izay samy olona tsotra, fatra mpitandrina no sady namana mpankato izy roa ireo. Aoka anie ny Lehiben'ireo mpino hanontany azy ireo arak'izay tiany mikasika ity raharaha ity, fa mahafantatra momba izany izy ireo, mpilaza ny marina, feno fahalalana sy madio fo. Fiadanana anie ho anao.” »

NY VALINTENIN'I YAZID

Namaly azy tamin'ny alalan'ny taratasy i Yazid :

« Tsy nihoa-pefy akory ianao fa arak'izay nilàko azy ! Nanao izany tamin-kasahiana tokoa ianao sy tao anatin'ny herim-po sy fitoniana. Tafavoaka ianao, mahavita azy ary nasehonao ny tiako ataonao sy ny hevitra momba anao. Nantsoiko ireo irakao mba hanontaniako azy ireo sy hiresahako miaraka amin'izy ireo. Hitako fa ireo filazan'izy ireo sy ny fahadiovam-po dia mifanaraka amin'izay nosoratanao. Ento amin'ny hatsaram-po izy ireo.

Nisy nampahafantatra ahy fa i Houssayn dia niainga ho any Irak. Mametraha ianao toerana ho fanarahamaso sy fiarovana ara-tafika. Hidio antrano ireo olona mampisalasala ary vonoy avy hatrany raha vao mampiahiahy anao. Mandefasa taratasy amiko raha vao manam-baovao ianao, raha sitrak'i Allah izany. »

TOKO FAHAEFATRA : FIAINGAN'I HOUSSAYN (AS) NIALA TAO LAMEKA

Ny tolon'i Mouslim b. 'Aqil (ra) tao Koufa dia tamin'ny Talata faha-8 Zoulhijjah taona faha-60 ary maty novonina izy tamin'ny Alarobia faha-9 Zoulhijjah, andron'ny 'arafat. Fa i Hossayn (as) kosa, dia nandao an'i Lameka ho any Irak, tamin'ny andron'ny Tarwiyyah, izay andro nanaovan'i Mouslim fikomiana, taorian'ny nitoerany tao Lameka nandritra ny andro sisa tamin'ny volana Sha'ban, ireo volana Ramadhan, Shawwal, Zoulqa'dah sy ny 8 andron'ny volana Zoulhijjah taona faha-60.

Nandritra ny fitoerany tao Lameka, ireo vahoakan'i Hijaz sy Bassorah dia tonga nitsidika azy ary niara-dia tamin'ny fianakaviany sy ireo mpiandany aminy.

Rehefa hiainga ho any Iraq i Houssayn (as), dia niodidina nanodidina ilay Trano masina izy, nivezivezy nanelanelana an'ireo tendrombohitr'i Safa sy i Marwa, niala tao anatin'ny Ihram ary nanova [ny fikasany hanao hadj] hanao 'omrah. Tsy afaka nanatontosa ny hadj hatramin'ny farany izy noho ny fahatahorany ny ho voasambotra ao Lameka ka alefa any amin'i Yazid b. Mo'awiyah. Arak'izany,

dia nandao haingana [an'i Lameka] izy niaraka tamin'ny fianakaviany, ireo zanany sy ireo mpanara-diany izay nanaraka azy. Tsy naheno ireo vaovao momba an'i Mouslim izy satria niala tao [Lameka] tamin'ny andro nanaovan'i Mouslim fitolomana, araka ny efa nolazaintsika teo aloha.

FIHAONANA TAMIN'I FARAZDAQ ILAY MPANAO TONONKALO

Nitantara i Farazdaq, ilay mpanao tononkalo nanao hoe : « Tamin'ny taona faha-60, nanatanteraka hadj niaraka tamin'ny reniko aho. Teo ampitarihana ny ramevany aho no tafahaona tamin'i Houssayn b. 'Ali (as) teo ampidirana ny faritra masina [ny tanànan'i Lameka]. Ity farany dia lasa nandao eny fa na dia niaraka tamin'ny sabatra sy ny fiarovan-tena tanteraka aza izy.

Nanontany aho hoe : “An'iza ity andian'ny mpandeha ity ?”

Nisy namaly ahy hoe : “An'i Houssayn b. 'Ali.”

Nandeha nijery azy aho ary niarahaba azy nialohan'ny nitenenako taminy hoe : “Allah anie hanaiky ireo voadinao sy hanatanteraka ireo fanirianao. Ny ray aman-deniko anie hanao sorona ho anao, ry zanak'ilay Irak'i Allah !

Nahoana ny fahamaikàna toy izao no tsy hanatanterahanao ny hadj ?”

Namaly izy hoe : “Raha tsy mandeha haingana aho, dia ho voasambotra.”

Avy eo izy nanontany ahy hoe : “Iza moa ianao ?”

Namaly aho hoe : “Lehilahy iray avy amin’ireo arabo.”

Ifantàna amin’i Allah, fa izy dia tsy te hiditra lalina amin’ny fifankafantarana.

Avy eo dia nanontany ahy izy : “Lazao ahy ireo olona [izay navelanao] aorianao.”

Hoy aho hoe : “Ianao dia nanontany amin’ilay olona izay tena mahafantatra tsara ny toe-javatra. Ny fon’ireo vahoaka dia miaraka aminao nefa ny sabatr’izy ireo dia manohitra anao. Nidina avy any an-danitra ny didy ary i Allah dia hanao izay sitrany ! ”

Hoy izy hoe : “Marina ny voalazanao, i Allah no tompon’ny didy. Ary isan’andro ny Tompontsika dia amperin’asa foana. Raha ny didy avy any an-danitra no mifanaraka amin’izay irintsika amin’izay fotoana izay isika dia manome voninahitra an’i Allah noho ireo Fahasoavany ary Izy no italahoantsika fitahiana mba hisaorana Azy. Fa raha ny didin’i Allah no

manohitra ny fanantenana, dia izay manana ireo fikasana marina sy manana fitondran-tena mendrika [ary manam-pinoana] dia tsy mba malahelo.”

Niteny kosa aho hoe : “Eny, Allah anie hanaiky ireo faniriana sy hiaro anao amin’izay zavatra atahoranao.” Taorian’izay aho dia nametraka ireo fanontaniana taminy mikasika ny fomba fanaovana voady [atao ho an’i Allah] sy ny fomba fanatanterahana fivahinianana masina ary namaly ahy izy.

Avy eo izy dia nanome baiko amin’ny fiaingan’ily andiana mpandeha, sy niteny tamiko hoe : “Ny fiadanana anie ho amina.” Ary dia samy nifandao izahay. »

NY TARATASIN’I ‘AMR B. SA’ID

Raha nivoaka tao Lameka i Houssayn b. ‘Ali (as), dia nisakana ny lalany i Yahya b. Sa’id b. al-‘As niaraka tamin’ireo olony izay nirahin’i ‘Amr b. Sa’id b. al-‘As.

Hoy izy ireo taminy hoe : « Aoka ianao hivily lalana ! Ho aiza ianao ? » Tsy nanaiky izany anefa izy.

Nifandona ireo vondrona roa ireo sy nifamely amin’ny karavasy.

Nanohitra ankeriny mafy i Houssayn sy ireo namany nialohan'ny nanohizana ny dian'izy ireo mandra-pahatongavana tao Tan'im. Nifanena tamin'ny andiana mpandeha avy tany Yémen izy. Nangataka tamin'ilay tompon-dia izy, hanomezana azy rameva hofaina mba hitondrana ireo entany sy ny an'ireo namany. Nilaza ihany koa izy tamin'ireo izay niaraka tao amin'ilay andiana mpandeha hoe : « Ireo izay maniry te hiaraka aminay ho any Iraq, dia izahay no hanome valisoa azy ireo sy hikarakara azy ireo mandritra ny diantsika. Fa ieo izay maniry ny handao anay kosa mandritra ny fandehanana, dia homenay azy ireo ny tokony hilainy eny amin'ny halaviran-dàlana holalovany. » Arak'izany, dia nisy nanaraka azy ireo ny sasany fa ny hafa kosa dia tsy tahak'izany.

'Abdallah b. Ja'far (ra) dia nanoratra taratasy iray [ho an'i Housayn b. 'Ali (as)] izay nalefany niaraka tamin'ireo zanany roalahy dia i 'Awn sy i Mohammad :

« Izaho dia mangataka anao amin'ny alalan'i Allah mba handà [ity fandehanana ity] rehefa mamaky ny taratasiko. Izaho dia tena very hevitra amin'izao làlana izoranao izao satria izany dia mitarika any amin'ny fahafatesanao sy ny fianakavianao. Fa raha tonga aminao sahady ny fahafatesana ankehitriny, dia ho faty ny

fahazavan'ity Tany ity fa ianao manko no fanevan'ireo mpitarika sy fanantenan'ireo mpino. Aza manafaingana ny famindranao [eny am-pandehanana] fa tsy ho ela akory aho dia ho tonga aorian'ity taratasy ity. Fiadanana anie ho aminao ! »

'Abdallah b. Ja'afar nandeha nijery an'i 'Amr b. Sa'id mba hiangavy azy hanoratra ho an'i Houssayn taratasy fifanekena momba ny fiantohana ny fandriam-pahalemana ho azy sy fiangaviana azy mba hiverin-dàlana. Arak'izany, i 'Amr b. Sa'id nandefa taratasy nampitondrainy an'i Yahya b. Sa'id rahalahiny izay nahitana ny fampanantenana fa izy dia hitazona ny fifandraisana tsara aminy sy hiantoka ny fandriam-pahalemana ho azy.

Yahya sy i 'Abdallah b. Ja'afar dia lasa nanaraka [an'i Houssayn (as)] fa ireo zanany roalahy kosa dia efa lasa nanaraka nialoha. Nomen'izy roalahy azy ilay taratasy no sady niezaka nandresy lahatra azy mba hiverin-dàlana [any Lameka].

Nilaza izy [i Houssayn (as)] hoe : « Izaho nahita an'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) tamin'ny alalan'ny nofy ka nanome ahy adidy iray izy izay ho tanterahiko. »

Nanontany azy izy ireo hoe : « Inona izany [adidy azonao tamin'ny] nofy izany ? »

Houssayn (as) namaly hoe : « Izaho tsy hilaza izany amin'ny olona ary tsy hanao izany mandrapihaonako amin'ny Tompoko. »

Rehefa kivy tamin'ny fandresen-dahatra azy i 'Abdallah b. Ja'afar, dia nandidy an'ireo zanany roalahy, i 'Awn sy i Mohammad mba hiaraka amin'i Houssayn (as) mandritra ny fandehanana sy hiady amin'ny fiarovana azy. Avy eo izy dia niverina tany Lameka niaraka tamin'i Yahya b. Sa'id.

TOKO FAHADIMY : IREO TOERAM- PIJANONANA TENY AN-DALANA MANKANY KOUFA

ZAT'IRQ

Houssayn (as) dia nanohy ny diany nankany Iraq. Nandeha haingana tsy ankijanona izy mandra-pahatongavany tao Zat'Iraq.

Rehefa fantatr'i 'Abaydollah b. Ziyad fa nandao an'i Lameka ho any Koufa i Houssayn (as), dia naniraka an'i Houssayn b. Nomayr, ilay lehiben'ireo mpitandro filaminana izy mba ho any Qadissiyyah sy hanao fanarahamaso henjana, amin'ny alalan'ny fametrahana ireo miaramila an-tsoavaly eo anelanelan'i Qadissiyyah sy Khaffane sy eo anelanelan'i Qadissiyyah sy Qoutqoutana. Nampahafantatra an'ireo vahoaka ihany koa izy nanao hoe : « Indro i Houssayn fa mizotra mankany Iraq. »

HAJIR

Rehefa tonga tao Hajir manakaiky an'i Batn al-Roummah i Houssayn (as), dia nandefa haingana an'i Qays b. Mouss-hir al-Saydawi nankany Koufa. [Ao amin'ireo tantara hafa,] dia milaza fa i 'Abdallah b. Yaqtor, rahalahiny ara-pinonoana no nalefany. Houssayn (as) moa dia tsy mbola

naheno ny vaovao momba ny nahamaritiora an'i Mouslim b. 'Aqil (ra).

Tamin'ny alalan'ilay irany no nandefasany taratasy iray ho an'ireo vahoakan'i Koufa :
« Amin'ny Anaran'i Allah, Ilay Be Fiantrana, Ilay be Indrafo

Avy amin'i Houssayn b. 'Ali ho an'ireo rahalahiny mpino sy silamo,

Fiadanana anie ho aminareo. Deraiko i Allah, fa ankoatr'Azy dia tsy misy Andriamanitra hafa. Voaraiko soa aman-tsara ilay taratasy nalefan'i Mouslim b. 'Aqil izay nanambara tamiko ny hevitrareo marina sy ny fiombonan-kevitry ireo vahoaka mba hanampy anay sy hiaro ny zonay. Angatahiko amin'i Allah mba hizoran'izany noho ny fitiavana anay ary [ary Izy] no hamaly soa anareo amin'ny alalan'ny valisoa lehibe tokoa.

Mizotra mankany aminareo aho niainga avy tao Lameka izay nilaozako tamin'ny Talata faha-08 Zoulhijjah, andron'ny Tarwiyyah. Rehefa tonga aty aminareo ilay irako dia aoka ianareo hahery fo sy ho tompon'andraikitra amin'ny adidinareo. Ho avy aty aminareo amin'ny andro manaraka aho. Fiadanana sy famindrampon'i Allah anie ho aminareo ! »

Mouslim dia nandefa taratasy iray ho azy, fito ambiny roapolo andro nialohan'ny namonoana azy. Ireo vahoakan'i Koufa dia nanoratra ihany koa toy izao : « Eto dia sabatra iray hetsy no miaraka aminao. Aza ela ianao. »

Qays b. Mouss-hir, ilay nitondra taratasin'i Houssayn (as), dia nanohy ny diany nankany Koufa mandra-pahaongavany tao Qadissiyyah izay toerana nanakanan'i Houssayn b. Nomayr azy sy nitondrany azy nankany amin'i 'Obaydollah b. Ziyad. Ity farany dia nilaza hoe :

« Miakara eny ambony lapa ary tevatevao ilay mpandainga, i Houssayn b. 'Ali. »

Niakatra i Qays, nidera sy nanome voninahitra an'i Allah, avy eo izy niteny hoe : « Ry vahoaka, Houssayn b. 'Ali (as) no zava-boaharin'i Allah mendrika indrindra sy zanak'i Fatima, ilay zanakavavin'ny Irak'i Allah. Izaho no iraka nalefany aty aminareo. Aoka ianareo hamaly ny antsony. » Avy eo izy dia nanozona an'i 'O baydollah b. Ziyad sy ny rainy ary nitalaho famindram-po ho an'i 'Ali b. Abi Talib sy nivavaka ho azy.

'Obaydollah dia nanome baiko mba handatsahana azy avy eny ambony lapa. Arak'izany, dia nalatsaka izy ka [maty] potipotika ny vatany.

Misy mitantara fa izy dia nalatsaka [avy eny ambony lapa] nofatorana, ireo taolany dia tapatapaka na dia mbola velona aza izy, fa i 'Abd al-Malik b. 'Omayr al-Lakhmi no nanapaka ny tendany. Taty aoriana, dia nisy nanome tsiny an'ity farany noho izany fihetsiny izany, fa novaliany hoe : « Tiako mba hofaranana ireo fahoriany. »

VOVON-DRANON'IREO ARABO

Taorian'ny niatoany tao Hajir, i Houssayn (as) dia nanohy ny diany nankany Koufa mandrapahatongavany teo amin'ny vovon-dranon'ireo Arabo, izay nahitana an'i 'Abdallah b. Mouti' al-'Adawi nijanona tamin'io toerana io. Rehefa nahatazana an'i Houssayn (as) izy dia nanatona azy ary niteny hoe : « Hanao sorona ho anao anie ny ray aman-dreniko, ry zanak'ilay Irak'i Allah. Inona no hahatongavanao eto ? » [Tamin'io fotoana io] izy dia sady manampy an'i Houssayn (as) midina avy eo ambony soavaliny.

Namaly i Houssayn (as) hoe : « Efa henonao tokoa ny vaovao mikasika ny fahafatesan'i Mo'awiyah. Arak'izany, ireo vahoakan'Iraq dia nanoratra tamiko niangavy ahy mba ho tonga any amin'izy ireo. »

‘Abdallah b. Mouti’ dia niteny hoe : « Miantso anao amin’ny alalan’i Allah aho, ry zanak’ilay Irak’i Allah, fa ny fahamasinan’ny islam dia ho voavetaveta ! Miangavy mafy anao amin’ny alalan’i Allah aho ho voninahitr’ireo Arabo ! Ifantàna amin’i Allah, fa raha ianao no mitaky izay eo ampelan-tanan’ireo Bani Omayyah, dia hovanoin’izy ireo ianao. Ary raha mahafaty anao izy ireo, dia tsy hanana fahatahorana intsony mihitsy [amin’ny famonoana] na iza na iza. Ifantàna amin’i Allah, fa ny fahamasinan’ny islam no ho voavetaveta, ny voninahitr’ireo Korayshita sy an’ireo Arabo no halaina ankeriny. Aza manao toy izao ianao. Aza mankany Koufa ianao ary aza manao vy very ny ainao amin’ireo Bani Omayyah. » Nefa izy [i Houssayn (as)] dia nandà izany sy nikiry ny handeha hatrany.

NANOME BAIKO IBN ZIYAD MBA HANAOVANA ANDRY MASO IREO LÀLANA

[Nandritra izany fotoana izany,] dia nanome baiko i ‘Obaydollah b. Ziyad mba hanaovana andry maso ireo faritra rehetra miditra ao amin’i Waqissa, ny làlana mankany Syria sy ny mankany Bassorah. Ireo olony dia tsy mamela ny olona hiditra na hivoaka ao amin’ireo faritra ireo.

Tsy nampihetsi-pon'i Houssayn (as) akory izany fa dia nanohy ny làlany izy. Teny andàlana, dia nifanena tamin'ireo arabo izay nanontaniany ireo vaovao. Namaly izy ireo hoe : « Ifantàna amin'i Allah, fa izahay dia tsy manambaovao afa-tsy ny tsy fahafahanay miditra sy mivoaka. »

Avy eo i Houssayn (as) dia nanohy ny diany.

ZOHAYR B. QAYN NANARA-DIA AN'I HOUSSAYN (AS)

Vondron'olona iray avy amin'ireo fokon'ireo Fazarah sy Bajilah dia nitantara hoe :

« Izahay dia tafara-dia tamin'i Zohayr b. Qayn al-Bajali nanomboka ny fialanay tao Lameka ary izahay dia niara-niainga tamin'ny fotoana niaingan'i Houssayn (as). Ary tsy misy zavatra mampisafoaka anay mihoatra ny fiarahanay nijanona tamin'ny toerana nijanonany. Fa tamin'ny toerana izay nijanonan'i Houssayn (as) no tsy maintsy nijanonanay ihany koa. Houssayn (as) nijanona tamin'ny faritra ilany ary izahay dia teo amin'ny faritra andaniny. Tamin'ny fotoana nipetrahanay sy nisakafoananay, dia indro ny irak'i Houssayn nanatona anay, niarahaba anay, ary niditra [tao amin'ny tranolay] dia hoy izy hoe : “Ry Zohayr b. Qayn ! Abou ‘Abdillah Houssayn no naniraka ahy ho ety aminao mba

hankanesanao any aminy.” [Teo ampandrenesana izany teny izany,] ny tsirairay taminay dia nahalatsaka izay zavatra teo antanany sahala amin’ny hoe, nisy vorona teo ambony lohanay !

Ny vadin’i Zohayr b. Qayn dia nilaza taminy hoe : “Allah, Ilay Fahadiovana lafatra ! Ny zanak’ily Irak’i Allah no miangavy anao mba hijery azy nefa ianao tsy mba mankany aminy ! Nahoana ianao no tsy mandeha mijery azy sy mihaino izay holazainy aminao, avy eo ianao miverina ?”

Noho izany, i Zohayr b. Qayn dia nandeha nijery azy, ary afaka fotoana vitsy avy eo, dia niverina izy nanana fahavitrihana sy endrika miramirana.

Nasainy navalona ny tranolay, nampirimina ireo fitaovana ary nofatorana ireo entana. Izany no natao nialohan’ny nitaterana izany teo anatrehan’ny [mpiray dia amin’i] Houssayn (as).

Avy eo izy niteny tamin’ny vadiny hoe : “Malalaka ianao izao (isaorako ampanambadiana ianao). Miverena any amin’ny fianakavianao fa tsy tiako hahita loza ianao noho ny amiko. Ny hahasoa anao ihany no faniriako.”

Niteny tamin'ireo namany izy hoe : “ Izay te hanaraka ahy dia avia ! Fa raha tsy izany dia izao no farany hifankahitantsika ! Hilaza aminareo tantara iray aho : izahay dia niady tao al-Bahr, dia nomen'i Allah fandresena izahay ary nahababo harena izahay. Tamin'izay fotoana izay, i Salman persianina (ra) dia niantso hoe : “Mahafaly anareo ve ilay fandresena izay nomen'i Allah anareo sy ireo harena babo azonareo ?” Namaly izahay hoe : “Eny.” Avy eo izy [i Salman] nanohy ny teniny : “Raha ianareo no tonga miatrik'ady izay ataon'ireo tanora ao amin'ny fianakavian'ny [Mpaminany] Mohammad, dia aoka ianareo hifaly amin'ny ady ataonareo eo anilan'izy ireo mihoatra ny fahazoanareo ankehitriny ireo harena babonareo ireo. Fa ny avy amiko kosa, dia ankiniko amin'i Allah ianareo !” »

Nilaza izy ireo [ireo mpitantara] hoe : « Ifantàna amin'i Allah, fa nijanona niaraka tamin'i Houssayn (as) izy hatramin'ny nahafaty maritiora azy. Hamindrafo azy anie Allah. »

ZAROUD

‘Abdallah b. Solayman al-Assadi sy Mounzir b. Moshma'ill al-Assadi dia nitantara toy izao :

« Taorian'ny nanatanterahana ny hadj, dia tsy nisy zava-dehibe teo aminay afa-tsy ny fanarahanay an'i Houssayn (as) teny an-dàlana

mba hijerenay izay zavatra hanjo azy. Noho izany, dia nanafaingana ny famindran'ireo ramevanay izahay mandra-pahatratraranay azy tao Zaroud. Rehefa nanatona azy izahay, dia nahatazana tsy dia lavitra, lehilahy iray avy any Koufa izay niova làlana raha vao nahita an'i Houssayn (as), fa ity farany moa dia niato kely sahala amin'ny te hiresaka aminy. Nefa lasa nandeha nanohy ny làlany ihany izy. Notratrarinay izy ary dia nisy iray taminay no niteny tamin'iray hafa hoe : “ Ndao hanatonana izy mba hanontaniana raha manana vaovao avy any Koufa.”

Natoninay izy ary niteny izahay hoe : “Fiadanana anie ho aminao.”

Namaly izy hoe : “Ho aminareo anie ny fiadanana.”

Nanontany izahay avy eo hoe : “Avy amin'ny foko inona ianao ?”

Hoy izy namaly hoe : “Izaho dia Assadi [avy amin'ny fokon'ireo Assad].”

Hoy izahay hoe : “Izahay koa dia Assadi. Fa iza ianao ?”

Namaly izy hoe : “Izaho no Bakr zanaky ranona.”

Nolazainay taminy ihany koa ny firazananay. Avy eo izahay nanontany azy hoe : “Lazao aminay ny mikasika ireo vahoaka [izay navelanao] any aorianao [any Koufa].”

Namaly izy hoe : “Efa niala tao Koufa aho taorian’ny namonoana an’i Mouslim b. ‘Aqil sy i Hani b. ‘Orwah. Tena hitako izy ireo notaritarihina amin’ny tongotra teo antokontanin’ny tsena !”

Lasa nanohy [ny làlanay] izahay mandrapahatratrarany an’i Houssayn (as), avy eo izahay dia niara-nanohy ny dianay hatramin’ny toerana niatoany. »

THA’LABIYYAH

[‘Abdallah b. Solayman al-Assadi sy i Mounzir b. Moshma’ill al-Assadi dia nitantara toy izao :]

« Nijanona tao Tha’labiyyah izy nony takariva. Nandeha nijery azy tamin’ny toerana nijanonany izahay ary niarahaba azy. Namaly ny fiarahabanay izy, avy eo hoy izahay taminy hoe : “Hamindrafo aminao anie i Allah. Manambaovao tokoa izahay : raha sitrakao dia hambaranay ampahibemaso izany fa raha tianao holazainay amin’ny mangingina dia hataonay izany.”

Nitodika nanopy maso taminay izy vao nijery ireo namany ary hoy izy : “Tsy misy tsiambaratelo eo amintsika.”

Nilaza taminy izahay hoe : “Tsaroanao ve ilay mpandeha izay nifanena taminao ny omaly hariva ?”

Hoy izy hoe : “Eny, izaho dia te hanontany taminy [ireo vaovao].”

Hoy izahay hoe : “Ifantàna amin’i Allah, fa izahay dia tsy namela anao hanontany vaovao taminy sy nanafaka anao tamin’izany. Iny lehilahy iny dia avy amin’ireo fokonay, olon-kendry, marina sy kinga-saina izy. Nolazainy taminay fa izy dia efa niala tao Koufa taorian’ny namonoana an’i Mouslim sy i Hani, ary hitany izy ireo izay notaritarihina tamin’ny tongotr’izy ireo teo an-tokontanin’ny tsena !”

Hoy izy hoe : “Marina fa isika dia an’i Allah, ary any Aminy no hiverenantsika, ny famindrampon’i Allah anie ho amin’izy roa ireo” fa naverimberiny imbetsaka izany.

Hoy izahay taminy hoe : “Izahay dia mitalaho amin’i Allah ho anao sy ny fianakavianao, manomboka eto mihitsy, dia mijanona [amin’ny fanohizan-dàlana], fa ianao dia tsy manana mpanohana sy namana ao Koufa. Matahotra aza

izahay sao dia izy ireo indray no hanohitra anao !”

Nitodika tamin’ireo zanak’i ‘Aqil izy sy nanontany azy ireo hoe : “Ahoana ny hevitrareo, fa i Mouslim dia efa maty novonoina ankehitriny ?”

Namaly ireto farany hoe : “Tsia, ifantàna amin’i Allah, fa izahay dia tsy hiverin-dàlana raha tsy efa nahavalifaty na maty [maritiora] tahak’azy !”

Nijery anay i Houssayn (as), avy eo dia niteny hoe : “Aorian’izy ireo [Mouslim sy i Hani], ny manohy ny fiainana dia zava-poana.”

Arak’izany, dia mazava aminay fa ny hanohy ny fandehanana no fanapahan-keviny. Noho izany, dia hoy izahay taminy hoe : “Allah anie no hisafidy izay hahasoa anareo.”

Namaly izy hoe : “Hamindrafo aminareo anie i Allah.” »

Avy eo ireo niray dia taminy dia nilaza taminy hoe : « Ifantàna amin’i Allah, fa ianao dia tsy i Mouslim b. ‘Aqil ! Rehefa ianao tonga any Koufa, dia hivondrona haingana ho eo anilanao ireo vahoaka. »

Fa nangina tsy niteny i Houssayn (as).

Ary dia niandry mandra-pahatongavan'ny maraina izy sy nilaza tamin'ireo tanorany sy ireo mpanompony nanao hoe : "Mivatsia rano feno ianareo." Noho izany izy ireo dia samy niala hetaheta sy nivatsy rano betsaka nialohan'ny niaingana. Nanohy ny dia izy ireo mandra-pahatongavana tao Zobalah.

ZOBALAH

[Tao Zobalah,] nilatsaka ny vaovao mikasika ny nahamaritioran'i 'Abdallah b. Yaqtor. Tamin'izany fotoana izany, izy dia namoaka taratasy iray izay novakiany ho an'ireo olona ireo :

"Amin'ny anaran'i Allah, Ilay Be Fiantrana, Ilay be Indrafo. Ny vaovao mampalahelo momba ny famonoana an'i Mouslim b. 'Aqil, i Hani b. 'Orwah sy i 'Abdallah b. Yaqtor dia tonga amintsika. Ireo mpanara-dianay dia nandao anay, noho izany, izay te handeha aminareo dia avela malalaka, tsy hampibabenay trosa akory izy."

Nanomboka nisavoritaka ireo olona ary niparitaka niankavanana sy niankavia, hany ka tsy misy olona tavela intsony afa-tsy ireo izay niara-dia taminy nanomboka tany Madina, sy olom-bitsy izay nanaraka azy.

Izany no nataony satria fantany fa ireo arabo mpifindrafindra fonenana ireo izay nanaraka azy, dia nihevitra fa izy [i Houssayn (as)] dia ho any amin'ny tanàna azony tamin'ny ady ka ireo mponina dia hankato azy, koa dia tiany izy ireo mba hahafantatra ny fiafaran'ny dian'izy ireo eo am-panarahana azy.

Nony tonga ny maraina, dia nanome baiko an'ireo mpiray dia aminy izy mba hiala hetaheta sy hivatsy rano betsaka, avy eo izy nanohy ny dia mandra-pahatongavana tao Batn al-'Aqabah.

BATN AL-'AQABAH

Tao i Houssayn (as) no niato ary tao izy no nifanena tamin'ny lahy antitra iray avy amin'ny fokon'ireo 'Ikrimah, mitondra ny anarana hoe 'Amr b. Lawzane. Nanontany azy ity farany hoe : « 'Ndeha ho aiza ianao ? »

Houssayn (as) namaly azy hoe : « Ho any Koufa. »

Niteny taminy ilay lahy antitra hoe : « Miangavy anao amin'ny alalan'i Allah aho mba hamela [ny fanohizanao ny dia]. Ifantàna amin'i Allah fa ianao dia tsy manao afa-tsy ny hiantoraka eo amin'ireo lohan-defona sy lelan-tsabatra. Raha ireo vahoaka izay nangataka anao [mba ho tonga amin'izy ireo] ireo no nanafaka

anao amin'ny loza vokatry ny ady sy efa niomana amin'izany, dia rariny ny fandehananao any amin'izy ireo, fa araka ny toe-javatra misy izay nolazainao teo, dia tsy mamporisika anao amin'ny fanohizanao ny lâlana aho ! »

Hoy izy taminy hoe : « Ry mpanompon'i Allah ! [Izany hevitra] izany dia tsy miafina amiko. Ny hevitra [marina] dia izany hevitrao izany nefa i Allah, Ilay Avo Indrindra, dia tsy mba azo toherina mihitsy amin'ny fanapahan-keviny. » Avy eo nanohy ny teniny izy hoe : « Ifantàna amin'i Allah, fa izy ireo dia tsy hamela ahy akory raha tsy ny ràko mihitsy no halatsak'izy ireo. Ary raha hanao izany izy ireo, dia i Allah no hametraka eo amin'izy ireo olona iray izay hanandevo sy hampietry azy ireo mandra-pahatonga azy ireo ho lasa vahoaka tena afa-baraka. »

SHARAF

Avy eo dia niala tao Batn al-'Aqabah izy ka tonga tao Sharaf. Nony maraina, dia nanome baiko an'ireo tanorany izy mba hiala hetaheta sy hameno ny rano, avy eo izy dia niainga ary nizotra haingana teny an-dàlana, nanomboka ny maraina ka hatramin'ny atoandro.

Rehefa teny am-pandehanana izy ireo, dia nisy iray tamin'ireo mpanara-diany no niteny mafy nanao hoe : « Allah no Lehibe Indrindra ! »

Hoy i Houssayn (as) hoe : « Allah dia Lehibe Indrindra. Nahoana ianao no miteny mafy ny takbir ? »

Namaly izy hoe : « Nahita ireo fototr'antrendry aho. »

Ny vondron'olona tamin'ireo mpanara-diany dia nilaza hoe : « Ifantàna amin'i Allah, fa izahay dia tsy nahita velively izany fototr'antrendry izany amin'ity toerana ity. »

Nanontany i Houssayn (as) hoe : « Fa inona no fiheveranareo ny hitanareo ? »

Namaly izy ireo hoe : « Ifantàna amin'i Allah, fa izahay dia mihevitra izany ho sofin'ireo soavaly. »

Hoy izy [i Houssayn (as)] hoe : « Izaho koa, fa ifantàna amin'i Allah dia mihevitra toy izany. » Ary nanohy ny teniny izy hoe : « Ianareo ve mahafantatra toerana iray afaka ataontsika fiarovana, amin'ny fomba izay azo hiankinantsika ka ireto olona ireto no lasa manatrika eo anoloantsika daholo ? »

ZOU HISMA

Namaly azy izahay [‘Abdallah b. Solayman sy i Mounzir b. Moshma’ill] hoe : « Eny tokoa, ireo anilanao ireo i Zou Hisma. Aoka ianao hivily lalana mankany ankavianao, ary raha ianao no tonga alohan’izy ireo, dia ho [tsara toerana] arak’izay novinavinainao. »

Nizotra nankany ankavia izy ary izahay dia nivily làlana niaraka taminy. Tsy ela akory ireo lohan-tsoavaly dia efa tazana tsara. Niharihary teo aminay ny tena zava-misy marina, noho izany dia tsy maintsy niova làlana tokoa izahay. Rehefa tazan’izy ireo fa nivily làlana izahay, dia niova làlana nizotra nanatona anay izy ireo. Ireo lefon’izy ireo dia tazana tahak’ireny andiana bibikely ireny ary ireo saina fanevan’izy ireo dia toy ireo elatry ny vorona.

Arak’izany, dia tonga teo amin’i Zou Hisma talohan’izy ireo izahay satria nandeha nialoha azy ireo. Niangavy i Houssayn (as) mba hananganana ireo tranolay ka dia natsanganay tokoa izany.

Nanatona hatrany ireo olona ireo, eo ho eo amin’ny miaramila mpitaingin-tsoavaly arivo no isan’izy ireo izay teo ambany fibaikoan’i Horr b. Yazid al-Tamimi, mandra-pijanonan’ity farany, izy sy ny soavaliny teo anatrehan’i Houssayn

(as), tao anatin'ny hafananan'ny andro mitatao vovonana. Houssayn (as) sy ireo mpiray dia aminy dia manao fehiloha, ny sabatr'izy ireo dia eo am-balahana.

Houssayn (as) niteny tamin'ireo olony ireo nanao hoe : « Omeo rano ireto olona ireto, ataovy afaka hetaheta izy ireo ary ampisotroy rano koa ireo soavaly. »

Nanatanteraka izany ireo olony. Nofenin'izy ireo rano ireo lovia sy ireo siny, nampanatonina ireo soavaly, ary rehefa nisotro in-telo, in-efatra na in-dimy migoka lehibe amin'ny fitelemana indray mandeha fotsiny ny soavaly tsirairay, dia esorin'izy ireo mba hampisotroana ny hafa manaraka ka toy izany hatrany mandrapisotroan'ireo soavaly rehetra.

'Ali b. Ta'ane al-Moharibi dia nitantara hoe : « Tamin'io andro io, izaho dia niaraka tamin'i Horr. Izaho no farany nanaraka ny miaramilany mpitaingin-tsoavaly. Rehefa i Houssayn (as) no nahatsikaritra ny hetahetako mafy sy ilay soavaliko, dia hoy izy hoe : "Apetraho ny "rawiyah."

Io voabolana io amiko dia midika ho : kitapon-drano. [Izany hoe tsy mazava amiko ny dikany.]

Niteny indray izy hoe : “Ry zanako ! Ataovy mipetraka ny rameva.”

[Azoko ny tiany hambara ka noho izany] dia nataoko nipetraka izy.

Avy eo dia hoy izy : “Misotroa àry ankehitriny.”

Tamin’izay indrindra, rehefa nikasa ny hisotro aho dia nivoaka ny rano avy tao amin’ily kitapon-drano.

Niteny i Houssayn (as) hoe : “Atongilano mankany aminao izy.”

Nefa tsy haiko ny fomba fanaovana azy.

Arak’izany, dia nitsangana izy, [nanakaiky ahy] ary nanongilana ilay kitapon-drano nankaty amiko. Koa dia afaka nanala ny hetahetako aho sy ilay soavaliko. »

Horr b. Yazid dia tonga tany Qadissiyyah tamin’ny fotoana nanirahan’i ‘Obaydollah b. Ziyad tany an-toerana an’i Houssayn b. Nomayr mba hitazona azy. Horr b. Yazid, miaraka amin’ireo [miaramila] arivo lahy eo ambany fifehezany, no nankeo anoloana mba hifanatrika amin’i Houssayn. Nijanona teo akaikin’i Houssayn (as) izy hatramin’ny fahatongavan’ny fotoana fivavahana amin’ny mitatao vovona (Zohr). Tamin’izay, i Houssayn (as) dia niangavy

an'i Hajjaj b. Masrour mba hanao ny antso ho an'ny fanompoam-pivavahana ary tamin'ny fotoana fanaovana ny iqamah, dia tonga i Houssayn (as) nitafy lambabe, sy lamba lava tsisy tanany ary kapa.

Nidera sy nanome voninahitra an'i Allah izy ary niteny hoe :

« Ry vahoaka ! Izaho dia tsy nandeha aty aminareo raha tsy taorian'ny nandraisako ireo taratasinareo sy ireo irakareo niangavy tamiko hoe : "Tongava aty aminay fa tsy manana Imam izahay mba hampivondronan'i Allah anay ao anatin'ny fahitsina sy ny fahamarinana." Raha ianareo no mbola vonona amin'izany toetra izany dia ity aho fa tonga aminareo. Omeo toky aho fa ianareo dia hanaja ireo fampanantenana sy ireo fanekena nataonareo. Fa raha ianareo no tsy manao izany sy kianinareo ny fahatongavako dia hiverina any amin'izay niaviako aho. »

Nangina izy ireo ary tsy nisy nilaza na dia teny iray aza.

Avy eo izy dia niangavy ny mpanao azhan hoe : « Ataovy ny iqamah », dia nataony izany.

Niteny tamin'i Horr i Houssayn (as) hoe : « Hivavaka miaraka amin'ireo miaramilanao ve ianao ? »

Namaly izy hoe : « Tsia, tariho ny fivavahana fa izahay dia hivavaka miaraka aminao. »

Houssayn b. 'Ali (as) no nitarika ny fivavahana, avy eo izy dia niditra [tao an-tranolay] ary ireo namany nivory nanodidina azy.

Niverina teny amin'ny toerana nisy azy i Horr ary niditra tao amin'ny tranolay izay natao ho azy. Vondrona iray amin'ireo miaramilany no nivory nanodidina azy, fa ireo sisa [amin'ireo miaramilany] kosa dia niverina amin'ny laharan'ny tsirairay, avy eo ny isam-batan'olona dia nandray ireo tadin-tsoavaliny ka samy nipetraka teo amin'ny alony avy.

Tamin'ny fotoan'ny 'Asr (ny tolak'andro), dia nanome baiko i Houssayn b. 'Ali (as) mba hiomana amin'ny fiaingàna. Nanatanteraka izany ireo olony. Avy eo izy dia niangavy ny mpanao azhan mba hiantso ho amin'ny fivavahana 'Asr, ary nanao izany izy, avy eo nanao ny iqamah. Houssayn (as) dia nankeo aloha ary nitarika ny fivavahana. Ary taorian'ny fahavitan'izany, dia nitodika tamin'ireo vahoaka izy, nidera sy nanome voninahitra an'i Allah, ka niteny hoe :

« Ry vahoaka ! Marina fa, raha ianareo no matahotra an'i Allah sy mahalala ny zon'ireo izay mendrika izany, dia ho faly aminareo i Allah. Izahay no fianakavian'[ny Mpaminany] Mohammad ary izahay no tena manan-jo hanampahefana (wilayat) amin'izao raharaha (ny khilafat) izao eo aminareo noho ireo izay mihevitra ho manana izany zo izay tsy azy ireo izany no sady mampihatra eo aminareo ny haratsiam-panahy sy ny fanagejana. Raha ianareo no mankahala anay sy tsy mahalala ny zonay ary raha ny hevitrareo no samy hafa amin'izay nolazainareo tao amin'ireo taratasinareo izay tonga tamiko sy amin'izay nolazain'ireo irakareo taty amiko, amin'izay fotoana izay aho dia hanalavitra anareo ! »

Horr niteny taminy hoe : « Ifantàna amin'i Allah, fa tsy ananako fahalalana ireo taratasy sy ireo iraka izay tanisainao izany ! »

Niteny tamin'ireo mpiray dia taminy sasany i Houssayn (as) nanao hoe : « Ry 'Oqbah b. Sim'an, ento ireo kitapo anankiroa izay misy ireo taratasy nalefan'izy ireo tamiko. » Dia nentiny ireo kitapo anankiroa feno taratasy ka naparitany teo anatrehan'izy ireo.

Namaly i Horr hoe : « Izahay dia tsy mba anisan'ireo izay nanoratra ireo taratasy ireo taminareo. Izahay dia voairaka fotsiny fa raha

mifanena aminareo dia ny hitondra anareo any Koufa ho eny amin'i 'Obaydollah ! »

Namaly i Houssayn (as) hoe : « Ianao dia ho faty tokoa alohan'ny hitrangan'ny zavatra iray toy izany. »

Avy eo dia niteny tamin'ireo mpiray dia aminy izy hoe : « Mitsangana ianareo ary miakara eo amin'ny soavalinareo. »

Ary dia niakatra [teo amin'ireo soavaliny avy] izy ireo sy niandry an'ireo vehivavy ho tafakatra [teo amin'ny biby fitaingenany avy]. Avy eo izy dia nanome baiko ireo mpiray dia taminy hoe : « Arosoy ny dia. »

Raha vao nikasa ny hiainga anefa izy ireo, dia ireo miaramilan' [i Horr] no nanakana azy ireo.

Niteny i Houssayn (as) namaly an'i Horr hoe : « Aoka anie ny reninao halahelo mafy amin'izay hanjo anao ! Fa inona no tadiavinao ?! »

Namaly i Horr hoe : « Ifantàna amin'i Allah fa, raha arabo hafa ankoatr'anao no niteny izany tamiko ary izy dia ao anatin'ny toe-draharaha tahaka ny manjo anao izao, dia tsy nihafahafa koa aho nilaza ny reniny ho malahelo mafy amin'izay hanjo azy. Izany no lazaiko eo anatrehan'iza na iza. Nefa ifantàna amin'i Allah fa, izaho dia tsy afaka ny hiteny ny reninao [amin'ny fomba toy

izany], fa ny mifanohitra amin'izany, dia tsy afaka ny hiteny azy aho raha tsy amin'ny fomba tsara izay azoko atao ! »

Nanontany azy i Houssayn (as) hoe : « Fa inona àry no ilainao ? »

Hoy izy namaly hoe : « Ifantàna amin'i Allah fa, izaho mila hitondra anao any amin'ny governora 'Obaydollah b. Ziyad ! »

Namaly i Houssayn (as) hoe : « Raha izany kosa aloha dia ifantàna amin'i Allah fa, tsy hanaraka anao aho ! »

Niteny hatrany i Horr hoe : « Raha izany, dia ifantàna amin'i Allah fa, tsy havosotro ianao ! »

Nifamaly in-telo teo izy ireo. Rehefa niakatra ny feo teo amin'izy ireo, dia hoy i Horr hoe : « Izaho dia tsy nahazo baiko ny hiady amina fa ny toromarika voaraiko dia ny tsy handao anao mandra-pitondrasako anao any Koufa. Raha mandà [ny hanaraka ahy] ianao, dia mizora amin'ny làlan-kafa izay tsy mitondra anao mankany Koufa no sady tsy mamerina anao mankany Madina. Fifanarahana tsara eo amintsika roa izany [atolotro anao izany] mandra-panoratako ho an'ny governora fa ianao kosa etsy andaniny dia manoratra ho an'i Yazid na ho an'i 'Obaydollah. Antenaiko fa i Allah dia hanome tombontsoa ho ahy sy fahafahana ary

mba tsy ho voan'ny fitsapana amin'ity raharahanao ity anie aho. Mizora amin'ity làlana ity ianao, mankaty, ary mivilia avy eo ankavian'ny làlan'i 'Ozayb sy Qadissiyyah. »

Niainga tamin'ny diany i Houssayn (as), fa i Horr kosa dia nanaraka azy akaiky niaraka tamin'ireo namany. Nandeha haingana i Horr [hatreo amin'i Houssayn (as)] ary nilaza taminy hoe : « Ry Houssayn, mivavaka ho anao amin'i Allah aho, lazaiko marina fa raha miady ianao, dia ho faty ! »

Niteny amin'ny hatezerana i Houssayn (as) hoe : « Amin'ny alalan'ny fahafatesana no ampitahoranao ahy ?! Handeha foana ve ianao mandra-pamonoanao ahy ?! Izaho dia milaza aminao fotsiny izay voalazan'ity lehilahy avy amin'ny fokon'ireo Awss ity tamin'ny rahalahiny [zanak'olo-mpirahalalahy na mpirahavavy na mpianadahy] raha nihaona taminy izy, tamin'izy niomana ny handeha hanampy an'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany). Ilay rahalahiny [zanak'olo-mpirahalalahy na mpirahavavy na mpianadahy] dia te hampitahotra azy ka nilaza taminy hoe : "Ho aiza ianao ? Ho faty anie ianao !" »

Hoy izy namaly azy hoe :

“Hanohy ny làlako aho, [satria] ny
fahafatesana dia tsy mba henatra ho an’ny
tovolahy iray

Rehefa izy no mangetaheta ny Marina, dia
hitolona ao anatin’ny fankatoavana maha silamo
azy izy

[Rehefa] izy no mankahery ireo olony tsara
fanahy [eo ampanaovana sorona] ny ainy

Ary dia handao ny mpanota izy sy
hanalavitra ny ratsy fanahy

Raha mbola velon’aina aho, dia tsy hanana
fanenenana ary raha maty aho, dia tsy mba
hitaraina amin’izany

Mifanohitra amin’izany aza, fa ampy ho
zava-mahamenatra ho anao ny mbola velon’aina
eo anatrehan’ny tany.” »

Teo ampandrenesana izany teny izany i Horr
dia nisintaka. Nanohy ny làlany izy sy ireo
namany teny amin’ny làlana ilany, fa i Houssayn
(as) kosa dia nanaraka ny làlana hafa, mandra-
pahatongavana tao ‘Ozayb al-Hijanat.

QASR BANI MOQATIL

Houssayn (as) dia nanohy [ny làlany] mandra-
pahatongavana tao Qasr Bani Moqatil.

Nijanona tao izy ary tranolay iray lehibe no natsangana teo.

Nanontany izy hoe : « An'iza izy ity ? »

Nisy namaly azy hoe : « An'i 'Obaydollah b. Horr al-Jo'fi. »

Hoy izy : « Antsoy izy. »

Rehefa tonga teo aminy ilay iraka, dia hoy izy taminy : « Hossayn b. 'Ali miangavy anao mba ho tonga aminy. »

Namaly i 'Obaydollah b. Horr hoe : « Marina fa isika dia an'i Allah, ary any Aminy no hiverenantsika ! Ifantàna amin'i Allah fa, izaho irery no nandao an'i Koufa noho ny fandavana an'i Houssayn (as) hiditra any ka izany no antony maha-eto ahy izao. Ifantàna amin'i Allah fa, izaho tena marina dia tsy maniry ny hahita azy na izy no mahita ahy ! »

Niverina [tany amin'i Houssayn (as)] ilay iraka sy nampahafantatra azy. Nitsangana i Houssayn (as) ka lasa nijery azy. Niditra [tao amin'ilay tranolay] izy, niarahaba azy, nipetraka, ary dia niangavy azy mba hitsangana handeha hiaraka aminy. Nefa i 'Obaydollah b. Horr dia namaly tamin'ny alalan'ireo teny ireo ihany ! Arak'izany, dia nandà ny hamaly ny fiangaviany izy.

Niteny i Houssayn (as) hoe : « Raha ianao no tsy te hanampy anay tokoa, dia mba matahora an'i Allah ary aoka mba tsy hiaraka amin'ireo izay miady aminay. Ifantàna amin'i Allah fa, izay mahare ny antsoantsonay nefa izy tsy avy mba hanampy anay dia ho levona. »

Hoy i 'Obaydollah b. Horr hoe : « Tsy hisy velively izany, raha sitrak'i Allah. »

Avy eo i Houssayn (as) nitsangana, niverina sy niditra tao amin'ny tranolainy.

Tamin'ny faran'ny alina, i Houssayn (as) dia nanome baiko an'ireo tanorany mba hameno rano, sy niangavy anay mba hanainga ny dia. Arak'izany, izy ireo dia niala tao Qasr Bani Moqatil.

'Oqbah b. Sim'an dia nitantara hoe : « Rehefa izahay no niala tao Qasr Bani Moqatil sy nandroso kelikely, dia rendrema i Houssayn (as) ary dia nitolefika moramora ny lohany noho izany harendremany izany raha mbola teo ambony soavaliny izy, avy eo dia taitra izy ka niteny hoe : "Marina fa isika dia an'i Allah ary any Aminy no hiverenantsika. Dera ho an'i Allah, Tompon'izao tontolo rehetra izao." Naverimberiny in-droa na in-telo izany.

Ilay zanany, i 'Ali b. Houssayn (as) dia niroso haingana eo ambony soavaly hatreo aminy sy nanontany azy nanao hoe : "Ry raiko ! Nahoana ianao no nidera ny Tompo sy niteny hoe "Marina fa isika dia an'i Allah ary any Aminy no hiverenantsika ?"

Hoy izy hoe : "Ry zanako, ny lohako dia nitolefika moramora noho ny harendremana, miaramila an-tsoavaly iray niseho tamiko ka nilaza hoe : "Ireto olona ireto dia miroso hatrany nefa ny fahafatesana dia manatona azy ireo." Mazava amiko tamin'izay fotoana izay fa izy dia manambara amintsika ny fahafatesantsika marina."

Hoy izy [i 'Ali b. Houssayn (as)] taminy hoe : "Ry raiko, ho voaaro amin'ny haratsiana anie ianao, moa ve isika tsy ao anatin'ny fahamarinana ?!"

Namaly izy hoe : "Endrey fa tena izay tokoa, [ianianako] amin'Ilay any Aminy no hiverenan'ireo mpanompo."

Hoy izy [i 'Ali b. Houssayn (as)] hoe : "Ry raiko, amin'izay fotoana izay, dia tsy misy ny mampiahiahy antsika. Isika dia ho faty ao anatin'ny fahamarinana."

Hoy izy taminy : “Allah anie hanome anao valisoa tsara indrindra izay omeny ny zanaka mendrika mba [ho tombontsoan’] ny rainy.” »

Rehefa niposaka ny maraina mangirandratsy, dia nijanona izy ary nanatanteraka ny vavaka maraina. Niverina niakatra haingana [teo ambony soavaliny] izy ary nanohy ny diany niaraka tamin’ireo namany mba handositra [an’ireo miaramilan’i Horr]. Nefa i Horr b. Yazid sy ireo namany dia nanatratra azy ireo mba hamerina azy ireo, ary rehefa ity farany no nitady hamerina azy ireo ho any Koufa an-kasiahana, dia nikiribiby izy ireo ary naharesy tosika azy. Taorian’izany, dia lasa izy ireo nanohy ny dian’izy ireo mandra-pahatongavana tao Naynawa.

NAYNAWA

Ity no toerana izay nijanonan’i Houssayn (as). Indro, avy lavitra, miaramila an-tsoavaly iray avy tany Koufa nanatona ampitaingenana ny soavaliny, miaraka amin’ny fiadiana sy tsipika teo amin’ny sorony. Niato ny rehetra ary niandry azy. Nony tonga anefa izy, dia niarahaba an’i Horr b. Yazid sy ireo namany, fa tsy niarahaba akory an’i Houssayn (as) sy ireo namany. Natolony an’i Horr ny taratasy iray avy tamin’i ‘Obaydollah b. Zyad izay nanoratany toy izao :

« Raha vao voarainao ny taratasiko ary tonga any aminao ilay irako, dia sakano ny làlan'i Houssayn ka aza avela hijanona izy raha tsy efa tonga amin'ny toerana malalaka, tsy misy aloka sy rano. Nomeko baiko ilay irako mba hanaraka anao akaiky sy tsy hisaraka aminao mandrapilazany vaovao amiko fa notanterahinao an-tsakany sy an-davany tokoa ireo baikoko. Fiadanana ho anao. »

Taorian'ny namakiana ilay taratasy, dia hoy i Horr tamin'izy ireo : « Ity taratasin'ny governora 'Obaydollah, manome baiko ahy mba hanakana ny làlanareo amin'ny toerana izay andraisako ity taratasiny ity. Ity ilay irany izay nomeny baiko tsy hamela ahy mba ho azo antoka fa notanterahiko an-tsakany sy an-davany tokoa ireo baikony. »

Yazid b. Mohajir niteny taminy hoe : « Aoka anie ny reninao hitomany amin'alahelo noho ny ho avinao. Inona izao zavatra nentinao izao ? »

Namaly ilay iraka hoe : « Izaho dia mankato ny imam lehibeko ary manaja ny fanekep-pankatoavana nataoko taminy aho ! »

Yazid b. Mohajir dia namaly hoe : « Tsy mankato ny Tomponao ianao kanefa dia mankato ny imam lehibena izay mitarika any amin'ny

fahaverezanao. Arak'izany, ianao dia hahazo fahafaham-baraka sy ny afoben'ny [gehena] ! Ny imam lehibenao no ratsy indrindra amin'ireo imam. Allah, Ilay Tsitoha, dia nilaza hoe : **{Misy amin'izy ireo nataonay ho mpitarika izay miantso ireo olona ho any amin'ny afobe, ary any amin'ny andron'ny Fitsanganana, izy ireo dia tsy voavonjy.}**¹ Anisan'izany ny imam lehibenao ! »

Noteren'i Horr ireo olona mba hidina amin'ity toerana izay tsy misy rano sy tanàna ity.

Niteny taminy i Houssayn (as) hoe : « Avelao izahay hidina amin'ity tanàna ity, izany hoe i Naynawa, na itsy tanàna itsy, izany hoe i al-Gadhiriyah, na koa iry tanàna iry, izany hoe i Shifna. »

Namaly izy hoe : « Tsia ! Ifantàna amin'i Allah fa, tsy afaka hanao izany aho. Indro ilay olona izay nirahina mba hanaramaso ahy. »

Zohayr b. Qayn nilaza taminy [tamin'i Houssayn (as)] hoe : « Ifantàna amin'i Allah, izaho dia mieritreritra fa hihamafy noho izao ny toe-draharaha. Ry zanak'ilay Irak'i Allah, ny miady avy hatrany no mora kokoa amintsika amin'izao toe-javatra izao noho izay hitranga amintsika. [Ianianako] amin'ny fiainako, fa

¹ Ny boky masina Kor'any, 28:41

aorian'izao zavatra [manoloana anao] hitanao izao, dia ho avy eto amintsika [ny andian-tafika iray] ka tsy afaka ny hanohitra izany isika. »

Namaly azy i Houssayn (as) hoe : « Izaho dia tsy mba ilay olona hanangan'ady. »

Avy eo dia nidina izy, andro Alakamisy tamin'izay, andro faharoan'ny volana Moharram faha-61 taonan'ny Hijra.

Ny ampitson'iny [3 Moharram], i 'Omar b. Sa'd b. Abi Waqqas no nanarak'azy avy tany Koufa niaraka amin'ireo miaramila an-tsoavaly miisa efatra arivo. Nijanona izy tao Naynawa.

TOKO FAHAENINA : IBN SA'D TONGA NIHAONA TAMIN'I HOUSSAYN

FAHATONGAVAN'I 'OMAR B. SA'D TAO KARBALA

'Omar b. Sa'd dia te haniraka an'i 'Orwah b. Qays al-Ahmassi ho any amin'i Houssayn (as). Hoy izy taminy hoe : « 'Ndeha jereo izy ary hanontanio azy inona no hahatongavany aty. Inona no ilainy ? » 'Orwah anefa dia anisan'ireo izay nanoratra ho an'i Houssayn, ka mahamenatra azy ny hihaona aminy.

Natolony [Ibn Sa'd] izany hevitra izany tamin'ireo lehibe izay nifandray taminy, nefa nandà izany ny rehetra ka samy naneho ny fitsipahan'izy ireo.

Kathir b. 'Abdallah al-Sha'bi, izay miaramila mafana fo sy tsy miverin-dàlana amin'ny loza, no nitsangana, nanatona azy ary niteny hoe : « Izaho no handeha hijery azy. Ifantàna amin'i Allah fa, raha sitrakao, dia hovonoiko izy. »

'Omar b. Sa'd niteny hoe : « Tsy ilaiko ny hamonoanao azy. Ny ilaiko fotsiny dia ianao mandeha mihaona aminy mba hanontany azy izay antony hahatongavany. »

Lasa izy nijery azy. Rehefa nahatazana azy i Abou Thamamah al-Saïdi, dia hoy izy tamin'i Houssayn (as) hoe : « Allah anie hanao soa aminao ry Aba 'Abdillah ! Ilay tena ratsy indrindra amin'ireo voahary, ilay tena mandoza amin'ny fandatsahan-drà sy ilay tena tsy valahara amin'ity tany ity no indro tonga hijery anao. »

Avy eo izy [i Abou Thamamah] nanatona azy ka niteny hoe : « Avelao ny sabatrao. »

Namaly izy [i Kathir b. 'Abdallah] hoe : « Tsia, [izany dia] tsy amim-panajana. Izaho dia iraka fotsiny, noho izany raha avelanareo aho hiteny dia hotantaraiko aminareo ny antony nanirahana ahy aty aminareo, fa raha tsy izany dia hiverina aho [ao amin'ny toby misy ahy]. »

Niteny taminy izy [i Abou Thamamah] hoe : « Ho tazomiko ny tranon-tsabatrao ary avy eo ianao vao miteny izay tianao. »

Namaly anefa izy [i Kathir b. 'Abdallah] hoe : « Tsia, ifantàna amin'i Allah, aza mikasika azy ianao ! »

Niangavy azy izy [i Abou Thamamah] nanao hoe : « Lazao ahy ny hafatra izay nentinao ary izaho no hampita aminy izany avy aminao, fa izaho dia tsy hamela anao hanatona azy [satria] ianao [olona] mpanao ratsy ! »

Nifanevateva teo izy ireo, avy eo izy [i Kathir b. 'Abdallah] niverina tany amin'i 'Omar b. Sa'd ka nitantara taminy ny zava-niseho.

Nantsoin'i 'Omar i Qorrat b. Qays al-Hanzali ary hoy izy taminy hoe : « Ry Qorrat Malala ! 'Ndehana jereo i Houssayn ary hanontanio azy ny mahatonga azy avy aty. Ary inona no ilainy ? »

Nandeha nijery azy izy. Rehefa nahita azy tonga i Houssayn dia nanontany hoe : « Fantatrareo ve izy ? »

Habib b. Mozahir no namaly hoe : « Eny, izy dia olona avy amin'ny Hanzalah, iray amin'ny Tamimi. Zanaky ny anabavintsika izy. Fantatro izy amin'ny fananany fahakingan-tsaina. Tsy mba noeritreretiko tokoa ny fandraisany anjara amin'ity trangan-javatra ity. »

Tonga izy, niarahaba an'i Houssayn (as) sy nampita taminy ilay hafatr'i 'Omar b. Sa'd.

Niteny i Houssayn (as) hoe : « Ireo olona ao amin'io tanànanareo io mihitsy no nanoratra tamiko niangavy ahy mba ho tonga, nefa raha manome tsiny ahy ianareo dia handeha aho hanalavitra anareo. »

Habib b. Mozahir niteny taminy [tamin'i Qorrat b. Qays] hoe : « Loza ho anao ry Qorrat ! Aza miverina any amin'ireto olona tsy marina ireto ianao ! Ento ny fanampiana ho an'ity lehilahy ity izay nanomezan'i Allah voninahitra anao tamin'ny alalan'ireo razany. »

Namaly i Qorrat hoe : « Hiverina any amin'ny lehibeko aho hitondra ny valin'ny iraka nampanaoviny ary avy eo aho vao handray ny fanapahan-kevitro. »

Lasa niverina any amin'i 'Omar b. Sa'd izy ka nanambara taminy izay zava-misy.

Niteny taminy i 'Omar b. Sa'd hoe : « Mino aho fa i Allah dia hamela ahy hiady aminy sy hanohitra azy. »

ILAY TARATASIN'I 'OMAR B. SA'D HO AN'IBN ZIYAD

Avy eo izy [i 'Omar b. Sa'd] nanoratra ho an'i 'Obaydollah b. Ziyad arak'izao teny izao :

« Amin'ny anaran'i Allah, Ilay Be Fiantrana, Ilay be Indrafo.

Rehefa nanatratra an'i Houssayn aho, dia nandefa ny irako taminy mba hanontany azy izay antony hahatongavany, izay tiany hatao sy izay tiany hangatahina. Namaly ahy izy hoe : “Ireo olona amin'ity tanàna ity dia nanoratra tamiko

ary ireo irak'izy ireo dia niangavy ahy mba ho avy, ka izany no tanterahiko izao. Nefa kosa, raha manome tsiny ahy izy ireo sy manomana zavatra hafa ankoatr'izay nampitain'ireo irak'izy ireo tamiko, dia handeha aho hanalavitra azy ireo.” »

Hassaane b. Qaïd al-'Absi dia nitantara hoe :
« Izaho dia teo akaikin'i 'Obaydollah tamin'ny fotoana izay nahazoany ilay taratasy. Taorian'ny namakiany izany, dia nilaza [izao andalana tononkalo manaraka izao] izy :

“Ankehitriny ireo hohonay dia nahasambotra
azy

Nitady lâlana mba hivoahana amin'izany izy,
nefa efa tara loatra ny fotoana handosirana.” »

VALINY AVY AMIN'IBN ZIYAD HO AN'IBN SA'D

Izy dia nanoratra ho an'i 'Omar b. Sa'd hoe :

« Voaraiko soa aman-tsara ny taratasinao ary mazava amiko tsara izay voalazanao. Teneno i Houssayn sy ireo namany mba hanao fanekem-pankatoavana an'i Yazid. Raha manao izany izy dia hohitako eo izay fanapahan-kevitra horaisina. Fiadanana anie ho anao. »

Nony voarain'i 'Omar b. Sa'd ilay taratasy, dia hoy izy : « Matahotra aho fa Ibn Ziyad dia tsy hanaiky ny filaminana. »

NY TOBIN'I HOUSSAYN (AS) TSY NOMENA RANO

Taratasy iray [hafa] avy amin'Ibn Ziyad no tonga tamin'i 'Omar b. Sa'd [izay nahitana soratra toy izao] :

« Sakano ny làlana manelanelana an'i Houssayn, ireo namany sy ilay rano. Aoka izy ireo tsy hanandrana na dia rano indray mitete aza sahala amin'ny nataony tamin'ilay olo-marina, tsara fanahy, i 'Othman b. 'Affan ! »

Tsy niandry ela akory i 'Omar b. Sa'd fa dia nandefa haingana miaramila an-tsoavaly miisa diman-jato teo ambany fifehezan'i 'Amr b. Hajjaj. Nijanona nanoloana ny sampan-dranon'ny ony [Eofrata] izy ireo ary nametraka sakan-dàlana nanelanelana an'i Houssayn, ireo namany sy ilay rano mba tsy hahafahan'izy ireo maka rano na dia teten-drano iray aza. Izany moa dia nitranga, telo andro nialohan'ny nahamaritiora an'i Houssayn (as).

'Abdallah b. Houssayn al- Azdi, izay anisan'ny fokon'ireo Bajilah, dia niteny mafy nanao hoe : « Ry Houssayn ! Tsy hitanao angaha io rano io ?! Endrey izany lokony mangamanga

toy ny lanitra ! Ifantàna amin'i Allah fa, ianareo dia tsy hanandrana azy mihitsy na dia rano indray mitete aza mandra-pahafatin'ny hetaheta anareo ! »

Niteny i Houssayn (as) hoe : « Ry Allah ô, aoka izy no hofatin'ny hetaheta. Aza havela mihitsy ny helony ! »

Homayd b. Mouslim dia nitantara hoe :
« Ifantàna amin'i Allah, fa taty aoriana rehefa narary izy, dia nandeha namangy azy aho. Ifantàna amin'i Allah -izay ankoatr'Azy dia tsy misy Andriamanitra hafa afa-tsy Izy-, fa hitako izy nisotro rano be dia be tokoa kanefa izany dia tsy nahafaka ny hetahetany, nialohan'ny nandoavany izany. Niantsoantso mafy izy hoe : “Mangetaheta aho ! Mangetaheta aho !”. Avy eo dia niverina nisotro rano be dia be indray izy sy nandoa izany. Nijalin'ny hetaheta mafy izaitsizy izy. Niaina tao anatin'izany toetra izany foana izy mandra-pahafatiny. »

TARATASY FAHAROA AVY TAMIN'I 'OMAR B. SA'D HO AN'IBN ZIYAD

Rehefa fantatr'i Houssayn (as) ny fahatongavan'ny tafika teo ambany fibaikoan'i 'Omar b. Sa'd tao Naynawa sy ny fiomanan'izy ireo mba hiady, dia nandefa hafatra ho an'i

‘Omar b. Sa’d izy hoe : « Izaho dia maniry ny hihaona amina. »

Nihaona tamin’ny alina izy ireo ary nifampiresaka nandritra ny fotoana ela. Avy eo i ‘Omar b. Sa’d niverina tao amin’ny tobiny ary nandefa taratasy iray ho an’i ‘Obaydollah b. Ziyad, izay mivaky toy izao :

« Allah dia namono ny afo, nandrafitra ny lahateny sy nandamina ny olana mianjady amin’ity “oumma” ity. Indro i Houssayn fa nampanantena ahy mba hiverina any amin’ny toerana izay niaviany na koa ho any amin’iray amin’ireo faritanin’ireo silamo. Amin’izay izy dia ho toy ny silamo rehetra manana ny zo sy ny adidin’izy ireo. Na ihany koa, handeha izy hihaona amin’i Yazid, ilay lehiben’ireo mpino, mba hifandray tana aminy ka ity farany no hanapa-kevitra mikasika azy ireo. Ao amin’ity safidy ity noho izany no ahitana fahafaham-po sy ny tombon-tsoan’ny “oumma”. »

Rehefa namaky ilay taratasy i ‘Obaydollah, dia hoy izy : « Izany no taratasin’olona miahidy ny [fahasoavan’ny] vahoaka. »

Shimr b. Zil-Jawshan dia nitsangana, nanatona azy ka nilaza hoe :

« Ekenao aminy ve izany kanefa izy dia tonga tao amin’ny taninao, teo anilanao ! Ifantàna

amin'i Allah, fa raha mankany aminao izy ka tsy mifandray tàmàna aminao, dia tsy isalasalana fa hatanjaka sy hahery kokoa izy, fa ianao kosa, dia halemy kokoa sy tsy hanan-kery. Aza manome ho azy io safidy io ianao satria hakanosana izany. Fa ny mifanohitra amin'izany no atao, dia ampiondreho izy sy ireo namany, amin'ny fahefanao. Raha faizinao izy, dia ianao no manapa-kevitra sy manafay ary raha mamela azy ianao, dia ianao no manatanteraka izany. »

Hoy Ibn Ziyad taminy hoe : « Tsara dia tsara ny hevitrao ! Marina ny voalazanao. »

TARATASY FAHAROA AVY TAMIN'IBN ZIYAD HO AN'I 'OMAR B. SA'D

[Avy eo nilaza taminy i 'Obaydollah hoe :]

« Mandehana any amin'i 'Omar b. Sa'd miaraka amin'ity taratasy ity, ka aoka izy mba hilaza amin'i Houssayn sy ireo namany mba hankato ny fahefako. Raha izy ireo no manaiky izany dia aoka izy handefa azy ireo velon'aina aty amiko. Fa raha mandà izany izy ireo dia aoka izy hiady amin'izy ireo. Raha izy [i 'Omar] no manao izany, dia mankatoava azy ianao, fa raha mandà ny hiady amin'izy ireo izy, dia aoka ianao no handray ny fibaikoana ny tafika. [Tafiho izy,] tapaho ny lohany ka alefaso aty amiko. »

[Ao amin'ilay taratasy,] i 'Obaydollah dia nanoratra ho an'i 'Omar b. Sa'd toy izao :

« Izaho dia tsy nandefa anao ho any amin'i Houssayn mba hanaovanao ny fisorohana [amin'ny ady], na mba hanomezanao azy fotoana na fanantenana mba hitsoaka, na koa handry fahalemana, na mba hitady fialan-tsiny na koa fanelanelanana ho azy eo anatrehako. Arak'izany dia jereo i Houssayn sy ireo namany raha toa ka mankato ny fahefana sy manolo-tena izy ireo. Alefaso aty amiko velon'aina izy ireo amin'izay fotoana izay ; fa raha mitsipaka kosa izy ireo, dia tafiho izy ireo mandra-pahafatiny ary potipoteho izy ireo [ny vatan'izy ireo] satria izy ireo dia mendrika izany ! Rehefa maty i Houssayn dia hosihoseo amin'ireo kitron-tsoavaly ny tratrany sy ny lamosiny ! Satria olona mpiavonavona sy mpanageja izy ! Tsy misy zavatra tadiaviko aorian'izany fihetsika [fanapotipotehana] izany satria tsy misy afaka hampijaly aorian'ny fahafatesana, saingy izaho dia efa nanao fampanantenana hoe : "Raha matiko izy dia hampisedraiko azy izany !" Raha tanterahinao ny baikonay mikasika azy, dia homenay anao ny valisoa mitovy lenta amin'ny omena an'izay nankato tsy nisy adi-hevitra. Fa raha mandà ianao, dia avy hatrany miesora amin'ny raharahanay sy ireo miaramilanay ianao ka avelao i Shimir b. Zil-Jawshan no handray an-

tànana ny tafika fa efa nomenay baiko izy mba hanatanteraka ny raharahanay. Fiadanana anie ho anao. »

FAHATONGAVAN'I SHIMR MIARAKA AMIN'ILAY TARATASY HO AN'I 'OMAR B. SA'D

Tonga i Shimr niaraka tamin'ilay taratasin'i 'Obaydollah homena an'i 'Omar b. Sa'd. Taorian'ny fahatongavany sy namakiany azy, dia hoy i 'Omar hoe : « Loza ho anao ! Fa inona moa mahazo anao ?! Allah anie hanalavitra anao [sy ny ankohonanao]. Allah anie hanome tsiny anao noho izao zavatra nentinao amiko izao ! Ifantàna amin'i Allah, fa mihevitra mihitsy aho fa ianao no nanakana azy mba tsy hanaiky izay nosoratako taminy. Ianao dia vao maika nanasarotra [sy nanimba] ny toe-javatra izay nantenainay fa hihatsara. Ifantàna amin'i Allah, fa [sanatriavina] i Houssayn dia tsy hanolo-tena. Olona tsy mba manaiky izany izy ! »

Niteny taminy i Shimr hoe : « Lazao amiko, inona no hataonao ? Hankato ireo baikon'ny governoranao ve ianao ary hamono ny fahavalonao ?! Raha tsy izany, dia avelao aho [handray] ny fibaikoana ny tafika sy ireo miaramila. »

Namaly izy hoe : « Tsia, ifantàna amin'i Allah fa tsy voninahitra ho anao izany. Izaho ihany no hiandraikitra an'izany ary tsy hilàko anao izany. Fa ianao, tariho ireo miaramila ! »

Alakamisy hariva, ny faha-09 ny volana Moharram, dia niomana i 'Omar b. Sa'd mba hanafika an'i Houssayn.

FIAROVAN'IBN ZIYAD NATOLOTRA HO AN'I 'ABBASS SY IREO RAHALAHINY

Nandroso i Shimr mandra-pijanonany teo anatrehan'ireo mpanara-dian'i Houssayn (as) ary nilaza hoe : « Aiza ireo zanaky ny anabavinay ? »

Tonga nanatona azy i 'Abbass, i Ja'far sy i 'Othman, izay zanak'i 'Ali b. Abi Talib (as), ka nanontany hoe : « Misy inona ary inona no tadiavinao ? »

Namaly izy hoe : « Ianareo, izay zanaky ny anabaviko, ianareo no mahazo fiarovana ! »

Ireo tovolahy ireo dia namaly azy hoe : « Allah anie hanozona anao, ianao sy ny fiarovanao. Ianao dia manome fiarovana ho anay fa ilay zanaky ny Irak'i Allah kosa dia tsy omena fiarovana ! »

TOKO FAHAFITO : 'OMAR B. SA'D NANAFIKA NY TOBIN'I HOUSSAYN (AS)

Avy eo i 'Omar b. Sa'd dia nanambara amin'ny feo avo sy mafy [tamin'ny fiandohan'ilay ady] taorian'ny 'asr [tolak'andro] nanao hoe : « Ry miaramilan'i Allah, mandraisa toerana [eo ambony soavalinareo] ary mifalia ianareo [amin'ny paradisa izay miandry anareo] ! » Ireo miaramila dia nitaingina [teo ambony soavalin'izy ireo] sy niriotra nankany amin'ny tobin'i Houssayn (as).

[Tamin'izany fotoana izany,] i Houssayn (as) dia nipetraka nanoloana ny tranolainy, niankina tamin'ny sabany ka ireo lohaliny niforitra teo aminy. Nitolefiky ny faharendremana amin'ny torimaso teo ambonin'ireo lohaliny ny lohany.

Teo am-pandrenesana ny tabataba, dia nanatona azy ny anabaviny ka nilaza hoe : « Ry anadahiko, tsy henonao ve izany tabataba manatona izany ?! »

Napitraka ny lohany i Houssayn (as) ary niteny hoe : « Hitako tamin'ny nofy vao teo ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) nilaza tamiko hoe : "Ianao dia mandroso mankaty aminay !" »

Nitomany sady mikapokapoka ny tarehiny ny anabaviny ary niteny hoe : « Loza ho antsika ! »

Hoy izy hoe : « Ry anabavikeliko, tsy hirotsaka aminao anie ny loza. Mitonia ianao, fa hamindrafo aminao anie i Allah ! »

Niteny i 'Abbass b. 'Ali (ra) hoe : « Ry rahalahiko, indreto ireo miaramila ! »

Nitsangana i Houssayn (as) ary niteny hoe : « Ry 'Abbass, ataoko sorona anie ianao, mitaingena [eo amin'ny soavalinao] ry rahalahiko, mandehana mihaona amin'izy ireo ary anontanio hoe : “Maninona ianareo ? Inona no vaovao avy any aminareo ? Inona no antony nahatongavanareo ?” »

Nandeha nihaona tamin'izy ireo i 'Abbass, niaraka tamin'ireo mpitaingin-tsoavaly miisa roapolo teo ho eo anisan'izany i Zohayr b. Qayn sy i Habib b. Mozahir. Nanontany azy ireo i 'Abbass hoe : « Inona no vaovao avy any aminareo ? Inona no ilainareo ? »

Namaly izy ireo hoe : « Izahay dia nahazo baiko avy amin'ny governora hilaza aminareo mba hanaiky ny fahefany, fa raha tsy izany dia hiady aminareo izahay. »

Nilaza izy hoe : « Aza maika ianareo, [andraso] fa hiverina eo amin'i Abou 'Abdillah

aho ary hanambara aminy izany voalazanareo tamiko izany. »

Nijanona izy ireo ary niteny hoe :
« Mandehana mihaona aminy ianao ary ambarao azy izany ka ento aminay ny valinteniny. »

Nandeha faingana i 'Abbass ho eny amin'i Houssayn (as) mba hanambara ny vaovao, fa ireo namany kosa nijanona teo ihany, niresaka tamin'ireo miaramila. Nanomboka nitoriteny izy ireo sy niezaka nandresy lahatra azy ireo mba tsy hiady amin'i Houssayn.

Tonga teo amin'i Houssayn (as) i 'Abbass mba hilaza aminy ny hevitr'ireo miaramila.

Hoy i Houssayn (as) taminy hoe : « Miverena ianao eny amin'izy ireo, taomy ny mba hanemoran'izy ireo [ny ady] ho rahampitso ary roahy izy ireo amin'ity alina ity mba hahafahantsika mivavaka amin'ny Tompontsika, mba hanaovantsika fangatahana Aminy, sy italahantsika ny famindrampo avy Aminy. Marina tokoa fa fantany, fa tiako ny mivavaka Aminy, mamaky ny bokiny ary mangataka sy mitalaho ny famelan-kelony »

Niainga i 'Abbass nampita ilay valinteniny amin'ireo miaramila. Niverina [eny amin'ny toby] izy niaraka tamin'ny iraka iray avy amin'i 'Omar b. Sa'd.

Niteny tamin'izy ireo ilay iraka nanao hoe :
« Izahay dia manaiky ho anareo ny fanemoram-
potoana hatramin'ny rahampitso. Raha toa
ianareo ka hitolo-batana, dia izahay no hitarika
anareo ho any amin'ny governoranay, i
'Obaydollah b. Ziyad, nefa raha mandà kosa
ianareo dia tsy hamela anareo mihitsy izahay. »
Avy eo izy dia lasa.

TOKO FAHAVALO : IREO ZAVA- NITRANGA ANDRO IRAY NIALOHAN'NY "ASHOURA"

LAHATENIN'NY IMAM HOUSSAYN (AS) ANDRO IRAY NIALOHAN'NY "ASHOURA"

Fotoana fohy nialohan'ny filatsahan'ny alina, dia namory ireo mpiray dia aminy i Houssayn (as).

Nitantara toy izao, i 'Ali b. Houssayn, Zayn al-'Abidine (as) :

« Na dia narary aza aho tamin'izany, dia nanakaiky azy aho mba hihaino izay resaka holazainy amin'izy ireo. Henoko izy nilaza tamin'ireo namany nanao hoe :

"Izaho dia manome voninahitra an'i Allah, amin'ny alalan'ireo fanomezam-boninahitra tsara indrindra sy midera Azy ao anatin'ny fifaliana na ao anatin'ny fahoriana. Ry Allah ô, mankalaza Anao aho satria nasandratrao izahay tamin'ny alalan'ny faminaniana, fampianarana ny Kor'âny, fananana fahalalana lalina momba ny finoana. Ianao no nanome anay ny sofina, ny maso, ny fo. Ataovy izahay ho anisan'ireo izay nankasitraka Anao.

Izaho dia tsy mahalala ireo mpanara-dia ambony toetra sy mendrika mihoatra an'ireo mpanara-diako na fianakaviana tsara fanahy sy miray hina mihoatra ny fianakaviako. Allah anie hanome anareo ny Famindrapony.

Ny tiana hambara, dia mino aho fa hifanandrina amin'ireto fahavalo ireto isika rahampitso. Aoka ho fantatrareo fa avelako handao ahy ianareo. Mandeha ianareo miala eto an-kalalahana. Tsy manana adidy intsony araka ny feon'ny fieritreretanareo ianareo eo anatrehako. [Ny haizin'ny] alina no hanakona anareo [amin'ireo fahitana]. Koa raiso izany ho toy ny biby fitaingina [mba handehananana]."

VALINTENIN'IREO "HASHEMITA "

Ireo rahalahiny, ireo zanany, ireo zana-drahalahiny, ireo roalahy zanak'i 'Abdallah b. Ja'far, dia nilaza hoe : « Nahoana moa izahay no hanao izany ? Mba ho velon'aina any aorianao ve ? Aoka anie i Allah tsy hampiseho aminay mihitsy [izany andro izany] ! »

'Abbass b. 'Ali (ra), no voalohany tamin'izy ireo nandray ny fitenenana. Avy eo samy nifandimby nandray fitenenana ireo hafa ary saika nitovitovy ny teny nolazain'izy ireo.

Niteny i Houssayn (as) hoe : « Ry ianareo zanak'i 'Aqil, ny nahamaritiora an'i Mouslim dia efa ampy [ho sorona iray] avy aminareo. Koa mandehana, fa omeko làlana ianareo ! »

Namaly izy ireo hoe : « Allah Ilay Masina madio ! Inona no holazain'ireo olona ?! Hilaza izy ireo fa izahay dia nandao ny sheikh olo-benay sy lehibenay ary ny zanak'ireo rahalahin-drainay izay mendrika indrindra amin'ireo rahalahin-drainay. [Hilaza izy ireo fa] izahay dia tsy mba nitifitra zanatsipika na nitora-defona na nikapoka amin-tsabatra teo anilan'izy ireo, ka tsy fantatray izay niafaran'izy ireo ! Tsia, ifantàna amin'i Allah fa tsy handeha izahay fa ny mifanohitra amin'izany aza, dia hataonay sorona ny fiainanay, ny fanananay sy ireo fianakavianay. Hiady miaraka aminao izahay mandrapahazoanay toeram-boninahitra mitovy amin'ny anao ! Ataon'i Allah anie hanaratsy ny fiainana any aorianao !»

NY FIPETRAK'IREO MPANARA-DIA

Nitsangana i Mouslim b. 'Awsajah ary niteny hoe : « Raha izahay no mandao anao, dia inona no fialan-tsiny hataonay eo anatrehan'i Allah amin'ny fanatanterahana ny adidinay aminao ?! Izaho dia tsy handao anao raha tsy efa nanindrona ny tratran'izy ireo ny lefoko, raha tsy

efa nikapoka azy ireo tamin'ny sabatro aho mandritra ny hijanonany eo an-tanako. Ary na dia tsy manana fiadiana aza aho, dia hitora-bato azy ireo aho mba hiarovako anao ! Ifantàna amin'i Allah fa, tsy handao anao akory izahay mba ho fantatr'i Allah fa niaro anao izahay nandritra ny fotoana tsy nahateo an'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany). Ifantàna amin'i Allah, fa na dia novonoina aza aho, dia novelomina indray, ary nodoroina velona, avy eo novelomina indray, avy eo notapatapahana [ho potipotika] ary izany dia naverina im-pitopolo, dia tsy handao anao akory aho mandrapahafatesako ho anao. Noho izany, dia ahoana moa no tsy hanaovako izany amin'izao fahafatesana indray mandeha izao fotsiny ary aorian'izany, dia hisy ny fiainana mandrakizay ?”

Avy eo, i Zohayr b. Qayn al-Bajali (ra) dia nitsangana ka niteny hoe : “Ifantàna amin'i Allah, fa izaho dia te hovanoina sy ho velomina ary vonoina indray hatramin'ny famonoana ahy an'arivony mba hiarovan'i Allah ny ainao sy ny an'ireo tanora amin'ny fianakavianao.”

Avy eo ny vondrona iray amin'ireo mpanara-diany no nampiray feo nilaza toy izany koa.

Nisaotra azy ireo i Houssayn (as) ary nitso-
drano tsara azy ireo. Avy eo izy dia niverina
niditra tao amin'ny tranolainy. »

HOUSSAYN (AS) SY I ZAYNAB (AS) ANDRO IRAY NIALOHAN'NY "ASHOURA"

‘Ali b. Houssayn (as) dia nitantara hoe :

« Nipetraka aho ny hariva, omalin'ny andro
izay nahafatesan'ny raiko ho maritiora. Ny
nenitoako Zaynab no teo akaikiko nitsabo ahy.
Erỳ kosa ny raiko somary nanalavitra anay mba
hiomana ao an-tranolainy. Jowayn, ilay
mpanompon'i Abou Zarr al-Ghaffari, dia niaraka
taminy nandrangitra sy nanomana ny sabany.

Nanonona ireto an-dàlana tononkalo ireto ny
raiko :

“Ry fotoana, henatra ho anao, sakaiza manao
ahoana loatra ity ianao ?

[Firy moa ireo maty] ho anao, manomboka ny
fiposahana sy hatramin'ny filentehan' [ny
masoandro]

Avy amin'ireo namana sy ireo mpangata-tsoa
Ny Fotoana dia tsy mba afa-po amin'ny olona
iray nisolo ny hafa

Ny fanapahan-kevitra [farany] dia avy
amin'Ilay Tsitoha

Ny zava-manan'aina tsirairay dia hizotra
amin'ny lalako."

Naveriny in-droa na in-telo izany mandra-pahazoako azy sy mandra-panatanterahako izay tiany holazaina. Kenda [noho ny fanaintainana] ny tendako nefa notazomiko ny ranomasoko ary niezaka aho nitazona ny fahanginana. Koa dia notanterahiko izany na dia teo aza ny fahoriana nololohavinay.

Ny nenitoako dia naheno ihany koa ny zavatra henoko fa amin'ny mahavehivavy azy toy ireo vehivavy rehetra izay mora taitra sy mivadi-po, ka tsy nahafehy ny tenany izy. Niantsambotra izy ka nisaritsarika ny lambany [amin'ny tany] ary lasa nanatona an'i Houssayn (as) na dia niseho aza [ny tarehiny], avy eo dia niteny izy hoe : "Loza ho antsika ! Aoka anie ny fahafatesana hanapitra ny aiko ! Indray andro, maty ny reniko i Fatima, avy eo ny raiko i 'Ali, avy eo ny anadahiko i Hassan, ry mpandimbin'ireo teo aloha sy lehiben'ireo sisa velona [tsy misy tavela afa-tsy ianao] !"

Nibanjina azy i Houssayn (as) sady niteny taminy hoe : "Ry anabavikeliko ! Aoka ny Satana mba tsy hanary ny fahafehezanao ny tenanao !"

Tao anatin'ny ranomaso no nitenenany hoe :
"Raha ny "ganga cata " no navela ampilaminana
amin'ny alina, dia ho renoka torimaso !"

Hoy izy hoe : "Loza ho ahy ! Ianao dia
hanaovana herisetra sy ho maritiora ?! Izany no
mamparary ny foko sy manimba ny fanahiko !
Nikapoka ny tarehiny izy [noho ny alahelo],
noraisiny [tamin'ireo tanany] ny ambonin'ireo
lambany ka norovitiny nialohan'ny nahatorana
azy teo amin'ny tany !"

Niantoraka taminy i Houssayn (as) ary
namafy rano tamin'ny tarehiny, avy eo dia nilaza
hoe : "Ry anabaviko ! Matahora an'i Allah,
ankalefaho ny alahelonao amin'ny alalan'ny
fiaretana amin'i Allah. Fantaro fa ny olon-
drehetra eto an-tany dia mankany amin'ny
fahafatesana, ary ireo zava-boahary any an-
danitra dia tsy haharitra [mandrakizay], fa ny
zavatra tsirairay dia ho levona avokoa afa-tsy ny
Endrik'i Allah, Ilay nahary ny tontolo tamin'ny
alalan'ny Fahefany. Izy no hanome fiainana
indray ireo zava-boahary izay hitsangana
amin'ny maty. Irery Izy sady Tokana. [Ry
anabaviko, fantaro fa] ny raiko no mendrika noho
izaho, ny reniko no mendrika noho izaho, ilay
rahalahiko no mendrika noho izaho ary ilay Irak'i
Allah no fakantahaka ho ahy sy ho an'ny silamo
tsirairay."

Nankahery azy izy tamin'ny alalan'ireto teny ireto sy ireo hafa mitovy amin'izany. Hoy izy taminy hoe : “Ry anabavikeliko ! Mianiana aho sy miangavy anao mba hanaja izany : aza rovitina amin'ny alaheloko ny ambonin'ireo fitafianao, aza tehafina ny tarehinao ary aza miantsoantso loza amin'ny fahafatesako.”

Avy eo dia nentiny izy ka napetrany teo akaikiko.

Taoran'izany, dia lasa izy nijery ireo mpanara-diany ary nanome baiko azy ireo mba hanakaiky ireo tranolay ny tsirairay amin'izy ireo, amin'ny endrika toy ny misy tady mampifikitra ny tsirairay ka amin'izay izy ireo dia ho voaaron'ireo tranolay [amin'ny sisiny rehetra] afa-tsy izay eo anoloana, mifanatrika amin'ny fanafihana hataon'ireo fahavalo. Izany hoe, ireo tranolay dia eo aoriana sy eo an-kavanana ary an-kavian'izy ireo, ka miodidina azy ireo amin'izay ny fahavalo dia tsy afaka ny hanafika azy ireo raha tsy avy eo anoloana.

Avy eo dia niverina niditra tao an-tranolainy i Houssayn (as) mba hiari-tory mandritra ny alina amin'ny alalan'ny fivavahana, fangatahana famelan-keloka, fanokanana sy fitalahoana [amin'i Allah]. Ireo mpanara-diany dia niari-tory ihany koa nandritra ny alina mba hivavaka,

hitalaho sy hangataka famelan-keloka [amin'ny Tompo]. »

HOUSSAYN (AS) SY IREO MPANARADIANY NANDRITRA NY ALINA [NIALOHAN'NY] "ASHOURA"

Dhahhaq b. 'Abdallah dia nilaza hoe : « Ireo miaramilan'i 'Omar b. Sa'd nomena andraikitra mba hanaramaso anay dia nandalo teo amin'ny toerana nisy anay tamin'ny fotoana namakian'i Houssayn (as) [ireo andinin-tsoratra masina]: **"{Ary aoka tsy hihevitra ireo tsy mpino, fa mahaso ny tenany ny tombon'andro nomenay azy. Tsia ! Fa ny tombon'andro nomenay azy, dia tsy misy afa-tsy ny hampitomboan'izy ireo ny helony fotsiny ihany. Ka dia miandry azy ireny ny sazy mahafabaraka. Fa tsy Andriamanitra velively no hamela ireo mpino amin'izao toerana misy anareo izao, ambarampanavahany ny ratsy amin'ny tsara.}**"¹

Lehilahy iray anisan'ireo miaramila izay nanaramaso anay, antsoina hoe 'Abdallah b. Somayr, no nahare azy ireo ka niteny hoe : "Ifantàna amin'Ilay Tompon'ny Kaaba, fa izahay no olon-tsara izay navahana taminareo !"

¹ Ny boky masina Kor'any, 3:178-179

Izy io dia olona tia mihomehy betsaka. Izy dia olona manam-boninahitra ihany koa, mafana fo, matanjaka sy mora tohina.

Borayr b. Khodhayr dia nilaza taminy hoe :
“Ry mpanota ! Ianao angaha no ilay olona izay napetrak’i Allah hiaraka amin’ireo olon-tsara ?!”

Nanontany izy [i ‘Abdallah b. Somayr] hoe :
“Iza ianao ?”

Namaly izy hoe : “Izaho dia i Borayr b. Khodhayr.”

Ary dia nifanesoeso teo izy ireo. »

TOKO FAHASIVY : NY MARAINAN'NY "ASHOURA"

Ny maraina, taorian'ny fahavitan'ny vavaka maraina, dia namory ireo mpanara-diany i Houssayn b. 'Ali (as). Nisy miaramila mpitaingin-tsoavaly miisa roa amby telopolo sy mpandeha an-tongotra efapolo no niaraka taminy. Napetrany i Zohayr b. Qayn teo amin'ny elatra an-kavanana, i Habib b. Mozahir teo amin'ny ilany an-kavia ary natolony an'i 'Abbass rahalahiny ny saina. Izy ireo dia naka toerana araka ny fipetrak'ireo tranolay mba ho eo andamosin'izy ireo.

Nanome baiko i Houssayn (as) mba hametraka ireo rantsana sy tapa-kazo ao amin'ireo hady izay nohadiana eo aorian'ireo tranolay ka arehitr'afo amin'izay tsy hisy hanafika avy aoriana.

Ny marainan'izany andro izany, andro Zoma -ny tantara hafa dia milaza izany ho andro Sabotsy-, dia nanangona ireo olony i 'Omar b. Sa'd ary niomana mba hanafika an'i Houssayn (as).

Napetrany i 'Amr b. Hajjaj teo amin'ny ilany havanana ary i Shimir b. Zil-Jawshan no teo amin'ny ilany havia. Nomeny an'i 'Orwah b. Qays ny fibaikoana ireo miaramila an-tsoavaly fa

i Shabath b. Rib'i kosa no nibaiko ireo miaramila an-tongotra. Ary farany, dia natolony an'i Dorayd mpanompony ny saina.

'Ali b. Houssayn, Zayn al-'Abidine (as) dia nitantara toy izao :

« Rehefa ny andian-tafika mpitaingin-tsoavaly no niseho tamin'i Houssayn ny maraina, dia nanandratra ireo tanany ity farany ka nivavaka nanao hoe : "Ry Allah, Ianao no tokiko eo amin'ny fahoriana rehetra, fanantenako eo amin'ny olana rehetra. Ianao no mitantana ahy sy manampy ahy amin'ny alahelo rehetra. Firy firy moa ireo olana izay mampalemy ny fo, ireo vahaolana dia mihafisaka, ireo namana dia mandao anay ary ireo fahavalo dia miravoravo, fa rehefa italahoko Aminao izany sy mitaraina izany Aminao aho, miaraka amin'ny fikasana tokana mba hiverina Aminao fa tsy amin'ny hafa, dia avotanao amin'izany [olana izany] aho koa dia voavaha izany. Ianao no Ilay Mpanome ny fahasoavana rehetra, Ilay Tompon'ny hatsarana, Ilay Fanaperana amin'ny faniriana rehetra."

Fa ireo miaramila [fahavalo] dia nanatona sy niodidina nanodidina ireo tranolain'i Houssayn (as). Izy ireo dia nahatsikaritra ireo hady nolavahana avy eo an-damosin'izy ireo ary tazan'izy ireo ny haben'ny afo miredareda teo amin'ireo rantsana sy tapa-kazo izay efa

napetraka teo nialohan'ny nampirehetana azy ireo.

Shimr b. Zil-Jawshan [enga anie izy ho voaozona] dia niteny amin'ny feo avo hoe : “Ry Houssayn ! Manafaingana ny afon'ny eto an-tany ianao mialohan'ny afon'ny Fitsanganana amin'ny maty !”

Nanontany [an'ireo mpanara-diany] i Houssayn (as) hoe : “Iza io ? Toa an'i Shimr b. Zil-Jawshan”

Namaly izy ireo hoe : “Eny, izy indrindra io.”

Avy eo i Houssayn (as) niteny hoe : “Ry zanak'ilay ramatoa mpiompy osy ! Ianao no tena mendrika ny atsipy ao amin'ireo lelafo !”

Tamin'io fotoana io, i Mouslim b. 'Awsajah dia saika ny hitifitra azy amin'ny zanatsipika fa nosakanan'i Houssayn (as). Raha mbola tazan'ny masonry i Shimr, dia hoy i Mouslim hoe : “Omeo alalana aho mba hitifitra azy amin'ny zanatsipika. Ity mpanota ity dia anisan'ireo ratsy fanahy indrindra !”

Namaly azy i Houssayn (as) hoe : “Aza mitifitra azy akory. Tsy tiako ny manomboka ny ady amin'izy ireo.” »

LAHATENIN'I HOUSSAYN (AS)

Houssayn (as) dia niangavy mba ho entina eo aminy ny biby fitainginy. Niakatra teo amboniny izy ary niteny mafy mba haheno azy daholo ny ankamaroan'ny olona :

« Ry vahoakan'Iraq ! Ry miaramila ! Henoy ny teniko fa aza maika [ny hiady amiko] mba hanehoako aminareo izay andraikitro holazaiko aminareo sy mba hilazako aminareo ny antony nahatongavako aty aminareo. Raha mampihatra ny rariny tokoa ianareo, dia ho feno fahasoavana. Fa raha tsy manao ny rariny amin'ny tenanareo kosa ianareo dia {Mifandiniha ianareo miaraka amin'izay nataonareo ho mpitambatra amin'i ALLAH, ary aza afenina ny fanirianareo. Avy eo, dia manapaha hevitra ny mikasika ahy ianareo, ary aza avela hiala sasatra aho.}¹ {Hamafisiko, fa ny sakaiza mpiaro ahy dia ALLAH, izay, Izy no nampidina ny rakitsoratra. Izy no Mpiahy ireo olo-mendrika.}² »

Avy eo nidera an'i Allah izy, nanome voninahitra Azy sy nivavaka taminy ampahamendrehana, avy eo nitso-drano an'ilay Iraka (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah

¹ Ny boky masina Kor'any, 10:71

² Ny boky masina Kor'any, 7:196

anie ho azy sy ny fianakaviany), sy ireo anjely ary ireo irany.

Tsy mbola nisy olona mihitsy teo alohany sy taoriany naheno mpandaha-teny mahay mihoatr'azy.

Avy eo izy [i Houssayn (as)] nanohy ny teniny hoe : « Jereonareo ny firazanako dia ho hitanareo iza aho ! Avy eo, dia mieritrereta ianareo sy omeo tsiny ny fanahinareo, saintsaino raha toa ka azonareo atao ny mamono ahy sy ny manosopotaka ny voninahitro ! Moa ve tsy izaho no zanak'ilay zanakavavin'ny Mpaminaninareo (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany), zanak'ilay Mpandimby Azy sy rahalahiny, dia ilay voalohany [tamin'izany fotoana izany] nino an'i Allah sy nankasitraka izay nentin'ilay Irany avy tamin'Ilay Tompony ?! Hamza, ilay lehiben'ireo maritiora ve tsy rahalahin-drain'ny raiko ?! Ja'far al-Tayyar, ilay maritiora manana elatra roa ve tsy rahalahin-draiko ?!

Moa ve tsy tonga taminareo ity tenin'ilay Irak'i Allah milaza ny momba ahy sy ilay rahalahiko ity manao hoe : "Izy roa ireo no lehiben'ireo tanora ao am-Paradisa ?!"

Raha ianareo no mino ny nolazaiko -izay fahamarinana- ifantàna amin'i Allah, fa izaho dia

mbola tsy nandainga mihitsy hatramin'ny nahafantarako fa i Allah dia mankahala izay mandainga ary izay mamoron-dainga dia iharan'ireo fatiantoka.

Fa raha tsy mino ahy ianareo, dia indreo eo aminareo ny olona afaka hanambara aminareo, raha manontany izany aminy ianareo. Anontanio i Jabir b. 'Abdallah al-Ansari, i Abou Sa'id al-Khodri, i Sahl b. Sa'd al-Sa'idi, i Zayd b. Arqam na koa i Anas b. Malik.

Izy ireo no hanambara aminareo fa izy ireo dia naheno io tenin'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) milaza mikasika anay, izaho sy ny rahalahiko io. Izany ve dia tsy efa ampy mba hanakana anareo handatsaka ny ràko ? »

Shimr b. Zil-Jawshan dia nilaza taminy fa raha mazava aminy [sy ekeny] ireo teniny ireo dia ho nanao ny fanampin'ny fanompoana an'i Allah izy.

Habib b. Mozahir namaly azy hoe : « Ifantàna amin'i Allah, fa hitako ianao nanompo Azy impitopolo ankoatra ny fanampiny ary manaiky aho fa manana ny marina ianao raha milaza fa tsy mazava amina ny nolazainy. Marina tokoa fa i Allah dia nanao tombokase ny fonao. »

Avy eo, i Houssayn (as) nilaza tamin'izy ireo hoe : « Raha mampisalasala anareo io teny [nolazain'ny Mpaminany mikasika ahy] io, dia mampisalasala anareo koa ve fa izaho no zanaky ny zanakavavin'ilay Mpaminaninareo ? Ifantàna amin'i Allah, fa tsy misy zanak'ilay zanakavavin'ny Mpaminany [mbola velona] ankoatr'ahy, eo anelanelan'ny atsinanana sy andrefana, na avy aminareo izany na avy amin'ireo hafa ankoatr'anareo.

Lazao ahy, moa ve ianareo manankiana ahy noho ny famonoako ny iray taminareo ? Sa noho ny fananana izay nosimbaiko ? Sa noho ny fanamelohana, noho ny ratra mafy [natao tamin'iray aminareo] ?! »

Nangina tsy nahateny izy ireo.

Niteny mafy izy nanao hoe : « Ry Shabath b. Rib'i, ry Hajjar b. Abjar, ry Qays b. Ash'ath, ry Yazid b. al-Harith, moa ve tsy nanoratra tamiko ianareo hoe : “Ireo zaridaina dia maitso ary ireo voankazo dia masaka. Raha tianao, dia tongava aty amin'ny tafika vonona sy tsara fiomanana.” ?! »

Niteny i Qays b. Ash'ath hoe : « tsy mazava aminay, inona no tianao lazaina ! Ho valin'izany, dia mankatoava ianao ny fahefan'ireo zanaky ny

rahalahin-drainao [Bani Omayyah] ! Izy ireo dia tsy hitondra anao raha tsy arak'izay tianao ! »

Hoy i Houssayn taminy hoe : « Tsia, ifantàna amin'i Allah, izaho dia tsy hanome ny tanako ho anareo toy ny olona voaetry na handohalika toy ny olona andevo. »

Avy eo dia nofaranany ny teniny hoe : « Ry mpanompon'i Allah, **{Izaho dia mitady fiarovana amin'ny Tompoko sy Tomponareo, mba tsy ho torahanareo.}**¹ **{Izaho dia mitady fiarovana amin'ny Tompoko sy Tomponareo, hanoherana ireo mpirehareha izay tsy mino ny andron'ny Fitsarana.}**² »

Taorian'izany, dia niverina izy, nampipetraka ny biby fitainginy ary niangavy an'i 'Oqbah b. Sim'an mba hamatotr'azy.

NY FIBEBAHAN'I HARR B. YAZID

Nandroso mba hanomboka ny ady ireo miaramila. Rehefa nahalala i Harr b. Yazid fa tapa-kevitra ny hiady amin'i Houssayn (as) izy ireo, dia niteny tamin'i 'Omar b Sa'd izy hoe : « Ry Omar, hiady [tokoa] amin'io lehilahy io va ianao ?! »

¹ Ny boky masina Kor'any, 44:20

² Ny boky masina Kor'any, 40:27

Namaly izy hoe : « Eny, ifantàna amin'i Allah, ady izay farafahakeliny ireo loha dia hiaraka amin'ny tany ary ireo tàmàna dia haniditsidina ! »

Hoy izy : « Tsy mba nisy na iray tamin'ireo hevitra natolony anareo ve no nahafa-po anareo ? »

Namaly i 'Omar b. Sa'd hoe : « Ifantàna amin'i Allah, fa raha izaho no tompon'ny fanapahakevitra dia nanaiky aho fa saingy ny governoranao no mandà izany ! »

Lasa niala i Horr ary naka toerana somary nanalavitra an'ireo miaramila. Izy dia niaraka tamin'ny lehilahy iray miray foko aminy, antsoina hoe Qorrat b. Qays, ka hoy izy taminy : « Ry Qorrat ! Avy nampisotroinao rano ve ny soavalinao androany ? »

Namaly izy hoe : « Tsia. »

Nanontany azy izy [i Horr] hoe : « Tsy te hampisotro rano azy angaha ianao ? »

Nitantara toy izao i Qorrat : « Ifantàna amin'i Allah fa noheveriko fa te handositra izy [i Horr] ka tsy handray anjara amin'ilay ady, ary noheveriko fa manelingelina azy ny fahitako azy manao izany [fandosirana] izany. Arak'izany, dia hoy aho taminy hoe : "Tsy mbola nampisotroiko rano izy. Handeha aho hanatanteraka izany."

Avy eo izy dia niverina nihataka nankany amin'ilay toerana nisy azy. Ifantàna amin'i Allah fa raha nampahafantariny ahy izay tiany hatao, dia niainga niaraka taminy aho mba hanaraka an'i Houssayn b. 'Ali (as). »

Avy eo i Horr dia nanomboka nihanananatona tsikelikely nankany amin'ny [ny toby] misy an'i Houssayn. Mohajir b. Aws niteny taminy hoe : « Inona no tianao hatao ry zanak'i Yazid ? Te hanafika azy ireo ve ianao ? »

Nangina tsy niteny izy fa nangovitra tahaka ny olona voan'ny tazo.

Hoy indray izy taminy hoe : « Ry zanak'i Yazid ! Ifantàna amin'i Allah, fa ianao dia mampiahiahy. Ifantàna amin'i Allah fa tsy mbola nahita anao mihitsy aho teo aloha ka mitovy amin'izao ahitako anao izao. Raha nisy nanontany ahy iza ny olona tena mafana fo amin'ny vahoakan'i Koufa, dia tsy mba nanadino anao aho. Fa inona àry izao hitako aminao izao ?! »

Namaly izy hoe : « Ifantàna amin'i Allah, fa izaho dia mahita ny tenako eo ampisafidianana ny Paradisa sy ny Afobe. Ifantàna amin'i Allah fa izaho dia tsy hisafidy afa-tsy ny Paradisa, eny fa na dia ho tapahana potipotika aza ny tenako na ho dorana. »

Avy eo dia nikapoka [mba haka bahana] ny soavaliny izy ka lasa nanaraka an'i Houssayn (as) izay nitenenany hoe : « Aoka anie i Allah mba hanaiky ny fanaovako sorona ny tenako ho anao ry zanak'ilay Irak'i Allah ! Izaho ilay mpanaradia anao, izay tsy namela anao ny mba hiverin-dàlana sy ilay nanara-maso ny dianao, [ilay] izay nanakan-dàlana anao sy nahatonga anao tsy ho afa-nihetsika tamin'ity toerana ity. Tsy nieritreritra mihitsy aho fa ireto olona ireto no handà ireo hevitra izay natolotrao tamin'izy ireo ary izy ireo no hametraka anao ao anatin'izao toe-javatra izao. Ifantàna amin'i Allah fa raha fantatro fa ho vitan'izy ireo ny mametraka anao anatin'izao toe-javatra izao, dia tsy mba nanao kitoatoa aho [tamin'ny fanatanterahana izao zavatra nataoko anao izao]. Eo anatrehan'ny Tompoko, dia mibebaka noho ny nataoko aho. Raisinao ho toy ny fibebahana avy amiko ve izany ?! »

Niteny taminy i Houssayn (as) nanao hoe : « Eny, Allah dia hanaiky ny fibebahanao ary mamela anao. Midina ianao [avy eny ambony soavalinao]. »

Hoy izy : « Izaho dia ho miaramila mpitaingin-tsoavaly sy mpandeha an-tongotra mendrika ho anao. Izaho dia hiady amin'izy ireo eo ambony

soavaly amin'ny fotoana iray sy eo ampidinako izay fotoana fohy farany iainako. »

Hoy i Houssayn (as) taminy hoe : « Ataovy izay hitanao fa mety, fa i Allah anie hamindrafo amina. »

Avy eo izy dia nilahatra teo alohan'i Houssayn (as).

Lehilahy iray avy amin'ireo mpanara-dian'i Houssayn (as) dia nanonona tsianjery izao tononkalo izao :

« Olona afaka manao ahoana re ity i Horr b.
Yazid ity !

Afaka eo anatrehan'ireo lefona natoraka izay mifanesisesy.

Olona afaka manao ahoana re rehefa i Houssayn no niantso fanampiana !

Tamin'ny maraina, mba hanao sorona ny ainy. »

LAHATENY NATAON'I HARR B. YAZID

[Avy eo i Horr dia niteny tamin'ny andiantafika fahavalo :]

« Ry vahoakan'i Koufa ! Ho levona anie ireo reninareo ary ho foana ! Ianareo ihany no niantso an'ity olo-marina ity nefa rehefa tonga aminareo

izy dia natolotrareo [amin'ireo fahavalony] ! Ianareo dia mikasa ny hiady aminy miaraka amin'ny ainareo araka ny baikon'izy ireo koa ankehitriny, ianareo dia nirohotra mba hamono azy ! Nosamborinareo izy, noraisina tamin'ny vozona sy nihodidininareo na taiza na taiza. Tsy navelanareo izy hiova làlana eo amin'ny fidadasik'ireo faritanin'i Allah mba hiainan'izy ireo am-pilaminana, izy sy ny fianakaviany. Ankehitriny dia eo am-pelantanareo toy ny olona babo izy, tsy afaka manao na inona na inona intsony izy mba hivoahana sy hanoherana ny loza. Nosakananareo izy sy ireo vady aman-janany ary ny fianakaviany, [mba hisotro] amin'ilay ranon'i Eofrata izay sotroin'ireo jiosy, ireo kristiana, ireo mazdeana, [ity rano ity] izay ao aminy ireo lambo sy ireo alika [miaina amin'iny faritr'i] Sawad iny no mihosinkosina, nefa izy ireo kosa dia matin'ny hetaheta. Fampahoriana ahoana loatra no ampiharinareo amin'ny taranak'i Mohammad ! Aoka anie i Allah tsy hanala hetahetanareo amin'ilay Andro mampangetaheta. »

[Tamin'io fotoana io indrindra,] dia nisy tamin'ireo miaramila no nanafika azy tamin'ny alalan'ny tfitra zanatsipika nankany aminy fa izy nandroso hatrany mandra-pahatongavany nanoloana an'i Houssayn (as).

TOKO FAHAFOLO : NY ADY

FANOMBOHAN'NY ADY

Niantso i 'Omar b. Sa'd hoe : « Ry Zowayd ! Ampanatony ny saina eny aminao ! » Ary dia notanterahiny izany. Avy eo izy [i 'Omar b. Sa'd] nametraka ny zanatsipika iray teo amin'ny andohalambony ka nitifitra avy hatrany nialohan'ny nitenenany hoe : « Aoka ho vavolombelona ianareo fa izaho no voalohany nitifitra azy. » Ireo miaramila dia [nifandimby] nitifitra ihany koa ary niomana mba hanao adin'olon-droa.

Yassar, mpanompon'i Ziyad b. Abi Soufyane nandroso. Nanatona mba hiady aminy i 'Abdallah b. 'Omayr.

Nanontany azy i Yassar hoe : « Iza ianao ? »

Nampahafantariny azy ny firazanany nefa namaly ny iray hoe : « Tsy mahafantatra anao aho. Koa aoka i Zohayr b. Qayn na i Habib b. Mozahir no hiady amiko ! »

Namaly azy i 'Abdallah b. 'Omayr nanao hoe : « Ry zanaky ny ratsy fanahy ! Azo lazaina izao fa ianao dia tsy mitia loatra ny miady na amin'iza na amin'iza. »

Avy eo dia niantoraka teo aminy izy, nikapoka azy tamin'ny sabany mandra-pahafatiny. Fa raha

mbola teo am-pikapohana azy izy, dia indro i Salim, ilay mpanompon'i 'Obaydollah b. Ziyad, nanatona haingana nankany aminy. Tamin'izany indrindra, izy ireo [ireo mpanara-dian'i Houssayn (as)] no niantsoantso mafy nankany aminy nanao hoe : « [Tandremo !] Ilay andevo no manatona anao ! » nefa dia tsy mba nahare na inona na inona akory izy. Rehefa notampohin'i Salim novelezina izy, dia niaro tena [faingana] Ibn 'Omayr tamin'ny alalan'ny tanany havia, izay nahatapaka sy nampipitika ireo rantsantanany (avy an-kavia), avy eo izy dia nihodina nanatrika an'i Salim, ka nikapoka azy nialohan'ny namonoany azy.

Niverina [nankao amin'ny tobiny] izy rehefa avy nahafaty miaramila roalahy, no sady namaky izao tononkalo manaraka izao :

« Raha tsy fantatrareo iza moa aho, [dia fantaronareo fa] izaho no ilay zanak'i Kalb

Izaho dia lehilahy matanjaka sy mahery

Izaho dia tsy mba kanosa ao anatin'ny fahoriana. »

FANAFIHANA VOALOHANY

'Amr b. Hajjaj -notohanana'ireo avy tao Koufa izay niaraka taminy- no nanao fanafihana teo amin'ny ilany havanan'ny miaramilan'i

Houssayn (as) ary, izy ireo no efa nanakaiky an'i Houssayn (as), dia nandohalika ireo miaramilan' [inty farany] ka nampitraka ny lefon'izy ireo teo anatrehan'ireo fahavalo. Nijanona nanoloana ireo lefona ny soavalin'ireo fahavalo ary nanomboka nihemotra, fa tamin'izany indrindra, ireo miaramilan'i Houssayn (as) no nanao tifitra [vary raraka] zanatsipika izay nahafaty miaramila maro avy amin'ireo fahavalo sy nandratra ireo hafa sasany.

FAHAGAGANA

Lehilahy iray avy amin'ny fokon'ireo Tamim, antsoina hoe 'Abdallah b. Hawzah, no nandroso mandra-pahatongavany nanoloana ny miaramilan'i Houssayn (as).

Ireo mpanara-diany dia nanontany azy hoe : « Inona no tadiavinao ? Alahelo mafy amin'izay ho anjaranao anie ny reninao ! »

Niteny ilay lehilahy hoe : « Izaho dia ho any amin'ny Tompo Mpamindrafo, Mpanelanelana sy Ankatoavina. »

Nanontany an'ireo mpanara-diany i Houssayn (as) hoe : « Iza io olona io ? »

Namaly azy ireo mpanara-diany hoe : « Ibn Hawzah io. »

Nilaza i Houssayn (as) hoe : « Tompo ô, ento mankany amin'ny Afobe izy ! »

[Tsy tapitapitr'izay,] dia tafahitsoka tao anatin'ny sakelin-drano kely iray ny soavaliny ary nianjera tao izy, ka ny tongony havia dia tavela miraikitra eo amin'ilay fitoeran-tongotra, ny tongotra havanana kosa dia niraviravy, koa tamin'izany no nanafihan'i Mouslim b. 'Awsajah azy sy nikapohany ilay tongony havanana izay tapaka tanteraka. Nanomboka niriotra tampoka tsy ankijanona ilay soavaly, ny lohan'Ibn Hawzah dia nifandimby nidona amin'ny vato sy ny hazo mandra-pahafatiny. Arak'izany, i Allah dia namarina ny fanahiny any amin'ny Afobe.

ILAY ADY NAFANA

Nafana dia nafana ny ady. Ireo toby roa tonta dia samy nahafatesana miaramila betsaka. Horr b. Yazid dia niady [amin-kerim-po] nanohitra an'ireo miaramilan'i 'Omar b. Sa'd. Novakiany ireo andalan-tononkalo narafitr'[ilay poeta] i Antara manao hoe :

« Hotohizako foana ny fikapohana azy ireo eo amin'ireo tarehy

Sy eo amin'ireo tratran'izy ireo mandra-pahatongan'izy ireo mihosin-drà. »

Rehefa avy eo, lehilahy iray avy amin'ny fokon'ireo Balharith, mitondra ny anarana hoe Yazid b. Soufyan, nandroso mba hiady [amin'ny adin'olon-droa]. Saingy tsy naharitra ela akory ny namonoan'i Horr azy.

Nafi' b. Hilal dia niady [teo anilany] ary niteny hoe : « Izaho no zanak'i Hilal al-Bajali, izaho dia mpanara-dian'i 'Ali (as) ! »

Tamin'izany indrindra, i Mozahim b. Horayth dia nandroso nanatona azy ary niteny taminy hoe : « Izaho kosa dia mpanara-dian'i 'Othman ! »

Hoy i Nafi' b. Hilal taminy hoe : « Ianao izany no mpanara-dian'ilay Satana ! » Ary dia noveleziny izy ka matiny.

Niantsoantso mafy [nankany amin'ireo olony] i 'Amr b. Hajjaj al-Zobaydi nanao hoe : « Adaladala ! Fantatrareo ve iza no iadivanareo ?! Ireo no miaramilan'ny tanàna, olona efa vonona ny ho faty ireo. Aoka ny iray aminareo mba tsy hisy hanao adin'olon-droa amin'izy ireo. Tsy dia maro akory izy ireo, ka tsy afaka ny hanohitra haharitra ela, arak'izany dia ifantàna amin'i Allah fa na dia amin'ny alalan'ny tora-bato fotsiny aza no hiadiavanareo amin'izy ireo, dia ho matinareo izy ireo ! »

Niteny i 'Omar b. Sa'd hoe : « Marina ny anao, tsara ny hevitrao. »

Avy eo dia nandefa [hafatra] tamin'ireo miaramila izy mikasika ny fanapahan-keviny hoe : « Aoka na dia iray amin'ireo miaramila mba tsy hanao adin'olon-droa amin'ireo miaramilan' [i Houssayn (as)] ! »

NAHAFATY MARITIORA AN'I MOUSLIM B. 'AWSAJAH

'Amr b. Hajjaj sy ireo namany dia nanangana fanafihana [ny tobin'i] Houssayn (as) teo anilan'ilay Eofrata. Niady nandritra ny fotoana iray izy ireo mandra-pahalavo an'ady an'i Mouslim b. 'Awsajah al-Assadi (ra). 'Amr sy ireo namany dia niala ary rehefa nisava ny vovoka [nitorajofa], dia hitan'izy ireo [ireo mpanara-dian'i Houssayn] izy niampatra teo amin'ny tany.

Nandeha nanatona azy i Houssayn (as) ary hitany fa mbola misy aina fa saingy efa eo ambavahaona. Hoy izy taminy hoe : « Ry Mouslim, hamindrafo aminao anie i Allah. **{Misy tamin'izy ireny no efa nahatratra ny tanjony, ary ny sasany kosa mbola miandry ; ary tsy mbola niova mihitsy izy ireo.}**¹ »

¹ Ny boky masina Kor'any, 33:23

Avy eo, i Habib b. Mozahir nanatona azy ka niteny hoe : « Mampahonena ahy ny mahita ny fahafatesanao ry Mouslim ! Raiso ny vaovao mahafalin'ny Paradisa [izay miandry anao]. »

Tamin'ny feo iva no nilazan'i Mouslim taminy hoe : « Allah anie hitondra vaovao mahafaly ho anao. »

Hoy i Habib taminy hoe : « Raha tsy nahalala aho fa hanaraka ireo dianao afaka fotoana vitsivitsy, dia nanam-paniriana ny mba hametrahanao amiko izay tena zava-dehibe aminao. »

FANAFIHANA AN'IREO MPIARA-DIA AMIN'I HOUSSAYN (AS)

Avy eo ireo mpanara-dia an'i Houssayn (as) dia niverina teo aminy.

Shimr b. Zil-Jawshan -Allah anie no hanozona azy- dia nanafika ny elatra an-kavian'ireo miaramilan'i Houssayn (as), izay nanohitra azy. Saingy notafihina teo amin'ny lafiny rehetra i Houssayn sy ireo namany. Arak'izany, dia nasiaka ny ady nataon'izy ireo ary ireo mpitaingin-tsoavaly [miaramilan'i Houssayn (as)] dia nanomboka nanafika an'ireo fahavalo. Misy roa amby telopolo izy ireo fa isaky ny manafika amin'ny lafiny misy an'ireo

miaramilan'i Koufa izy ireo, dia nahavita hatrany ny nampiparitaka azy ireo.

Teo ampahitana an'ireo miaramila niparitaka teo amin'ny lafiny rehetra, i 'Orwah b. Qays -izay lehiben'ireo miaramilan'ny vahoakan'i Koufa-dia nandefa haingana olona iray mba hilaza amin'i 'Omar b. Sa'd hoe : « Tsy hitanao angaha ny manjo ireo miaramilanay hatramin'ny maraina manoloana an'ity [miaramila] vitsy an'isa ity ?! Alefaso haingana ireo miaramila antongotra sy ireo mpitifitra amin'ny zanatsipika mba hanohitra azy ireo ! » Koa dia nalefany àry ireo mpitifitra amin'ny zanatsipika.

NAHAFATY MARITIORA AN'I HARR B. YAZID

Ny soavalin'i Harr b. Yazid dia naratra teo amin'ny tongony. Nidina avy teo amin'ny soavaliny izy sady namaky izao andalana tononkalo manaraka izao :

« Raha noratrainareo eo amin'ny tongony ilay soavaliko, dia izaho no zanak'i Harr

Mahery fo mihoatra ny liona be volontenda. »

Rehefa nohodidinin'ireo fahavalo maro izy, dia noveleziny tamin'ny sabany izy ireo.

[Tamin'ny farany,] izy dia matin'i Ayyoub b. Moussarrih sy miaramilan'i Koufa iray hafa.

ILAY ADY FARANY NATAON'IREO MPANARA-DIAN'I HOUSSAYN (AS)

Ny ady nifanaovan'ireo mpanara-dian'i Houssayn b. 'Ali (as) sy ireo fahavalon'izy ireo dia nafana tokoa hatramin'ny mitatao vovonana. Rehefa i Houssayn b. Nomayr, izay mpitarika an'ireo mpitifitra amin'ny zanatsipika, no nahatsapa ny fanoherana mafy nataon'ireo mpanara-dian'i Houssayn (as), dia nanatona an'ireo miaramilany izy, izay nahatratra ho diman-jato mpitifitra amin'ny zanatsipika, ka niangavy tamin'izy ireo mba hanao fanafihana amin'ny tfitra vary raraka. Notanterahin'izy ireo izany, ka vokatr'izany dia maro tamin'ireo soavalin'ireo ekipan'i Houssayn (as) no naratra teo amin'ny tongony ary toy izany koa ireo miaramila maro. Nitohy nandritra ny fotoana kely ny ady ary nahery vaika.

Nandroso nanatona i Shimr b. Zil-Jawshan sy ireo miaramilany fa i Zohayr b. Qayn (ra), nampian'ireo mpanara-dian'i Houssayn miisa folo, no nanafika nanohitra azy. Arak'izany, dia nahavoatosika azy ireo mba hanalavitra ireo tranolay izy ireo. Na teo aza izany, dia niverina nanafika indray i Shimr b. Zil-Jawshan, ka

tamin'izany, dia nahafaty ireo sasany izy no sady nahatosika ireo hafa nankany amin'ny tobin'izy ireo.

Zohayr b. Qayn, nitodika nankany amin'i Houssayn (as), ka namaky izao tononkalo manaraka izao :

« Ankehitriny, izahay dia hihaona amin'ny raibena ilay Iraka,

i Hassan sy i 'Ali al-Mourtadha [ilay voahosotra],

Ary koa ilay tanora sy mahery fo [maritiora] manana elatra roa. »

Tao amin'ny tobin'i Houssayn (as), ireo maritiora izay lavo an'ady dia tsapa tokoa noho ny havitsian'izy ireo, fa kosa ny tao amin'ny tobin'i 'Omar b. Sa'd, noho ny hamaroan'izy ireo dia tsy tsapa loatra ny fisian'ireo maty.

NY VAVAKA AMIN'NY MITATAO VOVONANA (ZOHR)

Nangotraka ny tohin'ny ady. Tao amin'ny tobin'i Abou 'Abdillah Houssayn (as), dia betsaka ireo mpanara-dia no maty maritiora sy naratra, ary izany dia hatramin'ny mitatao vovonana. Nanatanteraka ny fanompoampivavahan'ny vavaka ao anatin'ny tahotra (Salat

al-Khawf) i Houssayn (as) niaraka tamin'ireo mpanara-diany.

NAHAFATY MARITIORA AN'I HANZALAH B. SA'D AL-SHIBAMI

Hanzalah b. Sa'd al-Shibami dia nanatona, nijanona nanoloana an'i Houssayn (as) ary niteny tamin'ireo miaramilan'i Koufa tamin'ny feo avo hoe : « **{Ry vahoakako, atahorako aminareo ilay andro iray mitovy amin'ny an'ireo vondron'olona nitambatra [mpikomy]. Ry vahoakako, atahorako aminareo ilay andro hifampiantsoanareo (Tanad).}**¹ Ry vahoaka[ko] aza vonoinareo i Houssayn fa raha tsy izany i Allah dia hanapotika anareo amin'ny alalan'ny Famaizany. **{Izay mamorona [lainga] dia very.}**² »

Taorian'izany izy dia niditra an-tsehatra [tamin'ny ady] ary niady mandra-pahafaty maritiora azy. [Ny mpitantara :] « Hamindrafo aminy anie i Allah. »

¹ Ny boky masina Kor'any, 40:30 sy 32

² Ny boky masina Kor'any, 20:61

NAHAFATY MARITIORA AN'I 'ABISS B. ABI SHABIB SY ILAY MPANOMPONY I SHAWZAB

Taorian'izany, i Shawzab, ilay mpanompo [avy amin'ny fokon'] ireo Shakir no nandroso sy niteny hoe : « Ny fiadanana, ny famindrampo sy ny fahasoavan'i Allah anie ho aminao ry Aba 'Abadillah. Ankiniko sy apetrako eo amin'i Allah anie ianao. » Avy eo dia niady izy mandrapahafaty maritiora azy. [Ny mpitantara :] « Hamindrafo aminy anie i Allah. »

Avy eo dia anjaran'i 'Abiss b. Abi Shabib al-Shakiri indray no nandroso. Niarahaba an'i Houssayn (as) izy, nanao veloma taminy, nialohan'ny nidirany an-tsehatra tamin'ilay ady mandrapahalavo maritiora azy. [Ny mpitantara:] « Hamindrafo aminy anie i Allah. »

NAHAFATY MARITIORA AN'I 'ALI B. HOUSSAYN (AS) AL-AKBAR

Ireo mpanara-dian'i Houssayn (as) dia nifandimby lavo maritiora ka tsy nisy olona tavela intsony teo aminy afa-tsy ireo fianakaviany. Arak'izany, ilay zanany i 'Ali b. Houssayn (as) dia niomana ho amin'ilay ady. Ny anaran-dreniny dia i Layla b. Abou Mourrah b. 'Orwah b. Mas'oud al-Thaqafi. Izy [i 'Ali b. Houssayn] dia tena nanana tarehy namirapiratra

ary teo anelanelan'ny telo ambin'ny folo sy roapolo taona izy tamin'io fotoana io. Notafihiny ireo fahavalo no sady niteny mafy izy nanao hoe :

« Izaho no i 'Ali b. Houssayn b. 'Ali

Mianiana amin'ilay Tranon'i Allah aho fa izahay no tena akaikin'ilay Iraka.

Ifantàna amin'i Allah, fa ny zazasary dia tsy mba hibaiko anay.

Hoveleziko amin'ny sabatro ianareo mba hiarovako ny raiko,

Izany dia kapoka iray avy amin'ny tanora iray Hashimita Korayshita. »

Nanao izany imbetsaka izy amin'izay ireo miaramilan'i Koufa tsy ho afaka nanafika azy. Morrah b. Monqiz al-'Abdi nahatsikaritra izany ka niteny hoe : « Aoka anie ny fahotan'ireo Arabo rehetra no hitambesatra amiko raha toa ka manao izany indray izy ka mandalo eo akaikiko nefa izaho dia tsy [nanaisotra azy teo amin'ny rainy no sady tsy] nampisento tomany an-drainy noho ny fahafatesany. »

Nanohy nanafika an'ireo miaramila tamin'ny alalan'ny sabatrany toy ny nataony teo aloha izy [i 'Ali al-Akbar] fa saingy tamin'ity indray mitoraka ity kosa i Morrah b. Monqiz no nanakan-dàlana azy, nikapoka sy nampianjera

azy. Nohodidin'ireo miaramila izy izay namirafira azy tamin'ny alalan'ny sabatr'izy ireo.

Nihazakazaka i Houssayn (as) nankeo aminy, nijanona teo anilany sy niteny hoe : « Allah anie handevona ireo olona izay namono anao ry zanako ! Fa maniratsira loatra eo anatrehan'Ilay Mpamindrafo izy ireo amin'ny fanimbazimbana ny zava-masin'ilay Iraka ! », no sady nikoriana teo amin'ny tavany ireo ranomaso. Avy eo izy nanohy ny teniny nanao hoe : « Aorianao [ny fahafatesanao], dia ho lasa vovoka anie ny Tany ! »

[Tamin'io fotoana io,] i Zaynab, ilay anabavin'i Houssayn, nihazakazaka sady niantso mafy nanao hoe : « Ry anadahiko ô ! Ry zanak'anadahiko ô ! », ary dia niantoraka teo aminy ['Ali al-Akbar] izy. Natsangan'i Houssayn izy ary nentiny niverina hatrany amin'ilay tranolay lehibe. Avy eo izy niangavy an'ireo tanorany hoe : « Alaivonareo ny rahalahinareo. » Nalain'izy ireo izy ka napetrak'izy ireo nanoloana ilay tranolay lehibe izay nanoloana izany izy ireo no niady.

NAHAFATY MARITIORA AN'I 'ABDALLAH B. MOUSLIM

Avy eo ny miaramilan'i 'Omar b. Sa'd, mitondra ny anarana hoe 'Omar b. Sabih dia

nitifitra [zanatsipika] tamin'i 'Abdallah b. Mouslim b. 'Aqil (ra) izay nahatonga ny felatanan'ity farany voafantsika eo amin'ny handriny. Te hiaro ny tenany izy nefa ilay zanatsipika no nitsatoka teo amin'ny felatanany ka niraikitra teo amin'ny handriny. Tsy afaka nampihetsika izany intsony izy. Ary dia notorahan'i 'Omar lefona teo aminy izay nitsatoka teo amin'ny fony ka nahafaty azy.

NAHAFATY MARITIORA AN'IREO ROALAHY ZANAK'I 'ABDALLAH B. JA'FAR SY I 'ABD AL-RAHMAN B. 'AQIL

Notafihin'i 'Abdallah b. Qotbah al-Taïy i 'Awn b. 'Abdallah b. Ja'far b. Abi Talib (ra) ary dia novonoiny izy.

'Amir b. Nahshal al-Taymi no nanafika an'i Mohammad b. 'Abdallah b. Ja'far b. Abi Talib (ra) ary dia novonoiny izy.

'Othman b. Khalid al-Hamdani no nanafika an'i 'Abd al-Rahman b. 'Aqil b. Abi Talib (ra) ary dia novonoiny izy.

NAHAFATY MARITIORA AN'I QASSIM B. HASSAN

Homayd b. Mouslim dia nitantara toy izao :

« Raha mbola nitohy hatrany ny ady, dia nisy tovolahy iray no nandroso nanatona anay, ny tarehiny dia hita fa [mampirapiratra] toy ny diavolana misandratra, sabatra iray no teny antanany ary nitafy lobaka sy lambabe ary kapa izy, izay nisy fahatapahana ny iray amin'ireo kapany.

Niteny tamiko i 'Omar b. Sa'id b. Nofayl al-Azdi hoe : "Ifantàna amin'i Allah, fa handeha aho hanafika azy amin'ny heriko rehetra."

Namaly aho hoe : "Allah no Ilay fahadiovana faratampony ! Te hanao inona any ianao ?! Ireto miaramila izay tazanao ireto no tsy hamela anao [ny hamono azy]. Izy ireo dia tsy namela ho velona mihitsy hatramin'izao na dia olona iray amin'izy ireo."

Hoy izy hoe : "Ifantàna amin'i Allah fa, handeha ho tafihako izy !"

Avy eo dia nihazakazaka nankany aminy izy, nizotra mahitsy nankany aloha, tsy niherikerika, mandra-pamelezany azy tamin'ny sabatra teo amin'ny loha ka naratra [izy]. Nianjera teo amin'ny tavany ilay tovolahy sady niantso mafy hoe : "Ry dadatoako ô !"

Niriotra mafy haingana toy ny voromahery i Houssayn (as) ka nanafika ankasiahana toy ny liona romotra. Noveleziny mafy tamin'ny sabatra i 'Omar b. Sa'id b. Nofayl izay niaro tena

tamin'ny alalan'ny lanton-tanany, ka tapaka nitangarana hatreo amin'ny kiho izany. Ity farany moa dia niantsoantso [vonjy]. Ireo miaramila tao amin'ny tafiny izay naheno izany dia nandeha haingana mba hamonjy azy fa i Houssayn (as) kosa dia efa niala teo. Ireo soavalin'ireo miaramilan'i Koufa no nanitsakitsaka azy [i 'Omar b. Sa'id b. Nofayl] [tsy fidiny] koa dia maty ity farany izay voaitsak'ireo kitron-tsoavaly.

Rehefa nisava ny vovoka [izay nitorajofa], dia hitako i Houssayn (as) nitoetra teo akaiky ny lohan'ilay tovolahy fa ity farany kosa dia [niampatra tamin'ny tany] nitsipatsipaka amin'ny tany ireo tongony.

Niteny i Houssayn (as) hoe : "Ho levona anie ireo olona izay namono anao ary ny raibenao dia ho anisan'ny fahavalon'izy ireo amin'ilay andron'ny Fitsanganana. Ifantàna amin'i Allah, fa tena mampahory ny dadatoanao ny naheno ny antsonao [nila vonjy] kanefa izy dia tsy afaka namaly anao, na namaly anao ihany izy, fa tsy nahavonjy anao akory. Ifantàna amin'i Allah fa izany [antsonao izany] dia antso noho ireo mpamono maro loatra [mba ho valiana] nefa ireo mpamonjy dia vitsy kely !"

Avy eo dia notrotrony teo an-tratrany izy. Tsikaritra ireo tongotr'ilay tovolahy

[nosarisarihana sy] namela soritra amin'ny tany. Nentina izy mandra-pametrahany azy teo akaikin'ny zanany i 'Ali b. Houssayn sy ireo maritiora hafa amin'ny fianakaviany.

Taorian'izany, dia nanontaniako iza moa ity tovolahy ity. Nisy namaly ahy fa izy dia i Qassim b. Hassan b. 'Ali b. Abi Talib (as). »

NAHAFATY MARITIORA NY ZANAK'I HOUSSAYN (AS) SY I ABOU BAKR B. HASSAN

Nipetraka teo akaikin'ny tranolainy i Houssayn (as). Ny zanany, i 'Abdallah b. Houssayn, no nentina teo aminy. Mbola zazakely izy. Noraisiny teo ampofoany izy ary raha mbola teo aminy izy dia nisy miaramila iray avy amin'ny fokon'ireo Assad no nitifitra zanatsipika iray [teo amin'ilay zaza] ka nanapaka ny tendany izany tifitra izany. Notatazan'i Houssayn (as) ny ràny koa rehefa feno ny felatanany, dia naranany teo amin'ny tany sady niteny izy nanao hoe : « Tompo ô, raha lanao no tapa-kevitra ny hitazona ny famonjena avy any an-danitra dia ataovy izany ho tsara kokoa [ho anay] ary valio faty ireto mpanageja anay ireto. »

Avy eo izy dia napetrany teo akaikin'ireo maritiora sasany amin'ny fianakaviany.

Nitifitra [zanatsipika] an'i Abou Bakr b. Hassan b. 'Ali b. Abi Talib (as) kosa i 'Abdallah b. 'Oqbah al-Ghanawi izay nahafaty azy.

NAHAFATY MARITIORA AN'I 'ABBASS B. 'ALI (AS) SY IREO RAHALAHINY

Rehefa tsapan'i 'Abbass b. 'Ali (ra) fa ny ankamaroan'ireo fianakaviany no efa lavo maritiora avokoa, dia niresaka tamin'ireo rahalahiny iray tampo aminy izy, dia i 'Abdallah, i Ja'far sy i 'Othman nanao hoe : « Ry rahalahiko, midira an-tsehatra [amin'ny ady] ianareo amin'izay izaho no hijoro vavolombelona ny fahafoizanareo tena ho an'i Allah sy ilay Irany satria ianareo dia tsy mba manan-janaka ! »

Niditra an-tsehatra [tamin'ilay ady] i 'Abdallah. Niady tamin'ny herim-po tokoa izy. Hani b. Thobayt al-Hadhrami no nanohitra namely azy ary nony farany i Hani -Allah anie hanozona azy- dia nahafaty azy. Nanaraka izany, i Ja'far b. 'Ali (ra) izay nandroso nanatona fa novonoin'i Hani ihany koa. Avy eo, i Khawli b. Yazid al-Assbahi no nitifitra [zanatsipika iray] tamin'i 'Othman b. 'Ali (ra), izay nisolo ny toeran'ireo rahalahiny [tao anatin'ny ady]. Izy no nandavo azy nialohan'ny nahatongavan'ireo miaramila avy amin'ny fokon'ireo Darim teo aminy sy nanapaka ny lohany.

Vondrona iray no nanafika [ny tobin'i] Houssayn (as) sy namely ireo miaramilany.

Nihamafy ny hetaheta. Houssayn (as) dia [niezaka] ny handalo eo amin'ny sakana sy ho tonga eo amin'ny Eofrata niaraka tamin'ny rahalahiny i 'Abbass.

Ireo miaramilan'i 'Omar b. Sa'd dia nanakan-dàlana ary niaraka tamin'izy ireo, lehilahy iray avy amin'ny fokon'ireo Darim nilaza [tamin'ireo miaramila] nanao hoe : « Loza ho anareo, sakano izy ireo mba tsy ho tonga eny amin'ny Eofrata ary aza avela hahazo amin'ilay rano ! »

Hoy i Houssayn (as) hoe : « Allah ô, ataovy mangetaheta izy ! »

Tezitra noho izany ilay lehilahy avy amin'ny fokon'ireo Darim ka nitifitra azy tamin'ny zanatsipika izay nitsatoka teo amin'ny saokany. Notsoahin'i Houssayn (as) ilay zanatsipika ary napetrany nivelatra teo amin'ny saokany ny tanany, feno rà ny felatanany roa izay nariany teo amin'ny tany, ary hoy izy hoe : « Ry Allah, mitaraina aminao aho noho izy ireo manao [fampahoriana] amin'ny zafikelin'ilay Irakao ! »

Noho izany dia niverina teo amin'ny toerany [teo aloha] izy na dia nitohy nihamafy hatrany aza ny hetaheta. [Nandritr'izany,] dia voahodidin'ireo miaramila i 'Abbass ka

nahatak'izy ireo taminy [tamin'i Houssayn].
Arak'izany, dia niady irery izy mandra-pahalavo
azy ho maritiora [fifalian'i Allah anie ho aminy].
Ireo izay nandray anjara tamin'ny famonoana
azy taorian'izy [i 'Abbass] feno ratra sy tsy afa-
nihetsika intsony, dia i Zayd b. Warqa al-Hanafi
sy i Hakim b. Tofayl al-Sinbissi.

TOKO FAHARAIIKA AMBIN'NY FOLO : NY NAHAFATY MARITIORA AN'NY IMAM HOUSSAYN (AS)

FOTOANA FARANY NIAINAN'I HOUSSAYN (AS)

Rehefa avy niverina teo amin'ilay sakana nankeo amin'ny tranolainy i Houssayn (as), dia nandroso nanatona i Shimir b. Zil-Jawshan niaraka tamin'ny andiana miaramila iray, ary niaraka niodidina azy izy rehetra. Anisan'izy ireo, lehilahy iray antsoina hoe Malik b. Nasr al-Kindi, no nanatona an'i Houssayn, naniratsira azy, ary dia nikapoka azy teo amin'ny lohany tamin'ny alalan'ny sabatra, izay naharovitra ny satro-bory notafiany. Nahavao ny lohany ilay kapoka ka nampikoriana ny rà izay nameno ilay satro-bory.

Niteny i Houssayn taminy hoe : « Aoka anie ianao tsy ho afaka intsony ny hisakafo na hisotro amin'ny alalan'ireo tànanao ireo. Allah anie hanangana anao amin'ny maty miaraka amin'ireo ratsy fanahy ! »

Ary dia nesoriny ilay satro-bory ka nangataka tapa-damba iray izy mba hamonosany ny lohany nialohan'ny nangatahany satro-bory iray hafa mba hitafiany ary nofonosany fehiloaha izany.

Shimr b. Zil-Jawshan sy ireo miaramilany dia niverina teo amin'ny toeran'izy ireo teo aloha.

Niandry fotoana kely i Houssayn (as), avy eo izy dia niverina an-tsehatra namonjy ny ady. Niverina indray àry izy ireo niodidina azy.

'Abdallah b. Hassan b. 'Ali (as), ankizilahy iray mbola tsy ampy taona, no indro nivoaka avy tamin'ny toerana nisy an'ireo vehivavy ary nandeha haingana teo amin'izy ireo mandrapijanonany teo akaikin'i Houssayn (as). Zaynab b. 'Ali (as) niezaka nanatratra azy nandritra ny fotoana nilazan'i Houssayn (as) taminy nanao hoe : « Tazomy izy ! Ry anabaviko ! » Nefa ilay ankizilahy nandà tanteraka izany sady nilaza hoe : « Ifantàna amin'i Allah fa, tsy hisaraka amin'ny dadatoako aho ! »

[Tamin'izany indrindra,] i Abjar b. Ka'b dia niantoraka teo amin'i Houssayn (as) niaraka tamin'ny sabany. Niteny mafy taminy ilay ankizilahy nanao hoe : « Loza ho anao, ry zanaky ny vehivavy maloto ! Ny dadatoako no tianao hovanoina ! »

Noveleziny [i Abjar] kapoka mafy tamin'ny sabatra izy, fa ilay ankizilahy no niaro azy tamin'ny alalan'ny tànany izay [teo noho eo] dia tapaka saingy ny hoditra no nitazona izany.

Rehefa niraviravy ny tànany dia niantso mafy ilay ankizilahy hoe : « Ry neny ô ! »

Noraisin'i Houssayn (as) teo amin'ny sandriny izy, ary hoy izy taminy hoe : « Ry zanako, ataovy fitsapana hiaretanao izao zava-manjo anao izao ary mangataha [amin'i Allah] mba hamaliany soa tsara indrindra ho anao [amin'ity fitsapana ity]. Tsy ho ela i Allah dia handefa anao hanaraka an'ireo razanao olo-marina ireo. »

Avy eo i Houssayn nanandratra ireo tànany [teny amin'ny lanitra] ary niteny hoe : « Ry Allah, raha homenao fahafinaretana mandritra ny fotoana iray izy ireo dia mba zarazarao ho antoko izy ireo izay samy hanaraka ireo làlana samihafa. Koa aoka ireo governora mpitondra mba tsy ho faly amin'izy ireo mihitsy. Izy ireo dia niantso anay mba hanampy anay nefa dia nanafika anay am-pankahalana izy ireo ary namono anay ! »

Ireo miaramila [fahavalo] mpandeha antongotra dia nanafika eran'ny lafiny rehetra izay sisa tavela niaraka tamin'i Houssayn, ka tsy nisy afa-tsy olona telo na efatra ihany no sisa teo anilany. Rehefa nahita izany izy, dia niangavy mba homena azy ireo pataloha vita yemenita miloko mangirangirana izay nendahiny sy notriariny [tamin'ireo rovitra] mba tsy hisy

handrava izany [aorian'ny hahamaritiora azy], avy eo dia notafiany izany.

Taorian'ny nahamaritiora azy, dia nesorin'i Abjar b. Ka'b taminy izany ka navelany tsy nitafy lamba izy. Taorian'izay toe-javatra izay sy vokatr'izany [heloka izany], dia lasa maina ireo sandriny mandritra ny fahavaratra, manjary toy ny taho ary mihalo sy maloto mandritra ny ririnina ka mamoka rà sy nana. Nijanona tao anatin'izany endrika izany izy mandrapanomezan'i Allah azy ny fahafatesana.

Rehefa tsy nisy afa-tsy olona telo avy amin'ny fianakaviany fotsiny no sisa teo amin'i Houssayn (as), dia nandroso nanatona an'ireo miaramila [fahavalo] izy mba hanosika azy ireo. Ireo olona telo sisa tavela dia niaro azy mandrapiafaran'izy ireo maty novonoina.

Ankehitriny i Houssayn (as) dia irery ary feno ratra avokoa ny lohany sy ny vatany. Notafihiny tamin'ny sabany izy ireo ka vaky nandositra niankavanana sy niankavia ireto farany.

Homayd b. Mouslim dia nitantara toy izao : « Ifantàna amin'i Allah fa, izaho dia mbola tsy nahita mihitsy olona niodidinin'ny miaramila tena maro be -ary ireo zanany, ny fianakaviany sy ireo namany dia efa maty maritiora avokoa- ka manana fiadanan-tsaina mihoatr'azy sy manana

herin-tsaina tahak'azy. Rehefa niezaka ny hisambotra azy ireo miaramila mpandeha antongotra, dia notafihany tamin'ny sabany izy ireo. Ireo miaramila ireo dia vaky nandositra miakavanana sy miakavia tahaka ireo osivavy eo anatrehan'ny amboadia izay manafika !

Teo ampahitana izany, i Shimr b. Zil-Jawshan dia niantso ireo miaramila mpitaingin-tsoavaly ary naka toerana taorian'ireo miaramila antongotra izy ireo. Nomeny baiko ireo mpitifitra amin'ny zanatsipika mba hitifitra vary raraka amin'i Houssayn (as). Nitsatotsatoka teo amin'ny vatany iray manontolo ireo zanatsipika toy ireny sokina ireny. Nihemotra i Houssayn (as) ary naka toerana teo anoloany ireo fahavalo.

Nivoaka ilay anabaviny i Zaynab b. Fatima, nijoro teo akaikin'ny fidirana eo amin'ny tranolay ary niteny hoe : "Ry 'Omar b. Sa'd b. Abi Waqqas ! Loza anie ho anao, ry 'Omar ! Abou 'Abdillah dia novonoina ary ianao ve dia [mitsangana fotsiny] mijery azy ?!"

Tsy nampihontsina an'i 'Omar akory izany.

Nanohy ny teniny izy hoe : "Loza anie ho anareo ! Tsy misy silamo mihitsy ve eo aminareo ?!"

Nefa tsy nisy taitra tamin'izany ny olona.

Shimr b. Zil-Jawshan niteny mafy nanatrika an'ireo miaramila mpitaingin-tsoavaly sy mpandeha an-tongotra nanao hoe : “Loza ho anareo ! Nahoana ianareo no mitazam-potsiny an'io lehilahy io ?! Aoka anie ireo reninareo halahelo hitomany amin'izay anjara ho avinareo !” Ary dia notafihin'izy ireo izy manerana ny fitodihana rehetra. »

NAHAFATY MARITIORA AN'I HOUSSAYN (AS)

Novelezin'i Zor'ah b. Sharik [tamin'ny sabatra] teo amin'ny felatanana havia ka tinapaka. Miaramila iray hafa no namely azy teo amin'ny soroka, arak'izany izy [i Houssayn (as)] dia nitolefika vokatr'ilay kapoka ary dia niafara tamin'ny fianjerany nitsirara teo amin'ny tany. Tao anatin'izany zava-nanjo azy izany, i Sinan b. Anas no nanatsatoka ny lefony teo aminy ary dia nianjera [indray] izy [i Houssayn (as)].

Khawli b. Yazid al-Assbahi -Allah anie hanozona azy- no nidina avy teo amin'ny soavaliny sy nihazakazaka nankeo aminy mba hanapaka ny lohany saingy nangovitra ny tenany.

Hoy i Shimr taminy hoe : « Hopotehin'i Allah anie ireo sandrinao ! Fa inona no mampangovitra anao ?! »

Tamin'izay, i Shimr dia nanatona an'i Houssayn (as) sy nanapaka ny lohany ! Avy eo dia nomeny an'i Khawli b. Yazid ilay loha tapaka ary hoy izy taminy hoe : « Ento io ho any amin'ny lehibe mpitari-tafika i 'Omar b. Sa'd. »

Taorian'izany, dia nanomboka nanendaka ny vatan'i Houssayn (as) izy ireo. Iss-haq b. Haywah al-Hadhrami no nanaisotra ny lobany. Abjar b. Ka'b no nanaisotra ireo patalohany. Akhnass b. Marthad no naka ny fehilohany fa lehilahy iray avy amin'ny fokon'ireo Darim kosa no nandray ny sabany.

FANDROBANA IREO TRANOLAY

Avy eo izy ireo dia nandrava ireo entany, ireo ramevany sy ireo fananany nialohan'ny nandrobana an'ireo vehivavy.

Homayd b. Mouslim dia nitantara toy izao : « Ifantàna amin'i Allah, fa hitako ireo vehivavy anisan'ireo vadin'i Houssayn (as), ireo zanany vavy sy ny fianakaviany, no nampanendahina ireo fitafian'izy ireo avy aoriana ary ny mpandroba dia naka ny fananan'izy ireo niaraka amin'ny fitafian'izy ireo.

Nony farany izy ireo dia nahita an'i 'Ali b. Houssayn (as) raha toa ka ity farany dia tao anatin'ny aretina mafy sy niampatra teo amin'ny karipetrany. Ireo miaramila nandeha an-tongotra niaraka tamin'i Shimr dia niteny hoe : "Tsy hovanointsika angaha io olo-marary io ?"

[Tamin'izay fotoana izay,] dia hoy aho hoe : "Allah, Ilay fahadiovana faratampony ! Hovonoinay [koa] ireo ankizy ?! Nefa io dia mbola zaza ! Ny toe-pahasalamany dia efa ampy [mampijaly] ho azy !" Izaho dia tsy nahetsika teo mandra-pahavitako nampiala azy ireo.

Ary tonga i 'Omar b. Sa'd. Ireo vehivavy dia nikiakiaka sy nitaraina teo anatrehany. Hoy àry izy tamin'ireo namany hoe : "Aoka tsy hisy olona hiditra ao amin'ireo tranolain'ireto vehivavy ireto ! Aoka tsy hisy hikasi-tànana an'ity tovolahy marary ity !"

Niangavy taminy ireo vehivavy ireo mba hamerenana ireo entan'izy ireo izay norobaina mba hahafahan'izy ireo misarona.

Hoy izy : "Izy nandrava ireo entan'izy ireo dia aoka hamerina izany amin'izy ireo !"

Saingy ifantàna amin'i Allah, fa tsy nisy namerina ireo fananana ireo tamin'izy ireo.

Avy eo i 'Omar b. Sa'd dia nanome andraikitra andiana miaramila iray mba hanara-maso ireo tranolay ireo, indrindra fa ny an'ireo vehivavy sy an'i 'Ali b. Houssayn amin'izay tsy hisy olona afaka mivoaka [avy ao amin'ireo tranolay ireo] no sady tsy hisy afaka hanakorontana azy ireo. »

NY VATAN'I HOUSSAYN (AS) NOHITSAKITSAHIN'NY KITRON'IREO SOAVALY

Avy eo izy [i 'Omar] niverina tao amin'ny tranolainy ka niresaka tamin'ireo miaramilany : « Iza no handeha an-tsitrabo any amin'i Houssayn ka hanitsakitsaka azy amin'ny soavaliny ? »

Olona folo no nandeha an-tsitrabo, anisan'izy ireo, i Iss-haq b. Haywah al-Hadhrami sy i Akhnass b. Marthad, izay nanitsakitsaka [ny vatan'i] Houssayn tamin'ireo soavalin'izy ireo, mandra-pahamontsana ny lamosiny.

TOKO FAHAROA AMBIN'NY FOLO : IREO BABO TAORIAN'NY NAHAMARITIORA AN'NY IMAM HOUSSAYN (AS)

IREO HAVAN'NY IMAM NENTINA NANKANY KOUFA

Tamin'io fotoana io, izay andron'ny achourra, i 'Omar b. Sa'd dia nandefa ny lohan'i Houssayn (as) nankany amin'i 'Obaydollah b. Ziyad niaraka tamin'i Khawli b. Yazid al-Assbahi sy i Homayd b. Mouslim al-Azdi.

Izy [i 'Omar b. Sa'd] dia nanome baiko mba hanapahana sy hitondrana ny lohan'ireo mpanara-dia sy ireo fianakavian'i Houssayn (as), izay maty maritiora. Loha tapaka miisa roa ambin'ny fitopolo no nalefany niaraka tamin'i Shimr b. Zil-Jawshan, i Qays b. Ash'ath sy i 'Amr b. Hajjaj. Ary dia nizotra nanaraka ny lalana izy ireo mandra-pahatongavana teo amin'Ibn Ziyad.

Nijanona teo an-toerana izy [i 'Omar b. Sa'd] nandritra ny tapak'andro sisa sy ny ampitson'iny hatramin'ny mitatao vovonana.

Avy eo izy dia nanome baiko ireo olona mba hanala ny toby sy hiainga ho any Koufa. Nentiny niaraka taminy ireo zanakavavy sy ireo anabavin'i Houssayn (as), ireo ankizy sy ireo

vehivavy hafa ary koa i 'Ali b. Houssayn izay niaraka tamin'izy ireo. Ity farany moa dia nararin'ny aretin-kibo izay mila hahafaty azy mihitsy.

NY FANDEVENANA NY VATAN'IREO MARITIORA

Taorian'ny niaingan'Ibn Sa'd, ireo vahoaka avy amin'ny fokon'ireo Assad izay nonina tao [an-tanànan'ny] al-Gadhiriyyah, dia nivoaka [avy tao amin'ny tranon'izy ireo] ary nanatona an'i Houssayn sy ireo mpanara-diany (ra). Izy ireo dia nivavaka teo amin'ireo vatan'izy ireo. Avy eo, izy ireo dia nandevina an'i Houssayn (as) teo amin'ny toerana misy ny fasany ankehitriny sy nandevina an'i 'Ali b. Houssayn al-Asghar teo an-tongony. Nihady lavaka izy ireo teo akaikin'ny tongotr'i Houssayn (as) mba handevenana an'ireo maritiora fianakaviany sy mpanara-diany izay niampatrampatra nanodidina azy. Izy ireo dia namory azy ireo ary niaraka nalevina izy ireo. Avy eo izy ireo nandevina an'i 'Abbass b. 'Ali teo amin'ny toerana izay namonoana azy ihany, izany hoe teo amin'ny làlan'i al-Gadhiriyyah, izay misy ny fasany ankehitriny.

NY LOHAN'NY IMAM HOUSSAYN (AS) TEO ANATREHAN'IBN ZIYAD

Ny ampitson'ny nahatongavan'ny lohan'i Houssayn (as), no nahatongavan'Ibn Sa'd -Allah anie hanozona azy- tao Koufa niaraka tamin'ireo zazavavy sy ny fianakavian'i Houssayn (as).

Ibn Ziyad naka toerana teo am-pivoriana tao an-dapan'ny governora. Izy dia nampiantso fivoriana lehibe ho an'ny vahoaka [natrehin'ny rehetra]. Nanome baiko izy mba hanehoana ny lohan'i Houssayn (as) sy ny hametrahana azy indrindra eo anoloany. Nifantohany nojereny teo am-pitsikiana izany. Nisy tehina teny an-tànany izay nikapokapohany ireo nifin'i [Houssayn (as)].

Teo anilany no nahitana an'i Zayd b. Arqam, sakaizan'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany). Izy dia efa nahazo taona. Rehefa hitany izy mikapokapoka ireo nifin'i [Houssayn (as)], dia hoy izy taminy hoe : « Esory amin'ireo molotra roa ireo ny tehinao ! Ifantàna amin'Ilay tsy misy Andriamanitra hafa afa-tsy Izy, fa efa hitako ireo molotra roan'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) [nipetraka] teo amin'ireto molotra roan'i [Houssayn (as)] ireto no sady horohany imbetsaka izay tena tsy tambo isaina ! » Avy eo ilay antitra nisentosento nitomany.

Niteny Ibn Ziyad taminy hoe : « Allah anie hampitomany ireo masonao ! Ianao ve mitomany noho ny fandresen'i Allah ?! Ifantàna amin'i Allah, fa raha tsy olona antitra mirediredy izay efa very saina ianao, dia notapahiko ny lohanao. »

[Tamin'io fotoana io,] nitsangana i Zayd b. Arqam, niala [tao an-dapa] teo imasony ka lasa nody teny aminy.

IREO BABO TAO AMIN'NY FIVORIANA TEO ANATREHAN'IBN ZIYAD

Ireo fianakavian'i Houssayn (as) dia nampidirina [tao amin'ny fivorian'] Ibn Ziyad. Zaynab ilay anabavin'i Houssayn dia niaraka tamin'izy ireo. Tsy nisy nahafantarana azy intsony ary nitondra fitafiana mampahonena izy. Niditra izy ary nipetraka teo anjoron'ny fivoriana, nodidinin'ireo mpanompovaviny.

Niteny Ibn Ziyad hoe : « Iza io mipetraka eo anjorony io, izay otronin'ireo mpanompovavy ireo ? »

Tsy taitra akory i Zaynab.

Nanontany izany fanindroany izy, sy fanintelony [nefa tsy namaly azy akory izy].

Iray tamin'ireo mpanompovaviny no nilaza taminy hoe : « Izy no i Zaynab, ilay zanakavavin'i Fatima zanak'ilay Irak'i Allah ! »

Nanatona azy Ibn Ziyad ary niteny taminy nanao hoe : « Dera ho an'i Allah izay nampietry sy namono anareo sy izay nampandamoka ireo teti-[dratsinareo] ! »

Zaynab namaly nanao hoe : « Ny fiderana dia ho an'i Allah izay nanandratra anay tamin'ny alalan'ilay Irany i Mohammad (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) sy nanadio anay tanteraka. Ny mifanohitra amin'izany, dia miseho tava izao ny mpanao ratsy ary [ireo laingan'ny] mpanota dia miseho masoandro ! Fa tsy mba izany mpanota izany izahay, koa dera anie ho an'i Allah. »

Hoy izy : « Ahoana no fomba fitsaranao izay nataon'i Allah [hanjo] ny fianakavianao ?! »

Namaly izy hoe : « Ny ho faty maritiora dia efa lahatra ho azy ireo [avy amin'i Allah], arak'izany dia nanatanteraka izany izy ireo [tamin-kerim-po] ho any amin'ny toerana fialan-tsasatra [mandrakizay]. Allah dia hamory anareo, izy ireo sy ianareo [amin'ny andron'ny Fitsanganana] ary dia hanazava manoloana Azy ianareo sy hiady hevitra manoloana Azy ! »

Nitroatra Ibn Ziyad fa nentin-katezerana.

Nilaza taminy i 'Amr b. Horayth hoe : « Ry governora ! Izy anie dia vehivavy ihany fa ireo vehivavy dia tsy tompon'antoka amin'ireo fisainany ka tsy tokony homen-tsiny amin'ireo fahadisoany izy ireo. »

Avy eo Ibn Ziyad niresaka taminy hoe : « Allah dia nampitony [ireo fahorian'ny] fanahiko noho ny fahasiahanao [avy amin'ny anadahinao] sy ireo mpanota mpikomy avy amin'ny fianakavianao ! »

Torotoro ny fony ka nitomany izy, avy eo izy niteny hoe : « Ifantàko amin'ny aiko, eny, ianao no namono ny zokiolona [amin'ny fianakaviako], ianao no nampahory ny fianakaviako, ianao no nanapaka ireo rantsako sy namongotra ireo fototro ! Raha izany no nampitony anao dia eny, [ankehitry] mitonia ianao ! »

Hoy i 'Obaydollah hoe : « Ity dia [vehivavy iray] mpanao lahateny miady rima. Ifantàko amin'ny aiko, fa ny rainao dia poeta mpanao lahateny miady rima. »

Hoy izy hoe : « Inona moa no tombontsoan'ny vehivavy iray amin'ny fanaovana ireo lahateny miady rima ?! Izaho dia manana raharaha hafa hatao ankoatra ny fanaovana ireo tononkalo, fa saingy ny fahoriana ao am-poko dia tafaray ao amin'ny lelako. »

Taorian'izany, i 'Ali b. Houssayn dia naseho. Nanontany azy i 'Obaydollah b. Ziyad hoe : « Iza ianao ? »

Namaly izy hoe : « Izaho no i 'Ali b. Houssayn ! »

Hoy izy [i 'Obaydollah] hoe : « Allah ve tsy namono an'i 'Ali b. Houssayn ? »

Hoy izy [i 'Ali b. Houssayn] hoe : « Nanana rahalahy aho, i 'Ali ihany koa no fiantsoana azy, novonoin'ireo olona izy ! »

Niteny Ibn Ziyad hoe : « Izy Allah no namono azy ! »

'Ali b. Houssayn niteny hoe : « **{Raisin'i Allah ny fanahy amin'ny fotoana ahafatesany.}**¹ »

Tezitra Ibn Ziyad ka niteny hoe : « Ahoana no ahafahanao mamaly ahy toy izany ?! Mbola manan-kery hanoherana ahy angaha ianao ?! Entonareo izy ary tapaho ny lohany ! »

[Tamin'izany fotoana izany,] i Zaynab dia nitazona azy mafy sy niteny hoe : « Ry Ibn Ziyad ! Tsy mbola ampy anao angaha ny famonoanao anay ?! »

Nofihininy mafy teny amin'ny sandriny izy ary nanohy ny teniny hoe : « Ifantàna amin'i

¹ Ny boky masina Kor'any, 39:42

Allah, tsy avelako izy ! Raha vonoinao izy, dia vonoy miaraka aminy aho ! »

Nibanjina azy roa tao anatin'ny fotoana kely Ibn Ziyad, avy eo niteny hoe : « Mahafinaritra izany fifamatoram-pihavanana izany [sy mahatalanjona]. Ifantàna amin'i Allah, fa izy dia mitia ny hovonoiko miaraka aminy, raha toa ka hovonoiko izy ! Avelao izy ! Ny aretiny dia efa ampy ho azy ! »

NY FIHETSIKA NATAON'I 'ABDALLAH B. 'AFIF

Avy eo dia nandao ny fivoriana sy ny lapa izy, ary nankao amin'ny moske. Niakatra teo amin'ny polpitra izy ka nilaza hoe :

« Dera ho an'i Allah izay nampiseho ny marina sy ireo mpanaraka izany. Izy no nanome fandresena an'ilay Lehiben'ireo mpino i Yazid sy ny antokony, ary namono ny mpandainga zanaky ny mpandainga sy ireo mpanara-diany ! »

[Tamin'izany indrindra,] i 'Abdallah b. 'Afif al-Azdi, izay mpanara-dian'ilay Lehiben'ireo mpino [i 'Ali b. Abi Talib] (as), no nitsangana ka niteny hoe : « Ry fahavalon'i Allah ! Marina dia marina fa ireo mpandainga dia ianao sy ny rainao, ary koa izay nanome anao fahefana ho governora sy ny rainy. Ry zanak'i Marjanah,

ianao dia namono ireo zanak'ireo mpaminany ary milaza ny tenanao ianao ho sahala amin'ny anisan'ireo olo-marina ! »

Hoy Ibn Ziyad hoe : « Sambory ho ahy izy ! »

Nosamborin'ireo irak'i [Ibn Ziyad] izy.

Niteny mafy ilay feom-pamantarana [ho an'ny fokon'] ireo Azd izy [i 'Abdallah b. 'Afif al-Azdi] ka vetivety foana dia vatan-dehilahy fiton-jato no tafavory sy nanavotra azy.

Nefa raha vao alina ny andro, dia naniraka olona Ibn Ziyad mba hampivoaka azy ao an-tranony, avy eo dia novonoina izy nialohan'ny nanombohana azy tao Sabakha. [Ny mpitantara :] « Hamindrafo aminy anie i Allah. »

Ny maraina, i 'Obaydollah b. Ziyad nandefa ny lohan'i Houssayn (as) ka nentina nitety ireo lalana rehetra sy ireo faritra misy ireo foko samihafa tao Koufa.

IREO LOHAN'IREO MARITIORA NENTINA NANKANY DAMAS

Nisy nitantara avy tamin' i Zayd b. Arqam nanao hoe : « Ny lohan'i Houssayn (as), natsatoka eo amin'ny lefona, dia nandalo teo akaiky ny tranoko, tamin'ny fotoana izaho tao amin'ny efi-tranoko. Rehefa nandalo teo anatrehako izy, dia henoko izy namaky ny hoe

“{Heverinao ve fa ny olon’ny Lavabato sy ny ar-Raquim dia zava-mahagaga lehibe amin’ireo Fahagagana vitanay ?}”¹ ”. Ifantàna amin’i Allah fa nitsangana ireo volon-koditro. Koa dia niteny àry aho hoe : “Ifantàna amin’i Allah, ry zanak’ily Irak’i Allah, fa ny lohanao dia mahagaga ! Zava-mahagaga izy !” »

Rehefa vita ny fitondrana azy nitety ireo làlana tao Koufa, dia naverin’izy ireo teo am-baravaran’i lapa izy.

Avy eo, Ibn Ziyad nanolotra tamin’i Zahr b. Qays ny lohan’i Houssayn (as) sy ny an’ireo mpanara-diany. Nalefany izy ho any amin’i Yazid b. Mo’awiyah, aoka anie i Allah sy ireo izay ety an-tany ary ireo any amin’ireo lanitra mba hanozona azy. Nampiarahina amin’i Abou Bordah b. ‘Awf al-Azdi, sy i Tariq b. Abi Zabyan ary andian’olona iray avy ao Koufa izy mba hihaona amin’i Yazid any Damas.

NY FIHETSIKA NASETRIN’I YAZID TEO AM-PAHATONGAVAN’IREO LOHA TAO DAMAS

Nisy nitantara avy tamin’ i ‘Abdallah b. Rabi’ah al-Himyari nanao hoe : « Izaho dia tao Damas teo anatrehan’i Yazid b. Mo’awiyah

¹ Ny boky masina Kor’any, 18:9

tamin'ny fotoana nahatongavan'i Zahr b. Qays tao ka tonga nihaona taminy.

Niteny i Yazid taminy hoe : “Loza ho anao ! Inona no entinao aminay ?!”

Namaly izy hoe : “Ry Lehiben'ireo mpino ! Vaovao mahafaly ! [Izaho mitondra ho anao] vaovao mahafaly mikasika ny fandresen'i Allah sy ny voninahiny. Houssayn (as), niaraka tamin'ireo fianakaviany valo ambin'ny folo sy ireo mpomba azy enim-polo, no nizotra nanatona anay. Nandeha nihaona tamin'izy ireo izahay ary niangavy azy ireo mba hilavo lefona sy hanaiky ny fahefan'ny governora i 'Obaydollah b. Ziyad fa raha tsy izany dia hiady amin'izy ireo izahay. Naleon'izy ireo anefa ny hiady toy izay ny hanaiky. Ny ampitson'iny, tamin'ny fiposahan'ny masoandro, dia nodidininay izy ireo nanerana ny vazan-tany rehetra ka niafara tamin'ireo sabatray namely ny lohan'izy ireo. Nandositra izy ireo saingy tsy nahita fiarovana na fialofana. Nanavotr'aina nankany amin'ireo havoana sy ireo hady izy ireo tahaka ny voromailala mandositra voromahery. Ifantàna amin'i Allah, ry Lehiben'ireo mpino, fa nitaky fotoana taminay tokoa toy ny fotoana takiana amin'ny famonoana rameva na amin'ny fanaovana torimaso kely amin'ny antoandro, ny ady natao tamin'ny anankiray farany amin'izy

ireo. Amin'izao fotoana izao, ireo vatan'izy ireo mitanjaka eo ambany masoandro, ny tarehy eo amin'ny tany ary ny fitafian'izy ireo feno vovoka natsipy amin'ny tany. Ny rivotra mitsoka amin'izy ireo ary ireo voromahery sy ny vorondia no mitsidika azy ireo."

Nampiondrika ny lohany tao anatin'ny fotoana kely i Yazid, vao nitraka ka niteny hoe : "Nahafaly ahy ny fankatoavanareo na dia tsy novonoinareo aza i Houssayn. Raha izaho no nifanatrika taminy, dia ho namela azy aho." »

IREO BABO NENTINA NANKANY DAMAS

Taorian'ny nandefasana ny lohan'i Houssayn (as), i 'Obaydollah b. Ziyad dia nanome baiko mba hanomanana an'ireo vehivavy sy ireo zanak'i Houssayn (as), tahaka ny nanomezany baiko ihany koa an'i 'Ali b. Houssayn (as) mba ho fatorana amin'ireo rojovy hatreo amin'ny tenda. Tohin'ny fandefasana ny loha, dia nalefany izy ireo niaraka tamin'i Mojfir b. Tha'labah al-A'aizi' sy i Shimr b. Zil-Jawshan. Koa dia nandao [an'i Koufa] izy ireo mba hanaraka an'ireo olona nampitondraina ny lohan'i Houssayn (as).

Nandritra ny fandehanana, i 'Ali b. Houssayn dia tsy niteny na dia teny iray aza. Nony tonga tao Damas izy ireo, teo am-baravaran'ny lapan'i

Yazid, dia niteny tamin'ny feo avo i Mojfir b. Tha'labah nanao hoe : « Indro i Mojfir b. Tha'labah izay nitondra ireo olona tsy manjary mpanohitra an'ilay Lehiben'ireo mpino. »

[Teo am-pandrenesana ireo teny ireo,] i 'Ali b. Houssayn (as) dia namaly nanao hoe : « Ny renin'i Mojfir dia niteraka olona tena ratsy sy tena tsy manjary. »

IREO BABO TAO AMIN'NY FIVORIAN'I YAZID

Rehefa ireo lohan'[ireo maritiora], anisan'izany ny an'i Houssayn (as), no napetraka teo anatrehan'i Yazid, ity farany dia nilaza [ireto andalana tononkalo manaraka ireto]:

« [Ireo sabatra] dia namira ireo lohan'olona izay notiavinay

Eny fa na dia tena mpikomy aza izy ireo no sady mpanao tsy rariny. »

[Tamin'izany indrindra,] i Yahya b. Hakam, ilay rahalahin'i Marwan b. Hakam, izay nipetraka teo akaikin'i Yazid dia nilaza [ireto andalana tononkalo manaraka ireto] :

« Ilay loha [notapahina] teo akaikin'i Taff (Karbala) dia manakaiky anay ara-pihavanana

Fa ny an'Ibn Ziyad, ilay andevo dia [nipoitra]
avy amin'ny firazanana tsy manjary.

[Fa ankehitriny] ny taranak'i Omayyah dia
miisa [maro] sahala amin'ireo vatokely

[Nefa tamin'izany] ny zanakavavin'ilay Irak'i
Allah dia tsy nanana taranaka intsony. »

Yazid b. Mo'awiyah [namaly izany] tamin'ny
fikapohana ny tratan'i Yahya b. Hakam sy
niteny taminy hoe : « Mangina ianao ! »

Avy eo, i Yazid niresaka tamin'i 'Ali b.
Houssayn nanao hoe : « Ry zanak'i Houssayn !
Ny rainao dia nanapaka ny fihavanana tamiko,
nataony tsy fantatra ny zoko ary nolaviny ny
fahefako ! Noho izany i Allah dia nampihatra
amin'ny izao zavatra hitanao izao ! »

Namaly i 'Ali b. Houssayn hoe : « **{Tsy misy
loza mahazo ny tany na ny tenanareo ka tsy
voasoratra tao amin'ny Boky talohan'ny
nanaovanay azy ; ary mora ho an'i Allah tokoa
izany.}**¹ »

Yazid niangavy an'i Khalid zanany hoe :
« Valio izy. » Nefa tsy hain'i Khalid ny famaliana
izany.

¹ Ny boky masina Kor'any, 57:22

Hoy i Yazid taminy hoe : « Lazao aminy hoe :
“{**Avy amin’izay nataon’ny tananareo ihany ny
loza mihatra aminareo. Ary Mamela heloka
maro Izy.**}¹ ” »

Avy eo dia nasainy nampidirina ireo ankizy sy
ireo vehivavin’i Houssayn (as). Ary dia
nampanandrosoina izy ireo nialohan’ny
nametrahana azy ireo hipetraka manoloana azy [i
Yazid]. Teo ampahitana ny endrik’izy ireo
mahonena dia hoy izy : « Allah anie hanameloka
ny zanak’i Marjanah ! Raha nisy rohim-
pihavanana sy fihavanana akaiky teo aminareo
sy izy, dia tsy nanao anareo toy izao no sady tsy
nandefa anareo amin’izao endrika izao izy ! »

Fatima b. Houssayn (as) dia nitantara hoe :

« Rehefa nasaina nipetraka nanoloana an’i
Yazid izahay, dia nangoraka taminay izy. Nisy
lehilahy iray [mitarehy] mena anisan’ireo
mponina tao Damas no nitsangana sy nilaza hoe :
“Ry Lehiben’ireo mpino, omeo ahy ity tovovavy
ity !” sady nanondro ahy izy !

Izaho dia tovovavy miramiran’endrika.
Nangovitra [noho ny tahotra] aho ary noheveriko
fa mety eo amin’izy ireo ny manao izany. Noho
izany dia notazomiko ireo fitafian’ny nenitoako i

¹ Ny boky masina Kor’any, 42:30

Zaynab izay nahalala fa zavatra tsy azo atao izany.

Niteny àry ny nenitoako tamin'ity lehilahy avy ao Syria ity : “Milaza diso ianao ! Ifantàna amin'i Allah, aoka mba tsy hanao vetaveta ! Na ianao na izy dia tsy manan-jo amin'izany !”

Tezitra i Yazid ka niteny hoe : “Ifantàna amin'i Allah, fa mandainga ianao ! Adidiko ny manapakevitra ary raha te hanao izany aho dia ho nataoko izany !”

Hoy izy [i Zaynab] hoe : “Ifantàna amin'i Allah, tsia ! Allah dia tsy nanome anao izany zo izany raha tsy efa nandà ny finoanay ianao no sady mitory ny finoana hafa ankoatra ny anay ianao !”

[Naheno izany,] i Yazid dia nisafoakan'ny hatezerana ary niteny hoe : “Dia tahak'izao ve no ataonao eo anatrehako ?! Ny rainao sy ny anadahinao no nitsipaka ny finoana !”

Hoy i Zaynab hoe : “Tamin'ny alalan'ny finoan'i Allah, ny an'ny raiko sy ny an'ny anadahiko no nitarihana anao, ny rainao sy ny raibenao, raha toa ka mba silamo marina ianao !”

Hoy izy : “Diso ny voalazanao, ry fahavalon'i Allah !”

Namaly izy : “Ianao dia lehibe izay manompa tsy amin’ny rariny ary ianao manindrihazolena amin’ny fitondranao !”

Nangina izy, fa nahatsiaro menatra.

Ilay lehilahy avy ao Damas nangataka indray nanao hoe : “Omeo ahy ity tovovavy ity !”

Hoy izy [i Yazid] hoe : “Mandehana any ianao ! Allah anie hanome anao tokoa ny fahafatesana !” »

NY FIAINGAN’IREO BABO NIALA TAO DAMAS

Toarian’izany, dia nanome baiko izy ny hametrahana ireo vehivavy amin’ny trano mitokana ary mba hampiarahana amin’izy ireo i ‘Ali b. Houssayn (as). Trano iray izay mifandray amin’ny an’i Yazid no nomena ho azy ireo. Nitoetra tao izy ireo nandritra ny andro vitsivitsy.

Avy eo i Yazid niantso an’i No’man b. Bashir ka nilaza taminy hoe : « Ataovy ny fiomanana mba hamerenana an’ireto vehivavy ireto any Madina. »

Rehefa vita ny fiomanana, dia nangataka ny hiresaka amin’i ‘Ali b. Houssayn (as) izy. Niresaka taminy mangingina izy ary niteny taminy hoe : « Allah anie hanozona ny zanak’i

Marjanah. Raha izaho no nifampiraharaha tamin'ny rainao dia ho nomeko azy izay nilainy. Ho nataoko izay rehetra mba hanakanana azy tsy ho faty. Nefa i Allah no nandahatra izao zavatra hitan'ny masonao izao. Manorata amiko ianao raha vao tonga any Madina ary ampahafantaro ahy izay rehetra ilainao. »

Nomeny azy ireo fitafiany sy ny an'ireo fianakaviany ary nasainy notronin'ireo mpiambina izay notarihin'i No'man b. Bashir izy ireo. Nanome baiko iraka iray izy mba hiaraka amin'izy ireo, handeha amin'ny alina sy hijanona hatrany tsy hanalavitra azy ireo araka izay takamaso ; hanalavitra azy ireo amin'ny fotoana hijanonana sy hitoetra mihodidina azy ireo tahaka ireny mpiambina ireny ary hitoetra [lavitra azy ireo] amin'izay raha misy ny te hanao fidiovana masina na te hanatanteraka ny filàny, dia tsy hanelingelina amin'izany izy.

Araka izany, ilay iraka dia niaraka amin'ireo mpiambina napetraka teo ambany fibaikoan'i No'man.

Izy ireo dia niato matetika teny ampandehanana sy naneho fitia tamin'izy ireo, araka ny toro-hevitra nomen'i Yazid azy ireo, mandra-pahatongavana tao Madina.

IREO AHL AL-BAYT TAO MADINA

Taorian'ny nandefasana ny lohan'i Houssayn (as) tany amin'i Yazid, dia niangavian'Ibn Ziyad i 'Abd al-Malik b. Abi al-Hadith al-Solam hoe : « Mandehana any Madina ianao mankany amin'i 'Amr b. Sa'id b. al-'As ka lazao azy ny vaovao mahafaly mikasika ny famonoana an'i Houssayn. »

Hoy i 'Abd al-Malik hoe : « Nitsangatsangana teny ambony soavaly aho no sady nizotra nankany Madina. Nifanena tamin'ny lehilahy iray avy amin'ny fokon'ireo Koraysh aho, izay nanontany hoe : “Inona no vaovao ?”

Namaly aho hoe : “Misy vaovao eny amin'ny governora. Haheno izany ianao. Marina fa isika dia an'i Allah ary any Aminy no hiverenantsika. Ifantàna amin'i Allah fa novonoina i Houssayn b. 'Ali”

Rehefa tonga teo amin'i 'Amr b. Sa'id aho, dia nanontany ahy izy hoe : “Inona no vaovao ?”

Namaly aho hoe : “Ny vaovao misy dia hahafaly ny governora. Houssayn dia novonoina.”

Hoy izy tamiko hoe : “Ndeha lazao amin'ireo vahoaka ny namonoana azy.”

Ifantàna amin'i Allah, fa rehefa nolazaiko tamin'ireo vahoaka ny vaovao, dia mbola tsy naheno feo mitomany mafy dia mafy toy ny henoko nivoaka avy tao amin'ny tranon'ireo Bani Hashim aho tamin'ny fotoana nandrenesan'izy ireo ny vaovao mikasika ny nahamaritiora an'i Houssayn b. 'Ali (as).

Niverina tao amin'i 'Amr b. Sa'id aho. Rehefa nahita ahy izy, dia nihomehy, ary namaky ny andalana tononkalon'i 'Amr b. Ma'd Yakrib :

“Ireo vehivavin'ireo Bani Ziyad namoaka
feom-pitomaniana mafy izaitsizy,

Mitovy amin'ireo feom-pitomanian'ireo
vehivavinay tamin'ny andron'ny adin'ny
Arnab.”

Avy eo niteny i 'Amr hoe : “Izany feo mitomany izany dia tsy misy valaka tamin'ny feo nitomany tamin'ny namonoana an'i 'Othman.”

Avy eo izy niakatra teo amin'ny polpitra ka nanambara tamin'ireo vahoaka ny famonoana an'i Houssayn b. 'Ali (as) ary nitso-drano an'i Yazid b. Mo'awiyah nialohan'ny nidinany teo amin'ny polpitra. »

Ireo sasany mpomba an'i 'Abdallah b. Ja'far b. Abi Talib (as) nandeha namangy azy, mba

haneho aminy ny fiaraha-miory amin'ny nahafaty an'ireo zanany roalahy.

Hoy izy : « Marina fa isika dia an'i Allah ary any Aminy no hiverenantsika. »

Abou Salasil, naman'i 'Abdallah dia niteny hoe : « Izao zava-mitranga izao dia vokatry ny nataon'i Houssayn b. 'Ali ! »

'Abdallah b. Ja'far dia nitoraka azy tamin'ny kapany sady niteny hoe : « Ry zanak'ilay vehivavy maharikoriko ! Amin'i Houssayn ve no ilazanao izany ?! Ifantàna amin'i Allah, fa raha tafaraka taminy aho dia ho niriko ny tsy nisaraka taminy mihitsy mandra-pamonoana ahy ihany koa teo anilany. Ifantàna amin'i Allah, fa raha teo anilany aho dia ho niriko ny tsy nandao azy mihitsy mandra-pahalavo maritiora ahy ihany koa niaraka taminy ! Ifantàna amin'i Allah fa izay mba mampionona ahy sy manampy ahy hahazaka ny halahelo amin'ny fahafatesan'izy roa ireo, dia ny [fahafantarana] fa izy ireo dia lavo maritiora niaraka tamin'ny rahalahiko sy zanaky ny rahalahin-draiko, tamin'ny fanampiana azy tao anatin'ny fiaretana niaraka taminy. »

Avy eo dia nijoro teo anatrehan'ny fivoriana izy ka niteny hoe : « Dera ho an'i Allah -Tsitoha sy Be voninahitra- na dia maritiora aza i Houssayn (as). Raha tsy afaka nanampy an'i

Houssayn tamin'ny alalan'ny tanako manokana aho, dia nanampy azy kosa ireo zanako roalahy. »

Tamin'ny fanambarana ny nahamaritiora an'i Houssayn (as), i Oumm Loqman, zanakavavin'i 'Aqil b. Abi Talib nivoaka avy hatrany [teny andalana] na dia mbola [nisy faritra tamin'ny tenany] aza nitanjaka. Narahin'ireo rahavaviny sy ireo zanakavavin'i 'Aqil b. Abi Talib hafa izy dia : i Oumm Hani, i Asma, i Ramla sy i Zaynab (ra). Izy ireo dia nitomany an'ireo maritioran'izy ireo lavo tao Taff (Karbala) tamin'ny alalan'ny famakiana an'ireto andalana tononkalo manaraka ireto :

« Inona no holazainareo rehefa ilay Iraka no hanontany anareo hoe :

“Inona no nataonareo, amin'ny mahavahoaka farany anareo,

Tamin'ny taranako sy ny fianakaviako taorian'ny nandehana,

Misy amin'izy ireo no natao babo ary misy amin'izy ireo olona feno rà mandriaka ?

Toy izany ve no mba fisaoranareo ahy tamin'ny nanaovako sorona [ny rehetra] ho anareo ?!

Dia ny tsy fananana antra amin'ny
fianakaviako akaiky ?!" »

Ny harivan'izany andro izany, raha
nanambara ny nahamaritiora an'i Houssayn b.
'Ali (as) i 'Amr b. Sa'id teo ambony polpitra tao
Madina, dia henon'ireo mponina tao an-tanàna
tao anatin'ny haizin'ny alina ireto tononkalo
manaraka ireto, kanefa izy ireo dia tsy afaka
nahita izay olona namaky izany :

« Ô ianareo izay namono an'i Houssayn tsy
am-piheverana

Raiso ny "vaovao mahafaly" mikasika ny
famaizana sy ny fanamelohana.

Ireo zava-boaharin'ny lanitra rehetra dia
manozona anareo :

Mpaminany, ireo anjely sy ireo hafa.

Ianareo dia voaozon'ny zanak'i Davida,
Mosesy sy ilay mpampianatry ny Evanjely
[Jesosy]. »

**FIZARANA FAHAEFATRA :
NY ANARAN'IREO MARITIORA
AMIN'NY FIANAKAVIAN'I
HOUSSAYN (AS). NY
HATSARAM-PANAHY SY IREO
HATSARAN-TOETRAH'I
HOUSSAYN (AS), IREO
HASIN'NY FAMANGIANA AZY
SY NY FILAZALAZANA
AN'IREO ZANANY**

NY ANARAN'IREO MARITIORA AMIN'NY FIANAKAVIAN'I HOUSSAYN (AS)

Fianakavian'i Houssayn (as) miisa fito ambin'ny folo no maty maritiora teo an-tany lemak'i Karbala. Ny fahavalo ambin'ny folony dia i Houssayn b. 'Ali (as). Ireto avy ny anaran'izy ireo :

- 'Abbass, i 'Abdallah, i Ja'far sy i 'Othman : zanaky ny Lehiben'ireo mpino [i 'Ali (as)] ka ny renin'izy ireo dia i Oumm al-Banine.

- 'Abdallah sy i Abou Bakr : zanaky ny Lehiben'ireo mpino [i 'Ali (as)] ka ny renin'izy ireo dia i Layla, zanakavavin'i Mas'oud al-Thaqafi.

- 'Ali sy i 'Abdallah : zanak'i Houssayn b. 'Ali (as).

- Qassim, i Abou Bakr, i 'Abdallah : zanak'i Hassan b. 'Ali (as).

- Mohammad sy i 'Awn : zanak'i 'Abdallah b. Ja'far b. Abi Talib (ra).

- 'Abdallah, i Ja'far sy i 'Abd al-Rahman : zanak'i 'Aqil b. Abi Talib (ra).

- Mohammad b. Abi Sa'id b. 'Aqil b. Abi Talib (ra).

Ireto olona fito ambin'ny folo avy amin'ireo Bani Hashim -ny fifalian'i Allah anie ho amin'izy ireo- ireto dia rahalahin'i Houssayn (as), zanak'anabaviny, zanak'ireo rahalahin-drainy i Ja'far sy i 'Aqil. Izy rehetra ireo dia milevina eo akaikin'ny tongotr'i Houssayn (as). Nampiarahina ao anatin'ny lava-pasana iray avokoa izy ireo, nohadiana teo akaiky ny fasany, nialohan'ny nahatototry ny tany izany, afa-tsy i 'Abbass b. 'Ali (ra). Ity farany dia nalevina amin'ny toerana izay nahalavo maritiora azy, teo akaikin'ny sakana, eo amin'ny lalan'ny al-Gadhiriyyah. Ny fasany dia fantatry ny rehetra.

Etsy andaniny kosa, dia tsy nahitana soritra akory ny fasan'ireo rahalahiny sy ny fianakaviany izay avy notanisaintsika teo. Ireo mpanao fitsidihana masina dia mitangorona eo amin'ny fasan'i Houssayn (as) no sady manondro amin'ny tany mankany amin'ny tongony eo ampanaovana ny famangiana ny fanahin'izy ireo. 'Ali b. Houssayn (as) dia nalevina niaraka amin'ireto maritiora ireto. Nisy nitantara fa izy no ilay milevina akaiky indrindra amin'i Houssayn (as).

Mikasika ireo mpanara-dian'i Houssayn (ra), ireo izay lavo maritiora teo anilany, izy ireo dia nalevina manodidina an'io toerana io. Isika dia tsy manana ny antsipiriany na ny filazana marina

mikasika ny fasan'izy ireo. Nefa kosa dia tsy isalasalana ny filazana fa ny fasan'i Houssayn (as) (al-Haïr) dia mandrakotra ny fasan'izy ireo. Ny fifalian'i Allah anie ho amin'izy ireo, aoka anie Izy mba hankasitraka sy handray azy ireo ao amin'ireo Paradisa mahafinaritra.

IREO HATSARAM-PANAHY SY IREO HATSARAN-TOETRA'NY HOUSSAYN (AS)

1. Sa'id b. Rashid dia nitantara araka ny voalazan'i Ya'la b. Morrah hoe : « Henoko ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) nilaza hoe : "Houssayn dia avy amiko ary izaho dia avy amin'i Houssayn. Allah dia mitia izay mitia an'i Houssayn. Houssayn dia Sibti iray amin'ireo Asbat [izay avy amin'ny alalany no hielezan'ny taranaky ny mpaminany]." »

2. Ibn Lahi'ah dia nitantara araka ny voalazan'i Abi 'Awanah izay naheno izany avy tamin'ilay Iraka : « Ilay Irak'i Allah dia niteny nanao hoe : "Hassan sy i Houssayn dia haingo anankiroan'ny seza fiandrianana [toy ny kavina]." »

Niteny ny Paradisa hoe : "Tampo ô, tsy hataonao afa-tsy ny honenan'ireo olona malemy sy mahantra ve aho ?!" Namaly i Allah hoe : "Tsy

mahafaly anao ve fa nampihaingoako ireo andrinao amin'ny alalan'i Hassan sy i Houssayn ?" Araka izany, ilay Paradisa dia tena faly tafahoatra tokoa toy ny mpanambady ao anatin'ny fifaliana." »

3. 'Abdallah b. Maymoun al-Qaddah dia nitantara araka ny voalazan'i Ja'far b. Mohammad al-Sadiq (as) : « Hassan sy i Houssayn manao kilalaon'ady eo anatrehan'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany). Ity farany niteny hoe : "Ry Hassan ! Sambory izy !" Fatima (as) nilaza hoe : "Ry Irak'i Allah ô, arisikao ve ny lehibe hiady amin'ny kely ?!" Namaly ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) hoe : "Indro i Gabriel (as) izay miteny amin'i Houssayn hoe : Ry Houssayn ô ! Sambory i Hassan !" »

4. Ibrahim b. Rafi'ih dia nitantara araka ny voalazan'ny rainy izay naheno izany avy tamin'ny raibeny : « Hassan sy i Houssayn dia nandeha an-tongotra [nizotra nankany Lameka] mba hanao ny hadj. Isaky ny olona eo ampitaingenana izay nifanena tamin'izy ireo, dia nidina ary nanomboka nandeha an-tongotra ihany koa. Ny sasany, izay mananosarotra aminy [ny mandeha an-tongotra], dia nilaza tamin'i Sa'd b. Abi Waqqas hoe : "Sarotra ho anay ny

mandeha an-tongotra ary tsy fanajana ny mandeha mitaingina nefa ireto olon-dehibe roa ireto dia eo am-pandehanana an-tongotra.”

Sa’d niteny tamin’i Hassan hoe : “Ry rain’i Mohammad, ny fandehanana an-tongotra dia manahirana ny vondron’olona sasany izay miaraka aminao. Fa ireo olona dia lasa mandeha an-tongotra noho ny fahitana anareo roa samy mandeha an-tongotra. Ho tsara fanahy ve ianao ka hiakatra eo ambony biby fitaingina ihany koa ?”

Namaly i Hassan hoe : “Izahay dia nifanome toky fa ho any amin’ny Trano masin’i Allah mandeha an-tongotra. Ka raha izany, dia aleo izahay hiova lâlana.” Araka izany, dia nanaraka ny lâlana manakaiky ny an’ireo olona izy ireo. »

5. Al-Awza’iy dia nitantara araka ny voalazan’i ‘Abdallah b. Shaddad izay naheno izany avy tamin’i Oumm al-Fadhl b. Harith tamin’izy nitsidika an’ilay Irak’i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan’i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany).

Hoy izy taminy : « Ry Irak’i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan’i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany), tamin’ity alina ity aho dia nahita nofy mampiahiahy. »

Nanontany izy hoe : « Inona ny nofy hitanao ? »

Hoy izy namaly hoe : « Nofy manahirana. »

Nanontany izy hoe : « Fa nisy inona tao ? »

Namaly izy hoe : « Nahita ny silaky ny vatanao notapahana aho ka napetraka teo ampofoako. »

Niteny ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) hoe : « Tsara ! Ianao dia nahita an'i Fatima niteraka zazakely izay hapetraka eo ampofoanao. »

Ary dia niteraka an'i Houssayn (as) i Fatima (as).

Nilaza àry izy hoe : « Izy dia napetraka teo ampofoako sahala amin'ny efa nolazain'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany). Fa indray andro aho nitsidika an'ilay Iraka (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany). Napetrako teo ampofoany izy ary tamin'izay indrindra, dia hitako fa nikoriana ireo ranomasony.

Hoy aho hoe : “ Ataoko sorona ho anao anie ny raiko sy ny reniko, ry Irak'i Allah ! Fa misy inona moa ? ”

Namaly izy hoe : “Tonga tamiko i Gabriel (as) ka nanambara tamiko fa ny vahoakako dia hamono an’ity zanako ity. Izy dia nitondra [kely] ho ahy ny vovo-taniny mena.” »

6. Simak b. Mokhariq dia nitantara araka ny voalazan’i Oumm Salama (ra) : « Indray andro, ilay Irak’i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan’i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) dia nipetrapetraka ary i Houssayn no teo ampofaany, ireo masonry dia kotsan-dranomaso.

Hoy aho taminy hoe : “Ry Irak’i Allah, nahoana ianao no hitako mitomany ? Aoka anie aho hanao sorona ho anao.”

Hoy izy tamiko hoe : “Tonga tamiko i Gabriel (as), nambarany tamiko ny fahafatesan’ny zanako i Houssayn ary nolazainy ahy fa vondrona iray amin’ny vahoakako no hamono azy. Aoka anie i Allah tsy hanome tombontsoa ho azy ireo amin’ny fanelanelanako.” »

7. Nisy nitantara tamin’ny alalan’ny teny miampitampita avy tamin’i Oumm Salama (ra) : « Indray andro hariva, ilay Irak’i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan’i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) no nandao anay. Tsy teo nandritra ny fotoana naharitra izy. Avy eo izy niverina teo aminay feno vovoka, ny tànany mihidy.

Hoy aho : “Ry Irak’i Allah, nahoana aho no mahita anao feno vovoka ?”

Namaly ahy izy hoe : “Vao teo aho no nentina nankany amin’ny toerana iray ao Iraq antsoina hoe Karbala. Naseho tamiko ny toerana hahamaritiora an’i Houssayn zanako, ary koa ny an’ny vondrona iray avy amin’ny taranako sy ny fianakaviako. Nangoniko ny rà’n’izy ireo ka nentiko amin’ity tanako ity.”

Nosokafany ho ahy ny tànany, ary hoy izy : “Raiso ity ary tehirizo.”

Ary dia noraisiko izany. Izany dia manahaka ny tany mena. Nampidiriko tao anaty tavoahangy kely izany nialohan’ny nisaromako azy. Notehiriziko izy ary raha nandao an’i Lameka i Houssayn mba ho any Iraq, dia noraisiko andro aman’alina ilay tavoahangy, nohenoiko ny fofony, nodinihiko ary nitomany aho amin’ny fahoriany. Ary tamin’ny andro fahafolon’ny volana Moharram, ilay andro izay namonoana azy, dia noraisiko vao maraina ilay izy. Mbola toy ny mahazatra izy. Avy eo dia noraisiko indray izy ny hariva ary tamin’izany, dia nahitana rà velona. Nikiaka tao an-tranoko aho, nitomany aho saingy nafeniko ny alaheloko mba tsy haheno ahy ireo fahavalony tao Madina ka tsy handeha hiravoravo haingana.

Niezaka aho nahatsiaro ny daty mandrapisian'ny vaovao [ofisialy] mikasika ny nahamaritiora azy sy manamarina ny zavatra voamariko. »

8. Nisy nitantara fa indray andro, ilay Iraka (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) no nipetrapetraka, ary i 'Ali, i Fatima, i Hassan sy Houssayn (as) no nanodidina azy, hoy izy tamin'izy ireo hoe : « Ahoana ny fihetseham-ponareo raha lazaiko aminareo fa rehefa modimandry ianareo dia hiparitaka ny fasanareo ? »

Hoy i Houssayn (as) hoe : « Hodimandry ara-boajanahary ve izahay sa hovanoina ? »

Namaly izy hoe : « Ianao dia hovanoina tsy amin'ny rariny ry zanako. Ny rahalahinao dia hovanoina tsy ara-drariny ihany koa. Ireo taranakareo dia hatao sesi-tany saika manerantany. »

Niteny i Houssayn (as) hoe : « Ry Irak'i Allah, iza moa no hamono anay ? »

Namaly izy hoe : « Ireo olona mpanao ratsy. »

Hoy i Houssayn (as) hoe : « Hisy olona hamangy anay ve aorian'ny nahamaritiora anay ? »

Namaly izy hoe : « Eny. Vondron'olona iray avy amin'ny vahoakako no haneho hatsarana amiko sy hitazona fifandraisana tsara amiko amin'ny alalan'ny famangiana anareo. Amin'ny andron'ny Fitsanganana, dia hihaona amin'izy ireo eo an-toerana [ny Fitsanganana amin'ny maty] aho, ho tantanako izy ireo ary havotako amin'ireo fahatahorana sy ireo fahasahiranana. »

9. 'Abdallah b. Sharik al-'Amiri dia nitantara hoe : « Teo ampihainoana an'ireo mpanara-dian'i 'Ali (as) aho, dia indro i 'Omar b. Sa'd niditra teo amin'ny varavaran'ilay moske. Niteny izy ireo hoe : "Indro ilay mpamono an'i Houssayn b. 'Ali (as)." Ary izany moa dia niseho nialohan'ny nahamaritiora azy. »

10. Salim b. Abi Hafsa dia nitantara hoe : « Niteny i 'Omar b. Sa'd tamin'i Houssayn (as) hoe : "Ry Aba 'Abdillah, misy ato amintsika ireo olona adala izay milaza fa izaho no hamono anao." »

Houssayn (as) niteny taminy hoe : « Tsy adala akory izy ireo. Izy ireo aza no mba manana fangorahana. Ny mahafaly ahy dia ny tsy fahafahanao misakafo afa-tsy varimbazaha kely monja avy any Iraq aorian'ny fahafatesako". »

11. Youssouf b. 'Abdah dia nitantara hoe : « Reko i Mohammad b. Sirine nilaza hoe : "Iza

hamenan'ny lanitra izao dia tsy ho hita raha tsy efa aorian'ny hahamaritiora an'i Houssayn (as).” »

12. Sa'd al-Iskaf dia nitantara araka ny voalazan'i Abou Ja'far (as) : « Ny namono an'i Yahya b. Zakariyya dia zaza teraka tamin'ny fijangajangana. Ny namono an'i Houssayn b. 'Ali (as) dia zaza teraka tamin'ny fijangajangana [ihany koa]. Tsy hiloko mena ny lanitra raha tsy noho ny avy amin'izy roa ireo. »

13. Soufyan b. 'Oyaynah dia nitantara araka ny voalazan'i 'Ali b. Zayd izay nitantara izany avy tamin'i 'Ali b. Houssayn (as) : « Izahay dia tafara-dàlana tamin'i Houssayn (as). Tsy nisy toeram-pijanonana iray izay nijanonany, ka tsy nandao izany toerana izany mihitsy izy raha tsy efa nampahatsiahy momba an'i Yahya b. Zakariyya sy ny hahamaritiora azy. Nilaza izy indray andro nanao hoe : “Anisan'ireo fahambanian'ity fiainana eto an-tany ity eo anatrehan'i Allah, dia ny nanolorana ny lohan'i Yahya b. Zakariyya tamin'ny olona ratsy fanahy amin'ireo ratsy fanahy taranak'Israël.” »

Maro ireo tantara izay nanambara fa tsy nisy tamin'ireo namono an'i Houssayn (as) sy ireo mpanara-diany (ra) na dia iray aza no nivoaka ka tsy nisy namono na tra-doza izay nanala baraka azy nialohan'ny nahafatesany.

IREO HASIN'NY FAMANGIANA AN'NY IMAM HOUSSAYN (AS)

Houssayn (as) dia maty maritiora, ny Sabotsy fahafolon'ny Moharram taonan'ny hijra faharaika ambin'ny enim-polo, taorian'ny vavaka fanompoana Zohr. Maty nampahoriana izy, nangetaheta, niharitra ny mafy, madio fo [amin'i Allah] araka ny efa nazavaintsika mikasika azy.

Tamin'izany andro izany izy dia valo ambin'ny dimam-polo taona. Niara-niaina tamin'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) izy nandritra ny fito taona, niaraka tamin'ny rainy ilay Lehiben'ireo mpino nandritra ny telopolo taona, ary niaraka amin'i Hassan (as) rahalahiny nandritra ny folo taona.

Ny faharetan'ny fitondrany taorian'ny [nahafatesan'ny] rahalahiny dia iraka ambin'ny folo taona.

Mihosotra amin'ny moina sy amin'ireo ravinkazon'ny katam izy. Tamin'ny fotoana nahamaritiora azy, ny lokon'ireo hoso-doko izay tena tiany [teo amin'ny takolaky ny tarehiny andaniny sy ankilany] dia nanjavona.

Tantara maro no milaza ireo hasin'ny famangiana azy, eny fa hatramin'ny filazana izany ho adidy tsy maintsy atao.

1. Nisy nitantara araka ny voalazan'i al-Sadiq Ja'far b. Mohammad (as) nanao hoe : « Ny famangiana an'i Houssayn b. 'Ali (as) dia tsy maintsy ataon'ny olona tsirairay izay manaiky fa ny maha-Imam an'i Houssayn (as) dia tendry avy amin'i Allah, Ilay Avo sy ambony indrindra. »

2. Niteny izy (as) hoe : « Ny famangiana an'i Houssayn (as) dia mitovy lenta amin'ny fanaovana hadj zato sy 'omrah zato nankasitrahana. »

3. Ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firariantsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) dia niteny hoe : « Izay mamangy an'i Houssayn aorian'ny fahafatesany, dia mendrika ho azy ny Paradisa. »

Ireo fanambarana miresaka mikasika ity lohahevitra ity moa dia maro tokoa. Izahay dia nitantara maromaro mikasika izany ao amin'ny bokinay antsoina hoe « Manasik al-Mazar ».

IREO ZANAK'I HOUSSAYN (AS)

Houssayn (as) dia manan-janaka enina :

- 'Ali b. Houssayn al-Akbar, ny fanampin'anarany dia i Abou Mohammad. Ny reniny dia i Shahzanane zanakavavin'i Chosroés Yazdajar.

- 'Ali b. Houssayn al-Asghar izay novonoina niaraka tamin'ny rainy tao an-tany lemaka [lemak'i Karbala]. Efa nolazaina teo aloha ny mikasika azy. Ny reniny dia i Layla, zanakavavin'i Abou Mourrah b. 'Orwah b. Mas'oud al-Thaqafi.

- Ja'far b. Houssayn izay tsy mba niteraka. Ny reniny dia avy amin'ny fokon'ireo Qodha'ah. Izy dia maty fony fahavelon'i Houssayn.

- 'Abdallah b. Houssayn izay novonoina niaraka tamin'ny rainy. Mbola kely izy [ankizy] tamin'izany. Teo ampofoan'ny rainy izy no nitsatohan'ny zanatsipika ny tendany. Efa nolazaina teo aloha ny momba azy.

- Soukayna b. Houssayn. Ny reniny dia i Rabab, zanakavavin'Imri al-Qays b. 'Adiy al-Kalbi no sady renin'i 'Abdallah b. Houssayn.

- Fatima b. Houssayn. Ny reniny dia i Oumm Iss-haq, zanakavavin'i Talha b. 'Obaydollah al-Taymi.

FIZAHAN-TAKELAKA AMIN'NY ANTSIPIRIANY

SASINTENIN'NY MPAMOAKA BOKY.....	9
SASINTENIN'NY MPANDIKA TENY	10
NY BOKY AL-IRSHAD.....	10
FAMPAHAFANTARANA AN'NY CHEIKH AL-MOFID	12
NY FANDIKAN-TENIN'ILAY BOKY	13
FANAMARIHANA VITSIVITSY :	14
FISAORANA	15
FIZARANA VOALOHANY : TANTARAN'ILAY IMAM IZAY NANDIMBY AN'NY IMAM HASSAN B. 'ALI (AS)	17
FIZARANA FAHAROA : NY FIAFARAN'ILAY FANEKEM- PILAMINANA NIARAKA TAMIN'NY FAHAFATESAN'I MO'AWIYAH SY NY FIANTSOAN'NY IMAM HOUSSAYN (AS) HANAQ DJIHAD.....	25
FIZARANA FAHATELO : FAMINTINANA IREO TANTARA MIKASIKA NY ANTSOAN'I HOUSSAYN (AS)	29
TOKO VOALOHANY : HOUSSAYN (AS) TAO MADINA	30
NY NAHAFATESAN'I MO'AWIYAH.....	30
HOUSSAYN (AS) TAO AMIN'I WALID SY NY FIFANDIRANA	
NISY TEO AMINY SY I MARWAN.....	31
TOKO FAHAROA : HOUSSAYN (AS) TAO LAMEKA	38
IREO TARATASIN'IREO MPONINA TAO KOUFA	40
NY VALINTENIN'NY IMAM HOUSSAYN (AS) TAMIN'IREO VAHOAKAN'I KOUFA	43
NY FANDEHANAN'I MOUSLIM B. 'AQIL NANKANY KOUFA.....	45
NY TARATASIN'I MOUSLIM HO AN'NY IMAM (AS) MIKASIKA NY LALANA NIZORANY HATRAMIN'NY NIAINGANY.....	46
NY VALINTENIN'NY IMAM (AS) TAMIN'I MOUSLIM B. 'AQIL.....	47

TOKO FAHATELO : MOUSLIM B. 'AQIL TAO KOUFA 48

MOUSLIM B. 'AQIL TONGA TAO KOUFA	48
NY HAFATR'I NO'MAN B. BASHIR.....	49
YAZID NAMPITANDRINA NY TOE-DRAHARAHA NISY TAO KOUFA.....	50
NY DIA LAVITR'I 'OBAYDOLLAH B. ZIYAD AVY TAO BASSORAH NANKANY KOUFA	51
IBN ZIYAD NIDITRA TAO KOUFA.....	52
TORITENY NATAON'IBN ZIYAD TEO AM-PAHATONGAVANY TAO KOUFA	55
MOUSLIM B. 'AQIL NIALA TAO AN-TRANON'I MOKHTAR KA NIFINDRA TAO AMIN'I HANI	56
MA'QIL, ILAY SYRIANA, MITSIKILO AN'I MOUSLIM	57
IBN ZIYAD NANONTANY MOMBA AN'I HANI	60
HANI NAMPANANTSOINA HO ANY AMIN'IBN ZIYAD	61
HANI TAO AMIN'IBN ZIYAD.....	62
LAHATENY NATAON'IBN ZIYAD TAORIAN'NY FIAHONANA AN'I HANI.....	71
MOUSLIM B. 'AQIL MIKOMY.....	72
NY FITANGORONAN'IREO LOHOLONA NANODIDINA AN'IBN ZIYAD.....	73
NIVOAKA IREO LOHOLONA NIARAKA TAMIN'NY FANEVAN'NY FANDRIAMPAHALEMANA AMIN'IZAY IREO VAHOAKA MANDAO AN'I MOUSLIM	74
MOUSLIM B. 'AQIL NILAOZANA	77
NY TOETRAN'IBN ZIYAD	81
LAHATENY NATAON'IBN ZIYAD TAORIAN'NY NANDAOZANA AN'I MOUSLIM.....	83
IBN ZIYAD NONY MARAINA NY ANDRO	84
MOUSLIM IBN 'AQIL NOTAFIHAN'IBN ASH'ATH	86
MOUSLIM B. 'AQIL VOAFEHIN'NY FAMPANANTENANA SANDOKA	88
NY TENY NAPETRAK'I MOUSLIM TAMIN'IBN ASH'ATH	90
MOUSLIM TAO AMIN'NY LAPAN'IBN ZIYAD.....	91
FARAHAFATR'I MOUSLIM TAMIN'I 'OMAR B. SA'D.....	94
MOUSLIM TEO ANATREHAN'IBN ZIYAD	96
NAHAMARITIORA AN'I MOUSLIM.....	98
NAHAMARITIORA AN'I HANI B. 'ORWAH	99
TONONKALO MIKASIKA NY NAHAMARITIORA AN'I MOUSLIM SY I HANI.....	101
IREO LOHA TAPAKA NALEFA ANY AMIN'I YAZID	102
NY VALINTENIN'I YAZID	104

TOKO FAHAEFATRA : FIAINGAN'I HOUSSAYN (AS) NIALA TAO LAMEKA	105
FIHAONANA TAMIN'I FARAZDAQ ILAY MPANAO TONONKALO	106
NY TARATASIN'I 'AMR B. SA'ID	108
TOKO FAHADIMY : IREO TOERAM-PIJANONANA TENY AN-DALANA MANKANY KOUFA	112
ZAT'IRQ.....	112
HAJIR	112
VOVON-DRANON'IREO ARABO	115
NANOME BAIKO IBN ZIYAD MBA HANAOVANA ANDRY MASO IREO LÀLANA	116
ZOHAYR B. QAYN NANARA-DIA AN'I HOUSSAYN (AS).....	117
ZAROUD.....	119
THA'LABIYYAH	121
ZOBALAH	124
BATN AL-'AQABAH.....	125
SHARAF.....	126
ZOU HISMA.....	128
QASR BANI MOQATIL.....	137
NAYNAWA	141
TOKO FAHAENINA : IBN SA'D TONGA NIHAONA TAMIN'I HOUSSAYN	145
FAHATONGAVAN'I 'OMAR B. SA'D TAO KARBALA	145
ILAY TARATASIN'I 'OMAR B. SA'D HO AN'IBN ZIYAD.....	148
VALINY AVY AMIN'IBN ZIYAD HO AN'IBN SA'D	149
NY TOBIN'I HOUSSAYN (AS) TSY NOMENA RANO	150
TARATASY FAHAROA AVY TAMIN'I 'OMAR B. SA'D HO AN'IBN ZIYAD	151
TARATASY FAHAROA AVY TAMIN'IBN ZIYAD HO AN'I 'OMAR B. SA'D	153
FAHATONGAVAN'I SHIMR MIARAKA AMIN'ILAY TARATASY HO AN'I 'OMAR B. SA'D	155
FIAROVAN'IBN ZIYAD NATOLOTRA HO AN'I 'ABBASS SY IREO RAHALAHINY.....	156
TOKO FAHAFITO : 'OMAR B. SA'D NANAFIKA NY TOBIN'I HOUSSAYN (AS).....	157

TOKO FAHAVALO : IREO ZAVA-NITRANGA ANDRO IRAY	
NIALOHAN'NY "ASHOURA"	161
LAHATENIN'NY IMAM HOUSSAYN (AS) ANDRO IRAY	
NIALOHAN'NY "ASHOURA"	161
VALINTENIN'IREO "HASHEMITA "	162
NY FIPETRAK'IREO MPANARA-DIA	163
HOUSSAYN (AS) SY I ZAYNAB (AS) ANDRO IRAY NIALOHAN'NY	
"ASHOURA"	165
HOUSSAYN (AS) SY IREO MPANARA-DIANY NANDRITRA NY ALINA	
[NIALOHAN'NY] "ASHOURA"	169
TOKO FAHASIVY : NY MARAINAN'NY "ASHOURA"	171
LAHATENIN'I HOUSSAYN (AS)	174
NY FIBEBAHAN'I HARR B. YAZID	178
LAHATENY NATAON'I HARR B. YAZID	182
TOKO FAHAFOLO : NY ADY	184
FANOMBOHAN'NY ADY	184
FANAFIHANA VOALOHANY	185
FAHAGAGANA	186
ILAY ADY NAFANA.....	187
NAHAFATY MARITIORA AN'I MOUSLIM B. 'AWSAJAH	189
FANAFIHANA AN'IREO MPIARA-DIA AMIN'I HOUSSAYN (AS)	190
NAHAFATY MARITIORA AN'I HARR B. YAZID	191
ILAY ADY FARANY NATAON'IREO MPANARA-DIAN'I	
HOUSSAYN (AS)	192
NY VAVAKA AMIN'NY MITATAO VOVONANA (ZOHRA)	193
NAHAFATY MARITIORA AN'I HANZALAH B. SA'D AL-SHIBAMI	194
NAHAFATY MARITIORA AN'I 'ABISS B. ABI SHABIB SY ILAY	
MPANOMPONY I SHAWZAB	195
NAHAFATY MARITIORA AN'I 'ALI B. HOUSSAYN (AS) AL-AKBAR	195
NAHAFATY MARITIORA AN'I 'ABDALLAH B. MOUSLIM	197
NAHAFATY MARITIORA AN'IREO ROALAHY ZANAK'I 'ABDALLAH B.	
JA'FAR SY I 'ABD AL-RAHMAN B. 'AQIL	198
NAHAFATY MARITIORA AN'I QASSIM B. HASSAN	198
NAHAFATY MARITIORA NY ZANAK'I HOUSSAYN (AS)	
SY I ABOU BAKR B. HASSAN	201
NAHAFATY MARITIORA AN'I 'ABBASS B. 'ALI (AS) SY IREO	
RAHALAHINY	202

TOKO FAHARAİKA AMBIN'NY FOLO : NY NAHAFATY	
MARITIORA AN'NY IMAM HOUSSAYN (AS).....	205
FOTOANA FARANY NIAINAN'I HOUSSAYN (AS).....	205
NAHAFATY MARITIORA AN'I HOUSSAYN (AS).....	210
FANDROBANA IREO TRANOLAY	211
NY VATAN'I HOUSSAYN (AS) NOHITSAKITSAHIN'NY KITRON'IREO	
SOAVALY.....	213
TOKO FAHAROA AMBIN'NY FOLO : IREO BABO TAORIAN'NY	
NAHAMARITIORA AN'NY IMAM HOUSSAYN (AS)	214
IREO HAVAN'NY IMAM NENTINA NANKANY KOUFA	214
NY FANDEVENANA NY VATAN'IREO MARITIORA	215
NY LOHAN'NY IMAM HOUSSAYN (AS) TEO	
ANATREHAN'IBN ZIYAD	216
IREO BABO TAO AMIN'NY FIVORIANA TEO	
ANATREHAN'IBN ZIYAD	217
NY FIHETSIKA NATAON'I 'ABDALLAH B. 'AFIF	221
IREO LOHAN'IREO MARITIORA NENTINA NANKANY DAMAS	222
NY FIHETSIKA NASETRIN'I YAZID TEO AM-PAHATONGAVAN'IREO	
LOHA TAO DAMAS	223
IREO BABO NENTINA NANKANY DAMAS	225
IREO BABO TAO AMIN'NY FIVORIAN'I YAZID	226
NY FIAINGAN'IREO BABO NIALA TAO DAMAS	230
IREO AHL AL-BAYT TAO MADINA	232
FIZARANA FAHAEFATRA : NY ANARAN'IREO MARITIORA	
AMIN'NY FIANAKAVIAN'I HOUSSAYN (AS). NY HATSARAM-	
PANAHY SY IREO HATSARAN-TOETTRAN'I HOUSSAYN (AS), IREO	
HASIN'NY FAMANGIANA AZY SY NY FILAZALAZANA AN'IREO	
ZANANY	237
NY ANARAN'IREO MARITIORA AMIN'NY FIANAKAVIAN'I	
HOUSSAYN (AS)	238
IREO HATSARAM-PANAHY SY IREO HATSARAN-TOETTRAN'I	
HOUSSAYN (AS)	240
IREO HASIN'NY FAMANGIANA AN'NY IMAM HOUSSAYN (AS).....	249
IREO ZANAK'I HOUSSAYN (AS).....	251
FIZAHAN-TAKELAKA AMIN'NY ANTUPIRIANY.....	252

Ny Maritioran'i Houssayn (as)

« Raha ianao no tsy mahay ny atao hoe fahafatesana, dia diniho

i Hani tao an-tsena toy izany koa Ibn 'Aqil

Ireo mahery fo, ny anankiray izay ny tarehiny dia voafiran'ny sabatra

Ny anankiray hafa dia potipotika novonoina avy eny ambony (ny lapa).

Izany moa dia didin'ny governora izay nahatonga ny fahapotehan'izy ireo

Ary lasa lovan-tsofina ara-tantara izy ireo ho an'ireo izay mandehandeha

manerana ny vazantany rehetra. »

Cheikh al-Mofid

